




UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE
DEPARTEMENT DE LA FORMATION
INITIALE
C.E.R LANGUE ET LETTRES MALGACHES



Mémoire de fin d'Etude pour l'Obtention du
Certificat d'Aptitude Pédagogique de l'Ecole Normale (CAPEN)

NY RARY : LOVANTSAINA VELONA (Patrimoine Culturel Immatériel)

AO AMIN'NY FIARAHAMONINA ANTEMORO

DISTRIKAN'I VOHIPENO, FARITR'I VATOVAVY FITOVINANY



Présenté par: HANITRAMIORA Denise Mirella

Directeur de mémoire: M^{me} SOLO-RAHARINJANAHARY RAHARIMALALA Anatolie

**Professeure titulaire et directrice de recherche à l'Université d'Antananarivo Ecole Normale
Supérieure**

Antananarivo 07 Janoary 2016

Teny fisaorana

Tsy afaka milaza ho nahavita samy irery ity asa fikarohana ity ny tenanay. Koa eto am-piandohana, dia mahafaly anay ny manolotra fisaorana feno fankasitrahana ireo izay nanampy anay mivantana, na ankolaka tamin'ny fanatontosana ity asa fikarohana ity, ho vokatra azo aroso toy izao.

Isaoranay ireo tompon'andraikitra rehetra ao amin'ny Ecole Normale Supérieure, indrindra ny talen-tsekoly, mampandeha an-tsakany sy an-davany ny fiainan'ny sekoly, ka nahafahanay mpianatra nanatontosa ny fianarana.

Toloranay fisaorana ireo mpampianatra rehetra ao amin'ny sampana Teny sy Soratra Malagasy, izay nanofana anay. Ny fahalalana nomen'izy ireo tokoa mantsy no nifameno ka zary fototra iray nahatsanganana ity asa ity. Singanina manokana amin'izany Andriamatoa RANDRIAMAHAZO Jean Claude izay filohan'ny Sampana nanao ny ainy tsy ho zavatra tamin'ny fampandehanana ny fiainan-tsampana. Mirary soa anareo hahavita be Tompoko.

Tsy hainay koa ny tsy hankasitraka an'Andriamatoa RAKOTONDRASOA Lala Modeste nanaiky ho Filoha Mpitarika izao fanohanana ampahibemaso ny asa fikarohana izao. Misaotra indrindra, “Ny andon'ny lanitra sy ny tsiron'ny tany anie ho aminareo sy ny ankohonanareo mandrakariva.”

Tolorana fisaorana lehibe ihany koa Andriamatoa RANDRIAMAHAZO Jean Claude izay niantsoroka ny fitsarana ity voka-pikarohana ity. Mirary soa, “ho lava andro iainana anie ianao”.

Singanina manokana Ramatoa SOLO RAHARINJANAHARY RAHARIMALALA Anatolie, mpampianatra “Anthropologie” sady reny mpiahy ny andiany ZAHATRA nandritra ny taom-piofanana, izay nanaiky am-pitiavana nitantana anay tamin'ity asa ity. Ankasitrahinay tanteraka ny fahafoizan-tenany, nitarika sy nanoro anay ny lalan-kizorana nandritra ny asa fikarohana, na dia maro aza ny andraikitra sahaniny. Tsy nitandro hasasarana ianao, ka “hambinin-java-manasatra anie ianao ,tompoko. Enin-kaja , enim-boninahitra.”

Tsy diso anjara amin'ny fisaorana ireo fianakaviana manontolo, sy ireo namana aman-tsakaiza tamin'ny fanohanana sy fanomezan-tanana anay. Tsy hadinoina amin'izany ny ray aman-dreny nanabe sy nampianatra anay hatramin'ny garabola ka hatramin'izao, nanampy ara-bola sy ara-moraly, indrindra nandritra ny fotoam-panadihadiana.

Isaoranay ihany koa ireo vehivavy antemoro (ny mpikambana teo anivon'ny PROSPERER , ny mpivarotra rary teny an-tsena ary ny mpandrary isan-tanàna nifanojo taminay) nanaiky nitafa sy namaly fanontaniana ianareo nandritra ny firotsahana an-tsehatra tany Vohipeno ka mendrika anareo ny fisaorana miavosa atolotray.

Tsy hadinoina ihany koa ny andiany ZAHATRA , mpiara-mianatra nifanampy nandritra ny fotoam-piofanana teo anivon'ny sekoly sy ny sampana, samy ho tonga amin'ny tanjona izay irina isika rehetra.

Tsy ho voavalinay ny soa vitanareo rehetra taminay, ka izao: Mirary ny fiainanareo tsirairay avy ho feno fahasoavana sy fahombiazana hatrany. Samy ho salama lalandava sy ho ela velona anie isika.

Mankasitraka sy mankatelina tompoko !

HANITRAMIORA Denise Mirella

FIZAHAN-TAKILA

TENY FISAORANA	I
TENY FAMPIDIRANA	1
TENY FISAORANA.....	I
.....	I
1-PETRAKOLANA.....	1
1-1-NY ANTONY NIFIDIANANA NY LOHAHEVITRA.....	2
1-1-1-NY ANTONY SIANTIFIKA:.....	2
1-1-2-NY ANTONY ARA-PIAVIANA:.....	3
1-2-NY ANTONY NIFIDIANANA NY TOERANA	4
1-2-1-NY ANTONY ARA-PIAVIANA	4
2-NY TANJONA KENDRENA AMIN'ITY BOKY ITY	5
3-NY PETRAKEVITRA	6
PETRAKEVITRA ROA NO HITA MANOLOANA ITY ASA FIKAROHANA MOMBA NY “RARY”	
ANTEMORO ITY:.....	6
4-NY HAITSIKERA NAMPIASAINA	6
5-NY FOMBA FANATANTERAHANA NY ASA	8
6-NY OLANA NOSETRAINANA SY NY VAHAOLANA NORAISINA	11
7-NY FETRAN'NY ASA.....	12
8-NY DRAFITRA NITONDRANA NY ASA.....	12

FIZARANA VOALOHANY: FANORITSORITANA NY DISTRIKAN'I VOHIPENO HITA AO AMIN'NY FARITRA VATOVAVY FITOVINANY

1-1-NY LAFINY JEOGRAFIKA	14
1-1-1-NY FARITRA VATOVAVY FITOVINANY.....	14
1-1-1-1-Ny fanondroana ny toerana	14
1-1-1-2-Ny velaran-tany sy ny isan'ny mponina isaky ny distrika:.....	16
.....	16
FAFANA 01: NY VELARAN-TANY SY NY ISAN'NY MPONINA VATOVAVY FITOVINANY	16
1-1-2-NY DISTRIKAN'I VOHIPENO AMIN'NY ANKAPOBENY	18
1-1-2-1-Ny fanondroana ny toerana	18
1-1-2-2-Ny velaran-tany sy ny isan'ny mponina ao amin'ny faritra:.....	19
1-1-2-3-Ny toe-tany sy ny toetr'andro	21
1-2-NY LAFINY TANTARA.....	24
1-2-1-NY FIFORONAN'NY FOKO ANTEMORO	24
1-2-2-NY TOERANA MANAN-TANTARA	29
1-3-NY LAFINY FIARAHAMONINA.....	32

1-3-1-NY FAHASALAMANA	32
1-3-2-NY FINOANA	34
1-3-3-NY FANABEAZANA.....	35
.....	35
1-4-NY LAFINY TOE-KARENA	35
1-5-NY ENDRIKY NY TANANA	38
1-6-NY LAMIM-PIARAHAMONINA.....	41
1-6-1-NY RAFITRA ARA-PITONDRANA NENTIM-PAHARAZANA	42
1-6-2-NY RAFITRA ARA-PANDRAHARAHAM-PANJAKANA MÔDERINA	43
1-6-3-NY RAFITRA ARA-PIANAHANA	44
1-6-4-NY FANANGË/ FATI-DRÂ:	46
1-6-5-NY ZIVA	47
1-6-6-NY TANGËNY	48

FIZARANA FAHAROA: NY LOVANTSAINA VELONA NA "PATRIMOINE CULTUREL IMMATERIEL"(PCI) ARAKA NY FIHEVERAN'NY UNESCO

2-1-NY UNESCO ETO MADAGASIKARA	50
2-3-IREO FIFANARAHANA TELO MIFANTOKA AMIN'NY VAKOKA SY NY LOVANTSAINA VELONA.....	53
2-4- NY LOVANTSAINA VELONA “PATRIMOINE CULTUREL IMMATERIEL” ARAKA NY FIHEVERAN’NY UNESCO	54
2-4-1-IREO TENY MIFAMATOTRA AMIN’NY TENY HOE “LOVANTSAINA VELONA”	54
2-4-2-NY FAMARITAN’NY RAFITRA ANKAPOBEN’NY FIFANARAHANA “DISPOSITIONS GENERALES” NY PCI.....	56
2-4-2-1-Ny famaritana ofisialy ny PCI.....	57
2-4-2-2-Ny famaritana araka ny endrika isehoany	64
a)-NY NENTIM-PAHARAZANA VELONA ARY IAINANA ANKEHITRINY	64
b)-MIFAMPIDITRA NY LOVANTSAINA VELONA	65
d)-MAHASOLOTERA NY FIARAHAMONINA NY LOVANTSAINA VELONA	66
e)-MIFOTOTRA AMIN’NY VONDRON’OLONA.....	67
2-4-3-IREO SEHATRA DIMY ISEHOAN’NY PCI ARAKA NY UNESCO:.....	67
2-4-3-1- “Ny fomba nentim-paharazana sy ny lovantsofina, izany hoe ny teny”	67
2-4-3-2- “ny seho kanto”	68
2-4-3-3- “ny fanao andavanandro, ny riba sy ny hetsika amin’ny androm-pomba”	68
2-4-3-4- “ ny fahalalana sy ny fikirakirana ny zava-boaary sy izao tontolo izao”	68
2-5-NY TANTARA NIPOIRAN’NY FOTO-KEVITRA“LOVANTSAINA VELONA” (PATRIMOINE CULTUREL IMMATERIEL NA PCI) TEO AMIN’NY UNESCO	69
2-5-1-NY FIKAONAN-DOHA NY AMIN’IREO FITAOVANA MANARAKA FENITRA TENA ILAINA	70
2-5-2-NY EZAKA NATAO HO FANATANTERAHANA NY FIARAHAMONINA NY UNESCO MOMBA NY PCI	71
2-5-3-NY RAFITRY NY FIARAHAMONINA “ORGANE DE LA CONVENTION”	71
2-5-4-Ny fampivoarana ny PCI	73
2-5-5-Ny fomba enti-mampivoatra ny PCI.....	75
2-5-6-Ny tombony hita tamin’ny fiarovana ny PCI	76

FIZARANA FAHATELO: NY RARY AO VOHIPENO AMIN'NY MAHA LOVANTSAINA VELONA AZY ARAKA NY FIHEVERAN'NY UNESCO

3-1-NY MAHA LOVANTSAINA VELONA(PATRIMOINE CULTUREL IMMATERIAL) NY RARY AO AMIN'NY FIARAHAMONINA ANTEMORO DISTRIKIAN'I VOHIPENO	79
3-1-1-Ny rary any amin'ny distrikan'i Vohipeno	79
3-1-1-2-Ny akora sy ny fitaovana rehetra ilaina amin'ny rary antemoro ankehitriny	82
3-1-1-3-Ny dingana arahina rehefa mandrary.....	83
3-1-2-NY MAHA LOVANTSAINA VELONA NY FOMBA IAINAN'NY MPONINA ANTEMORO NY RARY	86
A)-AMIN'NY SAVATRY NA AN-KAFALIANA	89
B)-AMIN'NY FAHORIAANA NA FAHAFATESANA	92
D)-NY SANDA ARA-LOLONTSAINA RAKETIN'NY RARY	93
3-2-NY OLANA SETRAIN'NY RARY-LOVANTSAINA VELONA ANTEMORO AO VOHIPENO SY NY VAHAOLANA	94
3-2-1-Ny olana setrain'ny rary-lovantsaina velona antemoro	95
3-2-1-3-NY OLAN'NY VOKATRA RARY	98
3-2-2-Ny andrana vahaolana	99
3-2-3-Ny ezaka fananganana mozea	101
TENY FAMARANANA.....	107
TAHIRIN-KEVITRA.....	79
IREO BOKY NANOVOZAN-KEVITRA	109
-IREO TRANONKALAM-PIFANDRAISANA	112
TOVANA	79
TOVANA I.....	114
TOVANA II.....	124
“ NY TANTARAN'NY HAZO FOTSY	124
NY SALOHIN-DREKAOKA	125
NY TANTARAN'NY HAZO TSY FANTATRA.....	126

LISITRY NY KISARY

KISARY 1: Organigramme générale de la région Vatovavy Fitovinany.....	16
KISARY 2: Firafitry ny fiarahamonina Antemoro nentim-paharazana.....	43
KISARY 3: Firafitry ny fitondram-panjakana môderina.....	44
KISARY 4: Ny fiantso ny sokajin’olona araka ny fifandraisany eo amin’ny lafin-kavana sy ny mahalahy na mahavavy azy	45

LISITRY NY SARITANY

SARINTANY1: Vatovavy Fitovinany.....	16
SARINTANY2: Distrikan’ i Vohipeno.....	19
SARINTANY 3: ny toe-tany hita ao vohipeno sy vatovavy fitovinany	22

LISITRY NY SARY

SARY1: Ny fanombohana ny rary antemoro	10
SARY 2: santionany amin’ireo vokatry ny tany hita any Vohipeno.....	37
SARY 3: Tanana misy ny lapan’ny mpanjaka tao Vohipeno	30
SARY 4: Hazo nambolen’i bevoire mpanjanaka tany Vohipeno.....	31
SARY5: Fiangonana voalohany tao vohipeno	34
SARY 6: Reniranon’i matatana.....	38
sary 7: trano falafa, sary 8: trano rapaky	39
SARY9: BEAFO: Alan-dravinala matevina any Vohipeno	40
SARY 10: trano hambo (sompitra)	41
SARY11: Lovantsaina velona « hira » any chine “le grand chant du groupe ethnique dong”.....	60
SARY12: Lovantsaina velona teknika nentim-paharazana amin’ny “rary” any Chine	61
SARY13: Ny fanamboarana “papier xuan” lovantsaina velona any Chine.....	62
SARY14: Fomban-drazana sy fomba fiainana fanao ao amin’ny ala masina mijikenda (toerana fanatanterahana vavaka), lovantsaina velona any kenya.....	63

SARY 15: Vehivavy antemoro mandrary fandambana.....	82
SARY 16: Ny rary nentim-paharazana mirakitra kolontsaina	85
SARY 17: Ireo rary antemoro ankehitriny	86
SARY 18: Vehivavy antemoro mankalazana ny fetin'ny vehivavy valo martsa 2015	90
SARY19: vady vao	91

LISITRY NY FAFANA

FAFANA 01: ny velaran-tany sy ny isan'ny mponina Vatovavy Fitovinany	14
FAFANA 2: Lisitry ny boriborin-tany fifehezana ny distrika	20
FAFANA 3: Ny mari-pana.....	23
FAFANA 4 :Ny firotsahan'ny orana.....	24
FAFANA 5: Ny karazan'aretina folo mpahazo ny mponina	55
FAFANA 6: Ny isan'ny sekoly , ny mpianatra sy ny mpampianatra an-tsekoly ao Vohipeno 2005-2006.....	56
FAFANA 7: Ny velaran-tany azo volena sy ny voavoly.....	57
FAFANA 8: Fafana maneho ny fampitahana ny rary antemoro sy ny literatoira	81
FAFANA9: Ny fafana maneho ny isan'ny mpandrary	97

FANAFOHEZAN-TENY

APC :	Approche Par la Compétence
APS :	Approche Par la Situation
BIE :	Bureau International D'Education
°C :	Degré Célcius
CAME :	Conférences des Ministres alliés de l'Education
CERN :	Conseil Européen pour la Recherche Nucléaire
CICI :	Commission Internationale de Coopération Intellectuelle
CREAM :	Centre de Recherches d'Etude et d'Appui à l'Analyse Economique à Madagascar
CSA :	Centre de Service Agricole
FTM :	Foiben'ny Taontsari-tany eto Madagasikara
GUMS:	Guichet Unique Multi-Service
ICOM:	International Council Of Museums
Km:	kilomètre
Km ² :	kilomètre carré
L/m ² :	Litre par mètre carré
MAB :	Man And Biosphere
MDRM :	Mouvement Démocratique pour la Rénovation Malgache
MEI :	Ministère de l'Economie et de l'Industrie
MEN :	Ministère de l'Education Nationale

ONG : Organisation Non Gouvernementale

ONU : Organisation des Nations Unies

PCI : Patrimoine Culturel Immatériel

PRD : Plan Régional de Développement

PROSPERER : PROgramme de Soutien aux Pôles de miicro-Entreprises
Rurales et aux Economies Régionales

RIP : Route d'Intérêt Provincial

RN : Route Nationale

UNESCO: United Nations Educational, Scientific and Cultural
Organization

ou Organisation des Nations Unies pour l'Education, la Science et la Culture

UPDR : Unite de Politique de Développement Rural

VOI : Vondron'Olona Ifotony

DIKAN-TENY :

- Artisanat : taozavatra
- Un passé très présent : ny lasa velona ankehitriny
- Patrimoine Culturel Immatériel : lovantsaina velona
- Vivants : velona
- Convention : fikaonan-doha, fiaraha-midinika
- Comité : kômity
- Sauvegarde : fiarovana, fampivoarana, famonjena
- Disposition générale : fepetra ankapobeny
- Organes de la convention : ny rafitra mandrindra ny PCI
- Sauvegarde de la patrimoine culturel immatériel à l'échelle nationale : ny anjara asan'ny firenena nanao sonia amin'ny fiarovana ny PCI
- Sauvegarde de la patrimoine culturel immatériel à l'échelle internationale : ny fampivoarana ny PCI eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena
- Liste représentative du Patrimoine Culturel Immatériel de l'humanité : lisitra maneho ny lovantsaina velona
- Liste de sauvegarde urgente : lisitra maneho ireo lovantsaina velona mila famonjena haingana
- Répertoire des bonnes Pratiques : lisitry ny asa vita tsara
- Coopération et assistance internationales : ny fiaraha-miasa sy fanampiana iraisam-pirenena
- Fonds du Patrimoine Culturel Immatériel : ny tahirimbola ho an'ny PCI
- Rapports : tatitra mitondra torolalana amin'ny fanatontosana ny fampivoarana eo amin'ny sehatra iraisam-paritry ny firenena iray

TENY FAMPIDIRANA

Ho fampivoarana sy fampahombiazana ny lafiny fampianarana eto Madagasikara, indrindra any amin'ny lycée dia manome fiofanana feno ho an'ireo mpiofana ho mpampianatra amin'izany ny Sekoly Ambony fanofanana ho mpampianatra "Ecole Normale Supérieure". Maro ny sampam-pampianarana misy eo anivon'ny sekoly, isany amin'izany ny Sampana Teny sy Soratra Malagasy misy anay izay mandalina taranja maro isan-karazany, toy ny antrôpôlôjia izay nanompanana ny asa fikarohana ataonay, hamaranana ny fiofanana sy ny fianarana noratovina teto amin'ny ENS. Mirantsana maro ny taranja antrôpôlôjia ka ny antrôpôlôjia mandalina ny fiarahamonina "anthropologie sociale"no niantefan'ny safidy. Ny firehan'ny taranja antrôpôlôjia izay noraisin'ny UNESCO ka iheverany ny zava-misy eo anivon'ny fiarahamonina eran-tany, singanina amin'izany , ohatra, ny lovantsaina izay hanompanana manokana ity asa fikarohana ity. Araka izany, ezahina hoporofoina tokoa hoe hatraiza no mahafeno ny fepetran'ny UNESCO ny "rary" ao Vohipeno, kolontsaina sy fomba amam-panao tena tranainy nefa ihany koa iainan'ny mponina ankehitriny, izany indrindra no lohahevitra hohalalinina:

"NY RARY: LOVANTSAINA-VELONA (PATRIMOINE CULTUREL IMMATERIEL) AO AMIN'NY FIARAHAMONINA ANTEMORO DISTRIKAN'I VOHIPENO-FARITRA VATOVAVY FITOVINANY"

Ny taranja antrôpôlôjia dia mandalina ny fiarahamonina sy ny zava-mandafitra rehetra ny fiarahamonina nentim-paharazana, Ny bokin'i ¹**Laplangine François** "*Clefs pour l'anthropologie*" dia manamafy izany. Izany no nanaitra anay ka nahatonga anay nandray ny fiheveran'ny UNESCO izay mifantoka amin'ny firehan'ny taranja antrôpôlôjia mandalina fiarahamonina.

1-Petrakolana

Tahaka ny any amin'ny foko Betsileo araka ny voalazan'i RAINIHIFINA Jesse:
²"Ny vehivavy rehetra dia samy azo heverina fa mahay manenona sy mandrany avokoa.

¹FRANÇOIS LAPLANTINE, *Clefs pour l'anthropologie*. Editions Seghers, 1987, tak.20. : « *l'anthropologie sociale et culturelle(ou ethnologie) n'est que l'un des aspects de l'anthropologie. L'un des aspect dont l'étendue est tout à fait considérable, puisqu'il concerne tout ce qui constitue une société : ses modes de productions économiques, ses techniques, son organisation politique et juridique, ses systèmes de parenté, ses systèmes de connaissance, ses croyances religieuses, sa langue, sa psychologie, ses créations artistiques* »

²RAINIHIFINA Jesse, *Fomba Betsileo*, lovantsaina II, "Ny asam-behivavy", Ambozontany Fianarantsoa 1975,Tak23.

Raha misy tsy mahay izany dia afa-baraka fa toy ny olona sampona”, ny vehivavy ao Vohipeno koa dia isan’ny vehivavy mpandrany. Mahamenatra ny vehivavy tsy mahay mandrany any an-toerana. Rehefa misy “fiboahana” na fampakaram-bady dia tsy maintsy ahitana rary isan-karazany entin’ny tovovavy any amin’ny tokantrano vaony. Ankehitriny koa dia efa miroborobo ny varotra “rary” eny an-tsena. Izany rehetra izany no nanitikitika ny sainay nanontany tena hoe:

-Azo heverina ho isan’ny **lovantsaina velona** àry ve ny rary antemoro, ka inona avy ireo fepetra maha **lovantsaina velona** azy?

-Ahoana ny lanjan’ny rary ao amin’ny distrikan’i Vohipeno hatramin’izay ka hatramin’izao ary inona ny tokony hatao mba hampitombo lanja azy?

-Aiza ho aiza ny anjara-toeran’ny fanabeazana sy ny fampandrosoana nentin’ny “rary” teo anivon’ny fiarahamonina antemoro?

Nanjavozavo tao an-tsainay ny valin’ireo fanontaniana ireo ka izany no antony nanosika anay hisafidy ity lohahevitra ity. Misy antony maro nahatonga anay hisafidy ity lohahevitra ity ary manana ny lanjany manokana ny toerana izay niantefan’ny safidinay hanatontosana azy.

1-1-Ny antony nifidianana ny lohahevitra

Antony roa lehibe no nahatonga anay nisafidy ity lohahevitra ity, dia ny antony siantifika sy ny antony ara-piaviana.

1-1-1-Ny antony siantifika:

Ny taranja antrôpôlôjia izay ifantohana eto dia taranja entina mandinika ny olona amin’ny lafiny rehetra: ny fiarahamonina sy ny fomba amam-panaony, ary ny tantaram-piainan’ny olona iray na vondron’olona iray na tetikasa iray. Amin’izany dia sady mijery ny hita maso no manakatra zavatra tsy hita maso, ary itodihana ny lasa mba hoenti-mandinika ny ankehitriny. Ny fomba fanadihadiana siantifika tahaka ity hotontosainay ity dia tsy nomen’ny mpanabe an-tsoratra fotsiny ihany, fa maro ny porofo naharesy lahatra, toy ny fampiharana notontosaina nandritra ny fiofanana (tany kingory, Andriantsianika...) sy ny asa soratra siantifika vitan’ireo antrôpôlôgy.

Araka izany, ny dia fibeazana maro eran’ i Madagasikara nandritra ny fiofanana ihany koa, indrindra teto afovoan-tany izay misy ny sekoly niofananay, dia isan’ny nandrisika anay hitodika amin’ity lohahevitra ity hatrany. Tamin’izany dia nozarina hatrany

izahay hamantatra ny antom-pisian'ny zavatra iray, ary tsapanay tamin'izay fa tsy nataotao foana ireo fitaovana rehetra hitanay, fa misy heviny manan-danja avokoa. Noho izany, ny fahitanay fa isaky ny misy fomban-drazana (savatry na fahoriana) ataon'ny Antemoro izay efa natrehinay dia isan'ny fitaovana tsy maintsy ilaina hatrany ny rary (tataho na harona fitoeram-potsim-bary, paikila na tanty lava tadiny entin' ny tovovavy vao avy nampakarina tamin'ny fanambadiana, tsihy...). Nitamberina tao an-tsaina ny fanazarana anay tany amin'ny dia fibeazana, ka liana amin'ny fahalalana ny hevitr'izany no nahatonga anay hisafidy ity lohahevitra ity.

Ny famakiana ny asa soratr' i ³ **MAUSS Marcel**, *Manuel d'ethnographie*, izay namahavaha fohifohy ny mahakasika ny asa tanana sy ny talentan'ny fiarahamonina dia isany nampitodika ny sainay amin'ity lohahevitra ity, satria ny mahakasika ny rary dia voalazany tao amin'ny tak40-42 ary nahaliana anay ny fanehoany fa: Ny firenena manana rary sy taozavatra tsara indrindra eran-tany dia ny firenen a any amin'ny sisiny atsinanana sy Amérique Latine ny taona 1947. Asiany resaka ao ihany koa ny akora ampiasaina amin'izany sy ny fomba fanaovana azy...

Sambany ihany koa nisy nandinika amin'ny fomba fiheveran'ny UNESCO ny PCI ny rary, araka ny fahalalanay azy, nefa mahaliana ny safidin'io rafitra iraisam-pirenena io amin'ny fampivoarana ny PCI. Izany hoe fampivoarana ny PCI an'ireo firenena mpikambana ao amin'ny UNESCO tsy misy an-kanavaka.

1-1-2-Ny antony ara-piaviana:

Ny antony nifidianana ity lohahevitra ity dia mba hahafahanay mandinika ny fomba fanaon'ny vehivavy antemoro any Vohipeno rehefa mandrany ary ny fiainan'ny mponina ny vokatra “rary” eo amin'ny fiainana andavanandro sy any anatin'ny fomba amam-panaon'ny fiarahamonina mbamin'ny ny fivoarany.

Maro ireo mpikaroka talohanay nandalina ny mahakasika ny fiarahamonina Antemoro saingy tsy voaresaka lalina ny mahakasika ny “rary”, ohatra: I

⁴TSIMAHAKETRAKA Jeannette, *Ny anjara toeran'ny vehivavy ao amin'ny fiarahamonina*

³ MAUSS Marcel(1926), *Manuel d'ethnographie*, « vannerie », p31, édition électronique a été réalisée par Jean-Marie Tremblay, professeur de sociologie au Genep de Chicoutimi, le 16 février 2002 : « On trouve les plus belles vannerie du monde en Extrême –orient et Amérique centrale, tout spécialement chez les pueblo. Les fouilles pratiquées chez les cliff dwellers, les habitants des falaises, de l'Amérique centrale, ont donné de curieux résultats : la plus belle vannerie du monde est celle que l'on trouve dans les couches archéologiques les plus profonds »

⁴ TSIAMAHAKETRAKA Jeannette, *Ny anjara toeran'ny vehivavy ao amin'ny fiarahamonina antemoro sy ny fivoarany ankehitriny tarafina amin'ny fatranga araka ny ahitana azy ao Matitanana*, memoires de CAPEN, 04 martsa 2008, tak30 : « Ny asa tanana, dia ny rary no tena mampiavaka ity faritra ity »

antemoro sy ny fivoarany ankehitriny tarafina amin'ny fatrange araka ny ahitana azy ao Matitanana, I ⁵ROMBAKA Philippe, *Fomban-dRazana Antemoro*, ⁶I MAROVAVY Isabelle indray dia nanompana ny bokiny tamin'ny fafy zaza any amin'ny fiarahamonina Antemoro .

Ny rary dia isan'ny fahaiza-manao hita eny anivon'ny fiarahamonina maro sy firenena maro ka irinay ny haneho ny maha izy azy manokana ny rary antemoro. Etsy andaniny, satria ny tenananay dia vehivavy antemoro ka vonona hiaro sy hampivoatra ny fiainan'ireo vehivavy antemoro namana, reny, zandry, sy izay taranaka ho avy rehetra.

1-2-Ny antony nifidianana ny toerana

Misy antony roa ny nifidianana ny toerana nanatontosana ny fanadihadiana:

1-2-1-Ny antony ara-piaviana

Nisafidy manokana an'i Vohipeno izahay noho izy toerana nahaterahana sady fiaviana ka be ny fanantenana fa tsy hanano sarotra ny fidirana ao anaty fiarahamonina, eny fa na dia tsy lehibe tany an-toerana aza ny tena, noho ny antony araka ny asam-piveloman'ny ray aman-dreny, saingy nitsidika matetika ny tanàna ihany ka nahatsikaritra zavatra maro, isany amin'izany ny “rary”. Na izany aza, amin'ny lafiny siantifika, sarotra ny mandini-tena amin'ny maha tompon-tany mpikaroka ny tena nefa ny fahaizana mandinika ny mety sy tsy mety amin'ny tena no miteraka ny ezaka amin'ny fitadiavan-bahaolana amin'izay tsy mety sy hahafahana manatontosa ny vahaolana hita. Izany hoe sarotra ny hahafahanay mandinika ny fahaiza-manao any amin'ny fiarahamonina hafa raha toa ka ny any amin'ny faritra niavian'ny tena aza tsy nahavitana nametraka tahirin-kevitra tahaka ity hotontosainay ity akory, satria ny tenanay no hataon'ny fiarahamonina fitaratra mandritra ny asa fanadihadiana ao amin'ilay fiarahamonina.

1-2-1-Ny antony ara-java-nisy

Ny fahitana “rary” isan-karazany ao an-tokantranon'ireo fianakaviana maro any an-toerana, ny fahitana ny “rary” ampiasain'ny mponina andavanandro isan-tanana (satroka, toratsihy, lafiky, famelaran-tsihy...) dia isan'ny nisarika ny saina hitodika any amin'ity faritra ity. Satria tsapa fa mila trandrahana ny zavatra hitanay :fantarina sy havaozina mba hitondra soa maharitra ho an'ny fiarahamonina.

⁵ ROMBAKA Philippe, *Fomban-dRazana Antemoro*, Ambozontany Fianarantsoa, 1970.

⁶ MAROVAVY Isabelle, *Ny fafy zaza ao amin'ny fiarahamonina Antemoro*, memoires de CAPEN 2005 , 89p.

Araka ny tenin' i Tsimahaketraka Jeannette hoe :⁷“*ny fiarahamonina antemoro dia manan-javatra betsaka manavaka azy*”, ka hitanay fa isan'ny manavaka ity fiarahamonina ity ny “rary” izay mifamatotra betsaka amin'ny fiainan'ny vehivavy antemoro sy ny fiainam-piarahamonina rehetra. Maro ny fomban-dRazana velona izay samy ahitana rary avokoa ny fitaovana ampiasaina mandritry ny fanatontosana azy any an-toerana: forazaza, fandevenana, fanambadiana, fafy... ireo notanisaina ireo no natrehinay nandritra ny fotoana nanaovana fanadihadiana tany anivon'ny fiarahamonina.

I ⁸ROMBAKA ihany koa dia isan'ny milaza, fa ⁹sarotiny amin'ny zazavavy ny antemoro ka mitovy amin'ny fomba fitaizana ny zatovovavy silamo ny fomba fitaizana ny tovovavy antemoro. Isan'ny fomba iray manana anjara toerana lehibe amin'izany fitaizana ny zatovovavy antemoro izany ny “rary”any amin'ny distrikan' i Vohipeno fahiny, satria dia mahasakana azy tsy handehandeha hiaraka amin'ny namana, indrindra ny namana tovolahy izay matetika dia ny mpinamana ihany no mifampitarika amin'ny ratsy. Tsapa avy amin'izany fa ilaina ny fampivoarana ny rary mba hahavoatana izany fanabeazana izany ho an'ireo tovovavy tsy nandia sekoly na koa tsy nahatody fianarana fa nalaky nijanona, ka zara raha mahay mamaky teny sy manoratra ankehitriny.

2-Ny tanjona kendrena amin'ity boky ity

Tahaka ireo asa fikarohana rehetra dia manana ny tanjona kendrenay izahay amin'ity asanay ity:

Fampahafantarana ny fomba amam-panao antemoro sy ny zava-misy any Vohipeno, indrindra ho an'ny mponina any an-toerana. Sarotra ho an'ny mponina, indrindra ny taranaka ny hampivoatra ny faritra misy azy raha tsy fantany akory ny zava-misy ao.

Fampivoarana ny fomba amam-panao antemoro, hanaraka ny vanim-potoana iainana mba hisian'ny fampandrosoana eo amin'ny toe-tsaina sy ny fomba fisaina ary ny

⁷ TSIMAHAKETRAKA Jeannette, *Ny anjara toeran'ny vehivavy ao amin'ny fiarahamonina antemoro sy ny fivoarany ankehitriny tarafina amin'ny fatrange araka ny ahitana azy ao Matitanana*, memoires de CAPEN, 04 martsa 2008, tak5.

⁸ ROMBAKA(Phillipe),*Ny fomban-drazana antemoro*, 1970, tak 7: « *voaheloka araky ny fombany ny vehivavy Antemorona, fa tsy mahazo manambady ny foko hafa avy eto Madagasikara , na ny avy any an-dafy aza, afa-tsy izy samy izy iray foko sy finoana- Islamisma- ihany [...] satria misakana ny zazavavy maro tsy haloto fitondrantena io, fa fahiny izay azo bevohoka tsy manam-bady dia toraham-bato ho faty, na indray fonosina amam-bato dia atsipy anaty rano lalina »*

toe-karena. Izany hoe fitarihana ny sain'ny mponina sy ny tompon'andraikitra tsirairay mba hanao ny adidiny amin'ny fametrahana ny fampandrosoana maharitra.

Fanatevenana ireo tahirin-kevitra efa misy mahakasika ny Antemoro mba ho fitaovana enti-manabe ny Malagasy, indrindra ny tanora eny anivon'ny sekoly. Mila tahirin-kevitra maro ny mpianatra, indrindra ny mahakasika ny zava-misy ao an-toerana misy ny sekoly ianarany. Izy ireo mantsy no hiankinan'ny ho avin'ny firenena sy ny faritra, ka hikatsaka izay hahasoa sy hampivoatra hatrany.

Ezaka ho fampidirana ao anatin'ny lisitry ny **lovantsaina velona** mila arovana iraisam-pirenena eo anivon'ny UNESCO ny “rary antemoro”. Sarotra ny hanatontosana izany samy irery, saingy natao ity boky ity mba hanairana sy hitarihana ny tompon'andraikitra rehetra tokony handray anjara amin'ny fanatrarana ny tanjona. Natao ihany koa, mba hanehoana ny maha izy azy ny Malagasy eo anivon'izao tontolo izao.

3-Ny petrakevitra

Petrakevitra roa no hita manoloana ity asa fikarohana momba ny “rary” antemoro ity:

Voalohany, hita fa mandrany tokoa ny vehivavy antemoro ankehitriny ary tsy mena-mitaha amin'ny taloha ny vokany. Manana dingana arahina sy endrika isehoany iraisan'ny mpandrany antemoro rehetra izy ireo, saingy vokatry ny filàn'ny mponina sy ny fihariana dia misy ny fanavaozana ny dingana arahina amin'ny rary ny ny endrika hanehoan'ny mpandrany azy amin'izao fotoana izao.

Faharoa, tsapa fa ny rary antemoro ao Vohipeno dia manaraka ny fepetra takin'ny UNESCO momba ny PCI satria taozavatra nentim-paharazana. Izany hoe **lovantsaina velona** Antemoro ny “rary” ary mbola iainana mandraka ankehitriny, sady mirakitra kolontsaina izy no miantoka ny fomba amam-panao. Miteraka fifanajana eo amin'ny fahasamihafana, maneho ny maha izy azy ny antemoro ny “rary”, noho izany, tokony harovana sy hotrandrahana hatrany mba hitondra soa ho an'ny fiarahamonina na eo amin'ny fiainana andavanandro na amin'ny androm-pomba ary koa hijanona ho fampandrosoana maharitra any an-toerana.

4-Ny haitsikera nampiasaina

Mba hampilamina ny fomba fiasa sy mba hahazoan'ny mpamaky ity voka-pikarohana ity dia tsy maintsy aroso mazava ety am-piandohana ny lalan-tsaina

siantifika hoenti-mitrandraka, misy lalan-tsaina roa hitondranay azy dia ny “théorie fonctionnaliste”sy ny “anthropologie dynamique”:

Ny fironan-tsaina “araka anjara asa” na fônksiônalisa izay manaja ny fahasamihafana misy eo anivon’ny fiarahamonina no lalantsaina siantifika hitondrana ny asa. Ny etnôlôgy tompon’ity fironan-tsaina ity dia i **Malinovski**, ny tanjony amin’izany dia mandinika ny anjara asan’ny kolontsaina izay tokony hamaly ny filàna fototry ny olombelona sy ny firindran’izany anjara asa izany. Ny fironan-tsaina araka anjara asa izany dia natao ¹⁰“*Mba hahazoana manana hevitra ny zava-misy dia tsara ho marihina fa ny tranga hita dia tsy manan-kevitra akory haha toa ka horaisina tsirairay mahaleotena. Ny asan’ny etnôlôgy dia mifototra amin’ny fikarohana ny fikaonan’ireny tranga ireny: ny ankamarohan’ny tahirin-tranga dia tsy inona akory ara-kevitra raha toa ka jerena misingana, fa rehefa ampifampanraisina kosa izy ireny vao tena hazava sy hiariary ny maha izy azy*”. Izany hoe ity fironantsaina ity dia mitondra mankany amin’ny firotsahana an-tsehatra ombam-pandraisana anjara mba hahafahana mandinika ny kolontsaina rehetra misy manoloana ny zava-mitranga iray ao anivon’ny fiarahamonina.

Ny “antrôpôlôgie dynamique” ihany koa dia isan’ny haitsikera nampiasaina eto, satria ny olona dia tsy maintsy manana ny hetsika asehony manoloana ny zava-baovao sy ny fampanandrosoana aroso azy. Nanomboka tamin’ny taona fahenimpolo tany ho any no tena nampanjaka ity fiheverana ny “antrôpôlôgie dynamique” ity, I **Lévi-Strauss** dia antrôpôlôgy manana ny fiheverany mazava sy miavaka ny amin’izany, “Ny anthropologie dynamique” aminy dia ¹¹“*mametraka ny fiarahamonina iray amin’ny toerana tokony hisy azy ara-tantara, ka manavaka ny fiarahamonina mangatsiaka nentim-paharazana, izay mirakitra ny fiovana sy ny fiarahamonina mafana amin’izao fotoana izao, izay mikatsaka ny fiovana*”

Lévi-Strauss dia nisintona fomba fijery avy tamin’i **BALANDIER Georges**, izay tena tompon-kevitra ny amin’ity “anthropologie dynamique” ity, ka nitondra fanazavana

¹⁰MARIOUNETTE, Internet, « *sujet : histoire de l’anthropologie : IV-Le fonctionnalisme* » : « *Pour interpréter la réalité, il montre que les faits observés ne prennent sens que si on les apporte les uns aux autres. Le travail d’un ethnologue consiste donc à rechercher la cohérence ; beaucoup de données n’ont pas grande signification si on les prend isolément, et si on les relie entre elles, elles deviendront parfaitement compréhensibles* »

¹¹ -STRAUSS (Levi) Internet « *L’anthropologie dynamique replace les sociétés dans leur contexte historique* ». -STRAUSS (Levi) distingue les sociétés froides, de la tradition, qui se preservent du changement, et les sociétés chaudes, modernes, qui recherchent le changement : -Les sociétés froides, de la tradition ui recherche pepétuellement un équilibre qui les préserve des changements (bien que ces changements soient de toute façon inévitables et qu’elles en ont conscience) ; ce sont des sociétés qui vivent une histoire lente , proche du « zéro de temperature historique

-Les sociétés chaudes, modernes, qui recherchent résolument les changements, au point d’en faire le moteur de leur developpement. »

misimisy, hoy izy: ¹²“ *Mba hampiaiky fa ao anatin’ny fiarahamonina nentim-paharazana rehetra dia misy rafitra napetraka, mba tsy hahatonga ny fiovana maro hampikorontana loatra. Ny iray amin’ireo rafitra ireo dia mifamatotra amin’ny am-bava izay mitàna andraikitra manan-danja eo amin’ny fitadidiana an-tsaina sy ny fampitàna am-bava fa ny lasa ihany no havaozina lalandava* (“ny tonta ihany no avadibadika” hoy ny oha-pitenenana Malagasy) ary ny fiheverana nentim-paharazana no hijerena ny ankehitriny. Izany akory tsy midika fa ny nentim-paharazana dia tsy hita ao amin’ny fiarahamonina maoderina, na koa hoe ny fiovana dia tsy hoe tsy mitondra korontana ao amin’ny fiarahamonina nentim-paharazana. Nahita ny fiovam-piheverana sy ny famoronana ny nentim-paharazana isika hahafantarana sy hanamarinana fiovana, sy hanomezana hevitra ny zava-baovao. Fomba fijery mifantoka amin’ny zava-misy amin’ny fiarahamonina maoderina izany. Amin’izany fiarahamonina maoderina izany, tadiavina ny fiovana noho ny fiovana amin’ny endriky ny fivoarana. ” Izany hoe raha miresaka ny ankehitriny dia tokony ho tsaroana ny lasa satria avy amin’iny lasa ihany no fototra iorenan’io ankehitriny io fa ny endrika isehoany no misy fiovana arakaraka ny fanovana atao. Azo ambara ihany koa hoe: ny “lasa” ihany no “anio” ary ny “anio” koa mbola ho “lasa”, nefa koa mety hiara-mamindra ireo lasa sy anio ireo, izany hoe misy voatazona ny taloha kanefa efa misy zava-baovao ihany koa miara-dàlana aminy (ohatra : ny famadihana eto Madagsikaradia nahitana hira gasy taloha, mbola hita izany ankehitriny saingy hita amin’izao fotoana izao ihany koa ny dihy sy ny mozika vahiny(gueta, azonto,...) isan-karazany izay tsy hita tany aloha. Tahaka izany hatrany ny fiovaovana hita manetsiketsika ny fomban’ny fiarahamonina rehetra.

5-Ny fomba fanatanterahana ny asa

Nandeha ambaratonga ny fanatanterahana ny asa, ny tsy maintsy natao voalohany dia ny fandinihana ny lohahevitra niaraka tamin’ny mpampianatra mpitarika mialoha ny nidinana tany an-toerana mba hahafahana manatri-maso sy miaina ny zava-misy marina. Izany no natao dia mba handalinana ka hanoratana izany ho an’ny mpamaky ny asa fikarohana vita, ary handraisana anjara amin’ny fampandrosoana ho an’ny distrikan i Vohipeno.

¹² BALANDIER(Georges) Internet : « *Dans les sociétés traditionnelles, des mécanismes sont mis en place pour que les changements aient le moins d’effets déstabilisants possibles. L’un de ces mécanismes est lié à l’oralité : « la place prépondérante accordée à la mémorisation et à la transmission orale fait que le passé est constamment actualisé et le présent interprété dans le langage de tradition ». On assiste à des réinterprétations et à des inventions de la tradition pour comprendre et justifier les changements , pour donner des sens à la nouveauté. Il s’agit d’une démarche résolument opposée à celle qui a cours dans les sociétés modernes. Dans ces dernières , le changement est recherché pour le changement sous forme de progrès. Mais cela ne signifie pas pour autant que la tradition soit absente des sociétés modernes, ni que le changement n’amène aucun désordre dans les sociétés traditionnelles . »*

-Ny fandinihana ny lohahevitra

Tsara raha hazavaina mialoha eto ny antony nandraisan'ny mpampianatra mpitarika amin'ity asa ity, Ramatoa RAHARINJANAHARY Lala Anatolie ny teny hoe “Patrimoine Culturel Immaterial” ho **lovantsaina velona** mba hampitovy ny fomba fijery ny zava-drehetra hambara ao anatin'ity asa fikarohana ity: Ny nanasokajian'i RAINIHIFINA Jessé ny fombam-piainana Betsileo rehetra tantarainy ao amin'ny bokiny *Fomba Betsileo*, tamin'ny taona 1975, hoe **lovantsaina II**, satria fomba tsy voarakitra antsoatra fa tadidy an-tsaina ary efa tsy ampiharina avokoa ny ankamaroany: ¹³ “Koa izao fomban-drazana izay soratana eto izao, ny ankabiazany dia efa lany andro ka tsy atao intsony, ary maro koa na dia amin'izay mbola atao aza no efa fanary”

Izany no notovanan'ny mpampianatra mpitarika anay hoe **velona**, ka nahatonga ny hoe: **lovantsaina velona**, satria izy dia mpampianatra izay isan'ny manampahaizana manokan'ny UNESCO momba ny fampivoarana ny PCI. Efa nanaovany famelabelarana ihany koa ny mahakasika ity **lovantsaina velona** ity ny taona 2011, tao amin'ny Akademia Malagasy, ny lohahevitra novelabelariny tamin'izany dia hoe: “*Ny lovantsaina velona: mby aiza isika ankehitriny*”. Ary raha ny zavatra hitanay ao anatin'ny lisitry ny UNESCO maneho ireo karazana PCI ireo dia maneho ireo zavatra efa nisy hatramin'ny fahagola avokoa ary, iainan'ny mponina ankehitriny ka tsy azo ariana fa tokony harovana aza, ohatra ny fahaiza-manao ¹⁴Hazo Zafimaniry ho an'ny Malagasy izay voasoratra tao anaty lisitra ny taona 2008, ny ¹⁵“*épopée olonkho*” hita any amin'ireo sovietika...

-Ny firotsahana an-tsehatra

Ny natao nandritra izany firotsahanana ifotony izany dia ny fanadihadiana sy ny fifampiresahana tamin'ireo mpanjary, mpivarotra ny vokatra “rary”, ny tompon'andraikitry ny fikambanana isan-karazany momba ny “rary”, ny ragnavavy be (vehivavy antitra) mahalala ny hevitra ny “rary” ao anatin'ny fomba amam-panao isan-

¹³ - RAINIHIFINA Jessé, *Fomba betsileo*, 1975, tak5: “Koa izao fomban-drazana izay soratana eto izao, ny ankabiazany dia efa lany andro ka tsy atao intsony, ary maro koa na dia amin'izay mbola atao aza no efa fanary”

¹⁴ UNESCO, l'entrée en vigueur de la convention pour la sauvegarde du patrimoine culturel immatériel constitue une nouvelle étape pour ce patrimoine vivant, *Liste représentative du Patrimoine Culturel Immatériel de l'humanité*, 2009 : « *Le savoir-faire du travail du bois des Zafimaniry (2008)* »

¹⁵ UNESCO, l'entrée en vigueur de la convention pour la sauvegarde du patrimoine culturel immatériel constitue une nouvelle étape pour ce patrimoine vivant, fragile par nature, 2003 : *Patrimoine immatériel, un passé très présent*, P5 : « *olonkho, une épopée vieille de douze siècles* »

karazany ahitana “rary”, ny mpamboly rambo, ny rambo izay akora fototra fandrariana tena manan-kasina amin’ny antemoro. Satria ny asa fikarohana tahaka itony dia mitaky fidirana lalina anatin’ny fiarahamonina hadihadina araka ny filazan’i EVANS- PRITCHARD¹⁶ azy: “Ny antrôpôlôgy dia tokony hifanerasera amin’ny mponina amin’ny fiteniny”.

Ny fandraisana anjara teo amin’ny fandrariana dia isan’ny tetika teo ampanatanterahana ny asa fanadihadiana, ka na dia tsy nahay aza ny tenanay dia nampianarin’izy ireo, ary nilamina tsara ny fifandraisana nandritra izany. Nanao fandalinana izahay nandritra ny “Observation participante” na firotsahana an-tsehatra ombam-pandraisana anjara, araka ny fanazavan’i ¹⁷ **RIVIERE Claude** hoe: “Ny tena firotsahana an-tsehatra ombam-pandraisana anjara dia famerenana ny ataon’ny olona ao anivon’ny firahamonina irotsahana: manao tahaka izay ataon’ny hafa, miezaka manadino ny fahasamihafana(...) mizara ny fiainana andavanandro amin’ny olona dinihina, ny asany, ny korana, ny lanonana.”

SARY1: NY FOMBA FANDRARIANA ANTEMORO



Loharano: HANITRAMIORA

Ny fampiasana fakantsary kosa no nanaporofoana ny zava-misy tany antoerana sy hahafahan’ny mpamaky ity boky ity hahazo sary an-tsaina ny atao amin’ny “rary”

¹⁶ PRITCHARD (Evans), *Anthropologie sociale*, 1969, Paris Payot, P79 : « L’anthropologue(...) doit se communiquer avec elles dans leur langue »

¹⁷ RIVIERE (Claude), *Introduction à l’anthropologie*, Edition Hachette, Paris, 1995, tak 20. : « Le propre de l’observation participante est le mimétisme : faire comme les autres, faire oublier le plus possible sa différence(...) partager la vie quotidienne de l’observé, ses travaux, ses bavardages, ses fêtes. »

any amin'ny antemoro ao Vohipeno. Ary farany, ny niara-niasa tamin'ireo mpandinika na olona manam-pahaizana nandia sekoly tamin'ny ambaratonga ambony sy ireo tompona andraikitra ny biraom-panjakana isan-karazany.

6-Ny olana nosetraina sy ny vahaolana noraisina

Ny fitaovam-pitateram-bahoaka eo amin'ny fiainana andavanandro dia olana lehibe any Vohipeno ka miaina amin'ny dia an-tongotra ny ankamaroan'ny olona, kanefa ilaina fatratra izany teo amin'ny fivezivezena rehetra tsy maintsy natao nandritra ny fanadihadiana nanerana ny distrika. Izany no natao mba hahazoana valin-teny mahafa-po amin'ireo fanontaniana maro nanitikitika ny sainay satria efa maro ny tsy mahalala ireo tena hevitra rary ara-pomban-drazana, vitsy ihany koa ny tena mahay ny karazana “rary” nentimpaharazana. Raha nijanona fotsiny teo amin'ny renivohitra ny distrikan'i Vohipeno dia tsy hita ny mahakasika izany satria efa mifangaro ny mponina eo amin'ny renivohitra ka niteraka fidiran'ny “rary” Betsimisaraka avy any Toamasina izay efa manomboka mahazo vahana sy ny “rary” Betsileo avy any Fandriana-Ambositra. Etsy andaniny, efa vitsy ireo vehivavy antitra tena mpandray afaka nifampidinika taminay ka nahafahana namantatra ny tena teknikan'ny rary antemoro.

Nahavaha olana tamin'ny ampahany, ny fanofana môtô tamin'ireo manana izany isaky ny handeha toerana lavitra satria azo lazaina ho lafo ihany (10000 ariary isan'andro ankoatry ny solika). Teo ihany koa ny fifanaovana fotoana tamin'ireo mpandray mivarotra ny vokatra isaky ny andro tsena (zoma sy alatsinainy), izany dia nandaniana fotoana maro satria ny olona samy manana ny manahirana azy avy. Araka izany dia fotoana lava sy maharitra ny nanatanterahana ny firotsahana an-tsehatra, satria dia efa hatramin'ny volana desambra 2014 izahay no nivezivezy tany Vohipeno. Manamafy izany ny voalazan'i EVANS –PRITCHARD: ¹⁸ “*Ny antrôpôlôgy dia tsy maintsy vonona handany fotoana betsaka amin'ny fanadihadiana izay ataony, tsy maintsy mifandray akaiky ary maharitra amin'ny mponina hanaovany fanadihadiana izy*”

Ny fandehanana an-dakana izay hany fitaovam-pitateram-bahoaka mahazo vahana tany an-toerana dia tena nanampy anay tamin'ny fivezivezena.

Nanahirana ihany koa ny fanasokajiana ity lohahevitra ity, saingy nahitana vahaolana ihany izany dia ny fiaraha-miasa tamin'ny UNESCO, izany hoe tamin'ny

¹⁸ -EVANS-PRITCHARD, op, cit p : 79 « *L'anthropologue doit être prêt à passer beaucoup de temps sur son enquête; il doit rester en contact étroit et permanent avec les populations sur lesquelles il travaille* »

alalan'ny fanadihadiana natao tamin'olona miara-miasa aminy sy ny ¹⁹*Tahala rarihasina* eny Analakely mikirakira ny vakoka ara-kolontsaina malagasy izay sady miara-miasa amin'ny UNESCO, ka nahitanay tahirin-kevitra avy any amin'ny UNESCO tao amin'ny tranombokiny dia isany nanampy betsaka tamin'ny ezaka fanasokajiana ny rary antemoro ho isan'ny **lovantsaina velona**.

Teo koa ny fanampian-dRamatoa RAHARINJANAHARY Lala mpampianatra, mpitarika anay amin'ity asa fikarohana ity, nanome ny fanazavana sy ny boky mirakitra ny tahirin-kevitra avy any amin'ny UNESCO, tsy amin'ny maha mpampianatra azy ihany fa amin'ny maha mpikaroka manam-pahaizana ambony azy eo anivon'ny UNESCO.

7-Ny fetran'ny asa

Tsy nahafa-po tanteraka ny valim-panadihadiana satria vitsy no vita noho ny tsy fahampian'ny enti-manana amin'ny firosahana lalina an-tsehatra teo amin'ny fivezivezena nandritra izany, noho izany tsy azo tamin'ny antsipiriany fa tamin'ny ankapobeny ihany ny voka-panadihadiana sasany toy ny fambolena ny rambo.

Ary koa, raha ny fihanaky ny rary manerana an'i Madagasikara sy ny karazany izay samy masina an-taniny dia tsara kokoa raha voajery izy rehetra ireny, saingy nifototra tamin'ny Antemoro ihany izao asa fikarohana izao noho ireo antony efa voalaza teo ambony ireo sy ny ambaratonga misy ny CAPEN.

8-Ny drafitra nitondrana ny asa

Ny drafitra nitondrana ny asa fikarohana dia ahitana fizarana telo lehibe:

Ny fizarana voalohany no hanoritsoritana ny faritra Vatovavy Fitovinany sy ny distrikan'i Vohipeno nanaovana ny fanadihadiana. Hasongadina ao ny fampahalalana ny toerana ara-jeografia sy ara-tantara ary ny lamina ara-piarahamonina, satria eo anivon'io fiarahamonina io no ivelaran'ny rary.

Ao amin'ny fizarana faharoa kosa no hanehoana ny momba ny UNESCO sy hanazavana ny fiheveran'ny UNESCO ny atao hoe PCI na **lovantsaina velona** ary ny rafitra misy amin'izany.

¹⁹ Mozea sy tranomboky ara-kolontsaina tarihin' Andriamatoa RAFOLO ANDRIANAIVARIVONY ambasadaoro Malagasy eo anivon'ny UNESCO,

Ny fizarana fahatelo farany no hanaporofoana ny maha **lovantsaina velona** araka ny fiheveran'ny UNESCO ny rary Antemoro ao amin'ny distrikan'i Vohipeno sy ny tombon-tsoa entiny eo anivon'ny fiarahamonina. Eo koa ny olana setrainy sy ny andrana vahaolana azo aroso amin'izany.

Fizarana voalohany:
FANORITSORITANA NY
DISTRIKAN'I VOHIPENO HITA AO
AMIN'NY FARITR' I VATOVAVY
FITOVINANY

Ilaina ny mamantatra ny mombamomba ny toerana nanatontosana ny asa fikarohana, izany no hovahavahana eto, ka ny lafiny tantara sy ny lafiny jeografika no haseho satria ireo dia tsy afa-misaraka amin'ny fomba amam-panaon'ny mponina sy ny fihariany. Ankoatra ireo, anefa dia hosoritsoritana ihany koa ny lafiny fiarahamonina, ny lafiny toe-karena, ny endriky ny tanana ary ny lamim-piarahamonina. Izany dia natao hisarihana ny fo aman'eritreritry ny olona, mba hitodi-doha sy ho liana amin'ny zava-misy any an-toerana, izay mety hahitan'ny rehetra tombontsoa. Sarotra ihany koa ny hiresahana ny amin'ny rary raha tsy voafaritra mazava hoe ny rary fanao'ny foko iza na faritra iza no hodinihina? Satria maro ny fiarahamonina mandrany eto Madagasikara (ny Merina, ny Betsileo, ny Sakalava...).

1-1-NY LAFINY JEOGRAFIKA

Ny lafiny jeografika ao amin'ny faritr'i Vatovavy Fitovinany no haseho mialoha ny hanehoana ny any amin'ny distrikan'i Vohipeno. Ny haseho ao ankoatra izany dia ny velaran-tany sy ny isan'ny mponina, ny toetr'andro, ny toe-tany sy ny mari-pana. Any amin'ny ilany atsimon'i Madagasikara, manaraka ny lalam-pirenena fahafito no misy ity faritra hiasana ity.

1-1-1-Ny faritra Vatovavy Fitovinany

Ny faritr'i Vatovavy Fitovinany dia hita ao anatin'ny faritanin'i Fianarantsoa teo aloha, ka ao amin'ny ilany Atsimo Atsinanan'io renivohiparitra io no misy azy.

1-1-1-1-Ny fanondroana ny toerana

Manana velaran-tany 20183m², 246km ny lavany ary mahatratra 75km ka hatramin'ny 100km ny sakany, ny lavampehintany na jadonivontany dia 47°23' - 48°34' , ny laharam-pehintany kosa dia 20°20' - 22°30'.

Ireto avy ny faritra mamaritra azy:

- Ao avaratra: faritra atsinanana
- Ao atsimo: faritra atsimo atsinanana
- Ao andrefana: faritra Matsiatra ambony sy Amoron'i Mania
- Ao atsinanana : Ranomasim-be Indiana.

SARITANY1: Vatovavy Fitovinany



Loharano: CREAM février 2013, FTM 200

1-1-1-2-Ny velaran-tany sy ny isan'ny mponina isaky ny distrika:

Ny distrikan'i Mananjary no be velaran-tany indrindra, amin'ireo distrika enina mandrafitra ny faritr'i Vatovavy Fitovinany, ary ny distrikan'i Vohipeno kosa no kely velaran-tany indrindra. Tery araka izany ny toerana satria dia mahatratra $98,8/m^2$ ny isan'ny mponina. Ny distrikan'Ikongo kosa no malalaka indrindra satria izy dia manana velaran-tany avo roa heny raha mitaha amin'i Vohipeno, kanefa ny mponina dia azo lazaina vitsy ihany satria dia $30,7/m^2$ ihany.


FAFANA 01: ny velaran-tany sy ny isan'ny mponina vatovavy fitovinany

Sous-préfectures	Population résidente	Superficie en km2	Densité (habitants/km2)	communes	fokontany
Ifanadiana	157954,6	4009	39,4	13	195
Ikongo	85806,5	2795	30,7	15	177
Manakara	320362	3269	98,0	45	322
Mananjary	336323	5330	63,1	29	243
Nosy Varika	246926	3730	66,2	18	252
Vohipeno	103740	1050	98,8	19	136
Ensemble région	1253112,09	20183	59,5	139	1323

Loharano : MEI / CREAM/Monographie 2009

Distrika enina no mandrafita ny faritra Vatovavy Fitovinany dia ireto avy izany : Ikongo, Ifanadiana, Manakara, Mananjary, Nosy Varika, Vohipeno. Any amin'ny farany atsimo no ahitana ny distrikan' i Vohipeno.

KISARY 1 :Organigramme général de la région Vatovavy Fitovinany :



loharano : CREAM Monographie février 2013

1-1-2-Ny distrikan'i Vohipeno amin'ny ankapobeny


Ny distrikan'ivohipeno no distrika be mponina indrindra ao anatin'ny faritr'i Vatovavy Fitovinany, izany no mitarika amin'ny fahantrana any an-toerana. Satria tsy mitombona any ny tenin' ny Ntaolo malagasy hoe: “ny zanaka no harena” eto noho ny tany azo volena sy iompina tery.

1-1-2-1-Ny fanondroana ny toerana

Ao anatin'ny faritra Vatovavy Fitovinany , ao anatin'ny faritanin'i Fianarantsoa no ahitana ny distrikan'i Vohipeno. 720km avy aty Antananarivo no misy azy, manaraka ny lalam-pirenena fahafito hatreo Alakamisy Ambohimahasoa ka mandray ny RN25 mizotra mankany Irondro, avy eo mandray ny RN12 A (PK 145). Mandalo an' i Manakara ary mandeha 45km miansinana ihany.

Ireto ny distrika mamaritra azy:

- Ny ao Avaratra: Manakara
- Ny ao Avaratra andrefana: Ikongo
- Ny ao Atsimo andrefana: Vondrozo
- Ny ao Atsimo: Farafangana
- Ny ao Atsinanana: Ranomasim-be Indiana.



Loharano: Monographie du district de Vohipeno 2010

1-1-2-2-Ny velaran-tany sy ny isan'ny mponina ao amin'ny faritra:

Tsy arakaraka ny velaran-tany ny isan'ny mponina any Vohipeno raha ny tarehimarika azonay tao amin'ny mpitan-tsoratra ny distrika, satria 1150m² ny velaran-tanin'i Vohipeno ary miisa 297.990 ny mponina any. Noho izany dia tery ny toerana raha mitaha amin'ny mponina satria dia tsy ampy 1m² akory ny anjara tany ho an'ny mponina tsirairay. Antony maro no mety mahatonga izany fibosesehan'ny mponina izany any Vohipeno: eo ny

avy amin'ny fifindramonina izay tsy dia mazoto mipetraka an-tanin'olona loatra ny Antemoro rehefa madeha fa miverina an-tanindrazana ihany; eo ny avy amin'ny fiterahana be loatra izay mihoatry ny efatra noho mihoatra avokoa ny isan'ny zanaka, eo ny avy amin'ny kolontsaina izay tsy manambady ivelan'ny Antemoro ny olona, matoa misy manambady hafa foko aminy ny Antemoro dia na izy niaina tany amin'ny faritra hafa, na mpiasam-panjakana fa ny ankoatra izay dia ny samy Antemoro ao an-toerana ihany no mivady.

Ireto avy ireo kaominina 19 mandrafitra ny distrikan' i Vohipeno sy ny isan'ny mponina ary ny velaran-tany:

FAFANA 2: Lisitry ny boriborin-tany fifehezana ny distrika

N°	Arrondissements Administratifs	Communes composantes		Fokontany	Population	Superficie Km ²	Habitants Par Km ²
1	Vohipeno	1	Vohipeno	9	1895	70	271
2	Andemaka	2	Andemaka	8	1829	45	407
		3	Mahasoabe	6	9157	35	262
3	Sahalava	4	Sahalava	7	8410	50	168
4	Ankaribary	5	Ankarimbary	9	9011	40	225
		6	Mahabo	6	8940	35	255
5	Ifatsy	7	Ifatsy	7	1310	60	218
		8	Antananabo	5	412	50	68
6	Ilakatra	9	Ilakatra	20	2000	141	14
7	Ivato	10	Ivato	3	3260	16	204
		11	Anoloka	7	3060	35	87
		12	Savana	4	3787	40	95
8	Mahazoarivo	13	Mahazoarivo	11	19 3	280	69
9	Nato	14	Nato	6	9324	35	266
		15	Lanivo	7	9498	32	297
10	Onjatsy	16	Onjatsy	3	1358	20	68
		17	Vohilany	3	938	16	59
11	Vohitrindry	18	Vohitrindry	8	13	70	191
		19	Vohindava	7	11	80	146
TOTAL.....19.....				136	184	1 150	161

Loharano: Monographie du district de Vohipeno 2010

1-1-2-3-Ny toe-tany sy ny toetr'andro

Amin'ny ankapobeny dia mafana any Vohipeno nefa kosa mando lava ny tany noho ny rivotra alizay izay mandalo any ka lonaka ary mety amin'ny karazam-boly.


-Ny toe-tany

²⁰ Ny fikarohana nataon'ny ministeran'ny atitany ao amin'ny faritr'i Vatovavy Fitovinany distrikan'i Vohipeno dia milaza fa ny karazan-tany hita ao Vohipeno dia ny: tany mena sady mando lava vokatry ny ranobe ka mahavokatra ary mety amin'ny karazam-pambolena rehetra. Izany hoe isan'ny tany lonaka mahavokatra ny tany any an-toerana. Araka izany tokony hanan-karena ny distrikan'i Vohipeno raha ny fambolena no imasoana saingy ny olana : ny velaran-tany kely nefa ny mponina mitombo ihany, ny rivo-doza etsy andaniny, ny fitaovan-tserasera isan-karazany eo amin'ny famoahana ny vokatra tsy ampy na tsy misy.

²⁰ Ministère de l'intérieur région de vatovavy-fitovinany district de Vohipeno, *Monographie 2010*, P₄ : « Les inondations estivales déposent sur les plaines fluviales des alluvions qui fertilisent le sol. C'est pour cette raison que ces dernières s'appellent aussi les plaines alluvionnaires. Elles sont très fertiles et favorables à diverses cultures. »

Les terres de collines sont constituées par un sol ferrallitique de couleur rouge. Avec une technique de jachère bien organisée ou un assolement à base de compost, ces terres ferrallitiques sont favorables aux cultures du manioc, du café, des ananas, des oranges et des litchis. »

SARITANY 3: NY TOE-TANY HITTA AO VOHIPENO SY VATOVAVY FITOVINANY



Loharano: FTM 2000

-Ny toetr'andro sy ny mari-pana

Mafana ny any Vohipeno amin'ny ankapobeny, fa be orana ihany koa; izany toetr'andro izany no isany mahatonga ny tany any ho lonaka ka mahavokatra. Ny volana Janoary no ahitana mari-pana tena mafana, io dia tafiditra ao anatin'ny fotoam-pahavaratra (34,9°C). Ny fotoanan'ny ririnina, ny volana Aogositra sy Septambra kosa no ahitana ny mari-pana mangatsiaka indrindra (8,5°C).

FAFANA 3:Ny mari-pana

volana	J	F	M	A	M	J	J	A	S	O	N	D
Ny mari-pana ambony	34.9	31.7	30.7	28.3	28.5	28.5	26.4	28.2	30.3	30.6	31.9	33.1
Ny mari-pana antonony	22.3	24.5	22.7	22.8	16	13.7	16.2	18.5	19.5	22.2	23.4	25.2
Ny mari-pana ambany	19	12.8	15.7	14.7	6.6	10.5	11.7	8.5	8.5	17.5	20.2	14.2

Loharano: service meteorologie Ampandrianomby 2014

FAFANA 4:Ny firotsahan'ny orana

volana	Isan' ny andro irotsahan'ny orana	Ny hateviny L/m²
Janoary	25	[1.4 -76.4]
Febroary	20	[0.3 -28.1]
Martsa	15	[0.2 - 22]
Aprily	13	[0.5 - 12.7]
Mey	1	1.8
Jona	0	0
Jolay	0	0
Aogositra	0	0
Septambra	2	[7.6-10.6]
Oktobra	5	[0.9 - 39.3]
Novambra	7	[1.5 -24]
Desambra	22	[0.2 - 28.9]

Loharano: service meteorology Ampandrianomby 2014

Raha araka izao fafana izao dia tsapa fa be orana any Vohipeno, satria ahitana orana hatrany isam-bolana afa-tsy ny volana Jona-Jolay-Aogositra ihany. Ny fotoam-pahavaratra kosa no tena ahitana oram-be matevina dia ny volana Desambra-Janoary-Febroary-Martsa satria amin'ireo fotona ireo dia mahatratra hatrany amin'ny 76,4 ny hateviny isaky ny metatra toradroa.

1-2-NY LAFINY TANTARA

Ny foko na tanàna iray dia tsy maintsy manana tantara avokoa teo amin'ny fiforonany ka mety ho am-bava izany ary mety koa ho voarakitra an-tsoratra. Eto dia ny tantaran'ny foko Antemoro amin'ny ankapobeny sy ny foko mandrafitra azy ary ny toerana manan-tantara no hazavaina.

1-2-1-Ny fiforonan'ny foko antemoro

Ny tafasiry no fitaovana nentina nampitan-kafatra manan-danja ho an'ny taranaka teo amin'ny Malagasy fahiny. Toy izao ny tantaran'ny foko antemoro raha araka ny fanadihadiana nataonay tamina rangahy iray sahabo ny fitopolo taona teo ho eo raha ny

tafasiry henony tamin'ireo raibeny sy ny renibeny taloha sy ny famakiana tahirin-kevitra hafa no isintonana ny tantara:

Ny *vazimba* no niantsoana ireo olona nonina teto Madagasikara voalohany. Ny faritra antemoro tao Vohipeno no nisy vahiny avy any ivelany niditra voalohany , ireo vahiny ireo dia nampiasa ny teny anglisy- hebreo-sorabe noho izy ireo nandalo firenena maro vao tonga tany.

Toy izao ny fizotry ny fahatongavan'ireo vahiny tamin'izany: nisy olona efatra mirahalahy avy any amin'ny foko hebreo niaraka tamin'ny vadiny avy tonga teto Madagasikara. Nitady izay toerana tsara indrindra ²¹**maha te honina** teto, ka ny vinany tao Vohipeno no nanaitra azy ireo; najanon'izy ireo teo ny sambo ka niakatra an-tanety izy ireo, Ambabo (teny hebreo) no niantsoan'izy ireo io toerana io, Andriamarohala kosa no iantsoana azy io ankehitriny. Ankoatra ny aviavy izay nentin'izy ireo ho famantarana ny toeram-ponenany dia nisy fitaovana maromaro hafa koa toy ny vilany,²²ondriky, ²³akalo na alo, ²⁴jamoka (biby fiompy).

Rehefa ela nonina tany an-toerana izy efatra mirahalahy dia niparitaka ka ny lahimatoa nijanona teo Vohipeno ihany , ny iray teny Ivato, ny iray tany Fagnoria ary ny iray nianatsimo tany Vangaindragno nonina tao amin'ny vohitra telo (Ampahatelo ankehitriny) ary nantsoin'ny mponina tany hoe Andriamandeha (mpanjaka) no anarany.

Misy karazany maro ny zana-poko mandrafitra ny Antemoro any Vohipeno, hita izany ao amin'ny bokin-²⁵**dRANDRIAMAMONJY Frédéric**, *Tantaran'i Madagasikara isam-paritra*, fa sokajian'ny mpandalina sy mpahay tantara ho efatra lehibe izany amin'ny ankapobeny:

- **Anteony:** Ireo taranak' i Ramakararo, andriana tamin'ny fotoanan'ny faha mpanjaka. Ireo ihany no niparitaka nanerana ny faritra ahitana ny Antemoro ary nitatra hatrany amin'ny faritra hafa, tany Betsileo sy ny Antambahoaka... mihitsy aza raha araka ny

²¹ Maha te honina , teny nihavian'ny hoe **Antemoroña** ary rehefa nivoatra dia nanome ny hoe **Antemoro**

²² sotrobe

²³ fanoto

²⁴ omby

²⁵ RANDRIAMAMONJY Frédéric, *Tantaran'i Madagasikara isam-paritra*, "ny foko antaimoro", tak206-211, Antananarivo, 2006.

hita ao amin'ny bokin-²⁶**DRANDRIAMAMONJY Frédéric**, *tantaran'i Madagasikara isam-paritra*. Manaraka izany, ny fanjakana sy ny fitantanana ny vahoaka ao Matatana dia napetraka amin'ny Anteony. Teo amin-dry zareo Anteony mandrakariva no nangalana ny Renony (mpanjakan'ny Antemoro), manaporofa izany ny lapan'ny mpanjaka Fenovola, hita ao amin'ny faritry ny anteony izay mbola misy mpanjaka anteony ankehitriny.

- **Antalaotry:** Fikambanan'ny foko ao amin'ny Antemoro izay manana fahaizana manokana eo amin'ny fanandroana, sikidy, faminaniana sy ny fahaizana sorabe, ka raha misy zavatra tian'ny antemoro hatao dia ny Antalaotra no anontaniana. Tsy misy zavatra azo atao raha tsy efa nahazo ny torohevitra avy aminy, na ny anteony izay voalaza fa fokon'andriana aza dia manaja ny antalaotry
- **Anakara:** Taranak'i Ali-Tawarath (Chirien) mpiavy avy any ivelany tonga farany tao Vohipeno, izay nohagasin'ny olona hoe Ralitavaratra. Toy izao ny tantarany ka nahatonga azy nahaforona foko iray matanjaka tany an-toerana araka ny fitantaran'ny olona nohadihadinay:

“Rehefa tonga tao Vohipeno i Ralitavaratra dia nanapaka hevitra izy hanorina trano. Ny hazo fady norarana ho tsy azo anamboarana trano no nampiasainy. Tsy vitan'izay anefa fa natsongoliny ihany koa ireo hazo ka ny lohany no natsatony anaty tany ary ny vodiny kosa nataony ambony. Tezita ny mpanjaka raha nahalala izany ka nandrara azy, saingy namaly Ralitavaratra hoe: “ Ravako trano avy fahavalo, tsy ravako trano avy fahavalo, ka ny tranoko tsy ho ravako.

Raha nahare anefa ny mpanjaka fa misy fahavalo tonga hanafika an'i Matatagna dia nampanatitra fitaovam-piadiana. Tsy noraisin-dRalitavaratra anefa izany ary namaly izy hoe: “nananako tany Maka izany nefa nafaiko ary navelako any , ka hoento miverina ireo fa tsy ireo no ilaiko”. Ny vohitr'i Vatomasy ankehitriny io sy ny tany manodidina azy no ilainy homena azy. Nanaiky ny mpanjaka ka raha vita ny fifanarahana dia nangataka an'ireto Ralitavaratra: “apinga mena, aponga lava, lambamena fito, vilany tany fito, atody akoho lamoka fito. Nanaovany fahagagana ireto fahavalo dia raiki-tahotra ka lasa nitsoaka ny sasany ary nibaboka ny sasany, ka nanolo-tena tamin'ny mpanjaka fa hipetraka ao Matatagna ho toy ny vahoakany. Faly dia faly ny mpanjaka Ramosamary ka hoy izy: “Ianao Ralitavaratra no namonjy an'i Matataña, noho izany, manomboka ny mason'andro androany , izay ny tany izay hitan'ny masonao dia omeko anao avokoa , ary atolotro anao tsy nisy

²⁶DRANDRIAMAMONJY Frédéric, *tantaran'i Madagasikara isam-paritra*, Antananarivo 2001, tak. 212 – 213

arakaraka”. Izany no nahazoan’ny Anakara ny iray ampahatelon’ny kaominina Vohipeno ankehitriny io.

- **Ampanabaka:** Ireo irakiraka sy mpiantafika nandritra ny fitondrana faha mpanjaka sy ireo Malagasy vahiny rehetra niditra ho isan’ny Antemoro, tonga tany amin’ny faritra, tamin’izany fotoana izany sy ny taranany. Izy no maro an’isa indrindra any an-toerana ankehitriny. Raha araka ny tantara azonay dia ireo Ampanabaka no irakiraky ny Anteony tamin’ny vanim-potoana fahampanjaka, amin’ireo ihany koa no nakana mpiantafika tamin’ny adim-poko. Ny Anteony dia manaja fatratra ny fiandrianany ara-pihavanana ka tsy manome ny fitondrana amin’ny foko hafa noho izy. Izany no nahatonga azy ireo hanangana fanjakana manokana ho azy sady namorona ny foko Ampanabaka ho fanoherana ireo tsindry nahazo azy teo anatrehan’ny foko telo (Anteony, Antalaotry, Anakara) izay samy nanana ny maha izy azy avokoa. Hatramin’ny niforonan’ny Ampanabaka dia sahy nangata-bady tany amin’ny Anteony ny tovolahy Ampanabaka, raha fady izany taloha fa ny tovolahy Anteony ihany no mahazo mangata-bady any amin’izay foko tiany.

Misy karazana olona izay antsoina hoe **Antevolo** na **Antemañaja** izay foko kely naloan’ny fiarahamonina antemoro satria heverina toy ny « alika », toy izao ny famaritan’i **Beaujard Philippe** izany : ²⁷“*Misy karazana olona, ny Antevolo, noheverina ho toy ny “alika”, dia nailiky ny fiarahamonina.*”

I **Dominique Rolland** kosa nilaza fa ²⁸« *Ny Antevolo dia manana ny tantarany manokana. Araka ny voalazan’ny sasany dia Anteony ihany izy ireo, tany aloha. Miovaova ny tantara momba azy ireo, fa ny iraisany dia ny fanilihan’ny fiarahamonina azy ireo, noho izy voalaza fa maloto ratsy noho ny fikasihany amboa (biby farany izay ratsy tokoa) ka niantsoana azy ireo ho Antevolo*”.

I TSIMAHAKETRAKA Jeannette dia milaza ao amin’ny bokiny *Ny anjara toeran’ny vehivavy ao amin’ny fiarahamonina antemoro sy ny fivoarany ankehitriny tarafina*

²⁷ Beaujard Philippe, *Princes et paysans. Les Tanala de l’Ikongo un espace social du Sud Est de Madagascar*, l’Harmattan, Imp. CH. Corlet, 14110, CONDE-SUR-NOIREAU, p. 160 : « *Certaines personnes, les Antevolo, considérées comme « chiens » étaient rejetées de la société* »

²⁸ DOMINIQUE Rolland, *Introduction à une anthropologie de la basse Matitanana*, février 1973, p. 43 : « *Les Antevolo constituent un cas particulier. Selon certains, ils faisaient partie des groupes de la Matitanana, Anteony. Les traditions varient à leur sujet, mais toutes font état d’un rejet sous prétexte d’impureté à la suite de contacts avec un chien (animal impur par excellence) et furent désignés comme Antevolo* ».

amin'ny fatrange araka ny ahitana azy ao Matitanana hoe: ²⁹“Voalazan'ny lovantsofina fa tsy Anteony ny razamben'ny Antevolo na Antemañaja. Tamin'ny taonjato faha XV no nahatongavany tao Matatana, avy any Malieka ny fiaviany. Tany am-pilana ravinahitra mantsy, rehefa samy tafaresaka ny zatovolahy Antemoro, dia nilaza Ramosavelo Antemañaja fa manambady amboa (alika) izy raha hanome volabe mitovy haavo aminy. Notaterin'ny mpiara-mitafa taminy tany Matatana izany ka raikitra ny kabary. Naloan'ny fiarahamonina izy sy ny havany izay tsy nahafoy azy, satria ao amin'ity fiarahamonina ity ny alike dia tsy azo atao fanohatra.”

Tsy misy foko manaiky ho fototra nipoiran'ny foko Antevolo ny foko rehetra mandrafitra ny Antemoro. Sokajian'izy ireo ho foko hafa mihitsy ny Antevolo. I **Beaujard** sy **Tsaboto Jean** koa raha nanao fanadihadiana mahakasika ny Antemoro dia nahita ³⁰fa: ny Antevolo no tena taloha, olona milampy ny hafa. Avy any amin'ny toerana antsoina hoe Malieka ny razambeny. Tamin'ny taonjato faha XV no nahatongavany tao Matitanana.

Marihina fa zava-manahirana amin'ny Antemoro sy ny Antemanaja io toe-javatra io na dia efa ³¹niditra an-tsehatra aza ny filoham-pirenena toa an' Andriamatoa TSIRANANA mba hampihavana saingy tsy nahomby. Nitsangana kosa ny misionera katôlika tamin'ny fanorenana sekoly ho an'ny Antevolo. ³²I mônpera CARME Vincent dia nandany 44 taona tamin'ny fahafoizan-tena ho an'ny faritra Atsimo Atsinanana, ka anisan'izany ny teo amin'ny Antevolo. Ohatra ny toeram-pianarana asa sy fitsaboana sembana ao Tanjomoha Vohipeno, izay najoron'i mônpera CARME Vincent ny taona 1986. Ny taona 2000 kosa no nananganany ny akany handraisana ny zaza Antevolo izay antsoina hoe “foyer Carme”

Izany no mahatonga anay manasokajy ny foko Antemoro ho efatra fa tsy dimy satria heverinay fa foko hafa mihitsy ny Antevolo. Ireo dia samy nanana ny mpanjakany taty aoriana ary ahitana foko madinika maromaro mandrafitra azy isan'isany avy, ary ireo foko madinika ireo indray dia mbola samy manana mpanjaka madinika mifehy azy avy.

²⁹ TSIMAHAKETRAKA Jeannette, *Ny anjara toeran'ny vehivavy ao amin'ny fiarahamonina antemoro sy ny fivoarany ankehitriny tarafina amin'ny fatrange araka ny ahitana azy ao Matitanana*, memoires de CAPEN, 2008, tak 13

³⁰ Beaujard (P), Tsaboto (J), *Les parias Antemoro, Les Antevolo* in Colloque International sur l'esclavage, 24,28 septembre 1996. pp 388-389 : « Les Antevolo sont donc des Prias assimilés aux chiens et n'ont plus comme des hommes ».

³¹ [www.madagascar-tribune.com/SOS pour une lepreuse et ses enfants](http://www.madagascar-tribune.com/SOS%20pour%20une%20lepreuse%20et%20ses%20enfants), 03 Septembre 2009.

³² WWW.Jesuite.Com, CARME Vincent, *Au service des anciens plus pauvres. Le Sud- Est Malgaches au defi de l'Evangile, foi et Sacrée*, 2010: « c'est le cri déchirant d'un prêtre qui s'intègre au peuple qu'il a choisi, les Antemoro jusqu'à s'identifié à la caste des Antevolo tenue pour des chien par les autres. De cette mort sociale, il ressuira à se relever, permettant un debut de rapprochement entre clans irréductiblement opposés ».

1-2-2-Ny toerana manan-tantara

Ny tananan'i Vohipeno iray manontolo dia manana tantara maro misongadina manamarika ny tantaran'i Madagasikara satria toerana nisy mpiavy avy any am-pitan-dranomasina voalohany, toerana nitobian'ny mpanjanantany ka nandray anjara betsaka tamin'ny tolona 1947. Izany no isany mampiavaka ny distrikan'i Vohipeno raha mitaha amin'ny distrika hafa eto Madagasikara, fa raha eo amin'ny tantaran'ny tanàna manokana kosa indray dia ireto avy ireo toerana manan-tantara hita any:

- Ny eo amin'ny tranon'ny distrika ankehitriny: toerana nitobian'ny vazaha mpanjanantany. Ary ny toerana filalaovam-baolina kitra eo ambany atsimony dia tanimbary tamin'izany andro izany ka ny asa an-terivozona no nahatotra azy satria noterena ny vatan-dehilahy feno valoambinifolo taona mihoatra rehetra hitaona tany hanotofana azy mba hanatrarana ny hahavon'ny vohitra misy ny JIRAMA sy ny distrika iny . Raha vita izany tanjona izany vao mahazo mijanona satria feno ny vohitra, izany no nahatonga ny anaran'ny Tanàna hoe VOHIPENO.
- Ao fenovola-Ivato: toerana misy ny mpanjaka Anteony hatramin'ny ankehitriny.

SARY 3: Tanàna misy ny lapan'ny mpanjaka lehibe ao Vohipeno Azon'ny ranobe vokatry ny rivo-doza.



Loharano: HANITRAMIORA, Fenovola-Ivato, 11-03-2015

Teo amin'io arabe io mianavaratra no nisy ilay vohitra



Fenovola, lapan'ny Ampanjakan'ny antemoro ao Ivato

132 ny isan'ny mpanjaka nifandimby tao hatramin'izay ka hatramin'izao.

- Ambabo na Andrimaroala: toerana fandroana isaky ny fito taona rehefa misy famorana, ahitana ny sambo nitodiana'ireo vahiny tonga voalohany tao Vohipeno. Ao

ihany koa dia misy ny aviavy nentin'ireo vahiny tonga tao Vohipeno voalohany ka maniry ao izany mandraka ankehitriny.

- Andriamahazonoro: toerana fangalan'ny antemoro rano rehefa handeha hamanga, toerana fangalan'ireo vahiny rano sotroina fahiny.
- Onjatsy: toerana nisy Tanana voalohany tao Vohipeno.
- Ny eny ampita andrefan'ny reniranon'i Matatana iray manontolo, indrindra ny any amin'ny lalana mankany Andemaka: ahitana ny arabe efa tamin'ny andron'ny fanjanahantany, ary misy toerana midadasika fambolena kafe sy fary tamin'izany andro izany ny manamorona ny arabe.
- Ny hazobe ao Ambohimañarivo: hazo nambolen'i Bevoire (Vazaha mpanjanatany nonina tany an-toerana tamin'ny andron'ny fanjanahantany).
- Maro ny tantara mahakasika ny hazo any an-toerana raha araka ny tahirin-kevitra hitanay:³³ ny tantaran'ny hazo fotsy, salohin-dRekaoky, tantaran'ny hazo tsy fantatra. Isan'ny amin'izany ny hazo nambolen'i Bevoire mpanjanatany nonina tao Vohipeno.

SARY 4: HAZO NAMBOLEN'I BEVOIRE MPANJANAKA TANY VOHIPENO



Loharano : HANITRAMIORA ,Ambohimananarivo-Vohipeno, 11-03-2015

Izany tantara izany dia manambara fa i Vohipeno dia nandray ny tolona ho amin'ny fahaleovantena tamin'ny taona 1947 manaporofa izany koa ireto toerana nahitana ny fitobian'ny MDRM tany Vohipeno ireto: Vohitrindry, Tsimalazo, Mahabo, Lanivo. Tao

³³INTERNET ,http://malagasyaho.com/tantara/06_ny_fizarana_an'i_matatana.html

Ambohimanmarivo kosa no nisy ny mpitsikilo ny mpanafika nandritra ny ady tamin'ny vazaha mpanjanaka.

1-3-NY LAFINY FIARAHAMONINA

Ny lafiny fahasalamana sy fanabeazana ary finoana dia tsy maintsy hita ao anatin'ny fiarahamonina rehetra, toy izany koa ny ao amin'ny fiarahamonina Antemoro. Mifameno hatrany ireo, ny fanabeazana sy ny fitandroana ny fahasalamana dia mila finoana (ny fanabeazana miankina amin'ny finoana, ny fitsaboana nentim-paharazana...)

1-3-1-Ny fahasalamana

Misy endrika fitsaboana roa ao Vohipeno dia ny fitsaboana nentim-paharazana toy ny fampiasana ny sorabe, ny zava-maniry atao tambavy na ahosotra sy ny fitsaboana siantifika izay hita eny anivon'ny hopitaly. Manana toeram-pitsaboana roa lehibe ny distrikan'i Vohipeno dia ny hôpitaly be ara-panjakana ao amin'ny renivohitra izay fitsaboana ny aretin-tratra, toerana fanaraha-maso ny fahasalaman'ny vehivavy bevohoka ary toeram-pitsaboana manara-penitra iray an'ny misionera katôlika (hôpitaly Henintsoa) izay manao fitiliana, fandidiana saingy andoavam-bola.

FAFANA 5: Ny karazana aretina folo mpahazo ny mponina

Consultation: liste des 10 pathologies principales

Periode : 01-2014 à 12-2014

maladies	Nombre de cas								
	0 - 28j	29j - 11m	1 - 4 ans	5 - 14 ans	15 - 24 ans	25 ans et plus	Total	%	Références
Toux ou rhume	75	2 748	4 685	2 265	1 316	3 008	14 097	14,0	19
Paludisme simple	1	575	4 391	5 085	1 562	1 715	13 329	13,2	211
Autres pathologie	25	234	746	543	961	1 895	4 404	4,4	63
Affections digestives	4	177	520	474	669	1 678	3 522	3,5	18
Diarrhées (Di) sans déshydratation	6	824	1012	219	216	356	2 633	2,6	2
Affections cutanées	6	239	682	445	386	801	2 559	2,5	23
Autres IRA	4	271	506	479	436	664	2 360	2,3	5
Parasitoses intestinales		24	447	325	245	544	1 585	1,6	4
Affections ostéo-articulaires		2	6	53	158	1 139	1 358	1,3	7
Pneumonie	9	426	495	114	42	82	1 168	1,2	1
TOTAL	130	5520	13490	10 002	5 991	11 882	47 015	47	53,3
Total	166	5849	14337	10 810	7 228	15 204	53 594	53,3	53,3
Maladies	Maladies	Maladies	Maladies	Maladies	Maladies	Maladies	Maladies	Maladies	Maladies

Loharano: services statistiques d' hopital Vohipeno centre, 28-01-2015

Marihina eto fa betsaka ny olona voan'ny aretina “drépanocytose”(aretin'ny rà) araka ny voalazan'ny dokotera niresaka taminay, noho ny mponina nivady mpihavana, eny fa na dia tsy hita eto amin'ity antontanisa nomen'izy ireo ity aza izany. Koa raha ity antontanisa ity no jerena dia ny kohaka « toux ou rhume » no tena mpahazo ny olona.

1-3-2-Ny finoana

Misy karazana finoana maro ao amin'ny fiarahamonina Antemoro dia ny finoana kristiana, ny finoana silamo, ny finoana ny Razana ary ny fampivadiana finoana « synchrétisme ». Ny Antemoro dia mampivady finoana satria tsy mitoky amin'ny finoana tokana: Ny mpino Kristiana dia mitoky amin'i Jesosy Kristy, ny mpino Silamo mitoky amin'i Allah, saingy ireo karazana mpino roa ireo dia tsy nanary ny finoana ny Razana izay nolovainy tamin'ny Razambeny. Manaporofo izany ny vavaka sy ny fangatahana tso-drano amin'ny Razana rehefa manatontosa fomba amam-panao ny Antemoro (famorana, fanambadiana,...). Izany hoe sady misy fiantsoana Razana no misy vavaka fanao amin'ny maha silamo na maha kristiana ny vavaka atao ary fanatonana mpanandro mialoha ny hanatontosana ny fomba. Tahaka izany koa, ny mitoky amin'ny Razana dia hita mamonjy fiangonana Kristiana na Silamo ihany indraindray rehefa misy ny olana manery azy toy ny aretina...

SARY5:FIANGONANA KRISTIANA VOALOHANY TAO VOHIPENO



Loharano: HANITRAMIORA, Ivato-Vohipeno, 11-03-2015

Tsy nanaiky ny fomba kristiana ny Antemoro noho ny fomba tsy mitovy amin'izay nolovaina tamin'ny Razambe (Hebreo, Arabo). Kanefa natanjaka ny mpanajanaka:

nitondra maopera izy ireo dia i môpera Jourdan sy maopera Garique izay nanangana an'io fiangonana ao Ivato io.

1-3-3-Ny fanabeazana

Ny Ray aman-dReny Antemoro ankehitriny dia manabe ny zanany araka izay nolovainy tamin'ireo Razany amin'ny alalan'ny angano, tafasiry, ankamantatra... Misy kosa ny ampitainy ao anatin'ny fomba amam-panao sy eo anivon'ny fiainana andavanandro, toy ny fitsipi-piainana, ny fahaizana taozavatra... Na eo aza izany, mandefa ny zanany any andakilasy ihany koa anefa ny Ray aman-dReny. Ao Vohipeno dia ahitana ny sekolim-panjakana sy ny sekoly tsy miankina amin'ny fanjakana, ary ny sekoly fianarana asa (trano fiofanana fihaonana an'ny FLM, ny école menagère catholique, ny Atelier catholique).

FAFANA6: Ny isan'ny sekoly, mpianatra ary mpampianatra taom-pianarana 2005-2006

	miankina			Tsy miankina	
	EEF1	EEF2	Lycée	EEF1	EEF2
Sekoly	157	8	1	15	6
Mpianatra	26487	2515	595	2729	860
mpampianatra	732	45	17	83	34

Loharano: service statistique CISCO Vohipeno

1-4-NY LAFINY TOE-KARENA

Ny fambolena sy ny fiompiana no tena iveloman'ny olona ao amin'ny distrikan'i Vohipeno. Manampy izany koa ny asa tanàna sy ny varotra madinidinika. Misy kosa ny mivelona amin'ny jono: an-dranomamy sy an-dranomasina.

Eo amin'ny fambolena dia saika hita any avokoa ireo karazam-boly mety amin'ny tany mafana sy mando (voly vary, kafe, mangahazo, vomanga...). Ankehitriny, dia efa tafiditra ao ny voly legioma toy ny laisoa, voatabia, petsay, concombres, ary tena vokatra tokoa.

Fanamarihana: Tamin'ny taona 2005 dia mihoatra ny ³⁴sivifolo isan-jato ny raim-pianakaviana mifototra amin'ny fambolena, saingy tamin'izany dia tsapa toa kamo izy ireo satria tsy ampy atsasaky ny tany azo volena akory no voavolin'izy ireo. Ny antony dia noho

³⁴ PRD (Plan Régional De Développement), 2005

ny rivo-doza sy ny oram-baratra izay miteraka ranobe manimba ny voly kanefa maina tsy misy orana kosa raha miala amin'ireo vanim-potoana ireo vao mamboly.

FAFANA 7: Ny velaran-tany azo volena sy ny voavoly

	Velaran-tany azo volena	Velaran-tany voavoly
Distrikan' i Vohipeno	105.000 ha	29.073 ha

Loharano: Monographie Manakara et Vatovavy Fitovinany-UPDR, 2003 SARY 2:

SANTIONANY AMIN'IREO VOKATRY NY TANY HITTA ANY VOHIPENO



Amboreka



frampay na soanambo



Rafia



kafe



voafandra na mananasy




Akondro



letisia



Makobà



papangay

Loharano : HANITRAMIORA, febroary 2015

Santionany ihany ireo naseho ireo fa maro ny vokatra any an-toerana toy ny : voasary, voanio, zévi na sakoa, kazaha na mangahazo, bokala na vomanga, tavolo, vary, jirofo, vanilla, voanjo, pistasy, zaty na karate, fary, anatsonga, laisoa, ny bemako na ovy ala sy ny sisa.

Eo amin'ny fiompiana, ny fiompiana omby no tena omen-danja noho ny akoho amam-borona, fa ny tena vaovao dia efa manomboka mahazo vahana ny fiompiana kisoa, ohatra: eny Andemaka, Vohibe... izay lazaina ombieny ombieny fa fady ny Antemoro.

Eo amin'ny asa tanana kosa, mitazona ny lohalaharana ny rary na dia misy aza ny zaitra sy ny rafitra ary ny tefy. Ny rary no asa tanàna mahazo vahana sy omen-danja any Vohipeno, ary ny Vehivavy no tena mpandrany, hatramin'ny nidiran'ny PROSPERER tany an-toerana vao nahitana lehilahy mandrany izay iray isan-tanana raha misy.

1-5-NY ENDRIKY NY TANANA

Raha jerena indray mitopy maso ny tanàna dia ny zava-maniry maitso no mandrakotra azy. Ary ny reniranon'i Matatana izay mampalaza azy no mamakivaky ny tanàna ka ny any ampita andrefan'ny renirano no ahitana ny kaominina: Onjatsy, Vohilany, Vohitrindry, Ankarimbary, Mahasoabe, Andemaka, Ilakatra, Vohindava, Sahalava, Mahazoarivo, Antanambao, Vohindava, Ifatsy, Mahabo.

Ny ampita atsinanana kosa no ahitana ny kaominina: Savana, Anoloka, Ivato, Vohipeno, Nato, Lanivo

Ny reniranon'i Matatana dia mizara roa ka tonga eo anelanelan'i Mahasoabe sy Andemaky vao mihaona, ny avy any Ankaramalaza kosa dia i Mbahivë no fiantso azy fa ny avy any Mahavagno sy Sahalava no antsoina hoe Matatana izay nofidin'ny mponin' i Vohipeno iantsoana ny renirano mamakivaky ny tananany.

SARY 6: RENIRANON'I MATITANANA



Loharano: HANITRAMIORA, desambra 2014

Raha jerena kosa ny endrika anatin'ny tanàna dia toy izao manaraka izao: raha vao miditra ny tanànan'i Vohipeno dia mahita ny liseam-panjakana- ny Hôpitaly katôlika Henintsoa- ny C.E.G- ny trano fianaran'ny silamo- ny hôpitalim-panjakana- ny tsena na ny bazary- ny tranom-pokonolona sy ny toerana filalaovam-baolina kitra an'ny kaominina.

Ny karazana trano hita any dia mifangaro: trao vato vita avy amin'ny biriky na “parpain”(vita amin'ny somenitra sy fasika no) , trano rapaky vita avy amin'ny vatan'ny ravinala izay efa voazarazara toy ny hazofisaka “planche”, trano falafa, trano vita amin'ny volo novakivakiana ka ny eglizy no tena ampiasan'ny mponina azy. Ny trano rapaky sy ny trano falafa no tena mahazo vahana any satria izay no kolontsaina nentim-paharazana ka nolovain'ireo taranaka taty aoriana, ary ireny no trano mampiavaka ny Antemoro satria dia mitovy avokoa ny fanamboarana azy.

SARY 7: TRANO FALAFA,



SARY 8: TRANO RAPAKY



“Ambariray”: fialokalofan'ny akoho amam-borona rehefa mahamay ny andro na avy ny orana

NY TRANO FALAFA: trano vita amin'ny taohon-dravinala, ny tahony no atao rindrina sy varavarambe afovoany eo amin'ny kibon'ny trano atsinanana sy andrefana, ny tafony kosa dia tsy maintsy vita amin'ny raviny.

NY TRANO RAPAKY : trano vita avy amin'ny vatana ravinala izay efa voazara manifinify atao rindrina, ny varavarambe izay hita eo atsinanana sy andrefana amin'ny trano kosa dia hazo fisaka hafa(hazo manga, kininina...), ny tafo dia vita amin'ny ravina ravinala na koa fanitso.

Ireo trano ireo dia samy tsy misy varavarankely, izany no trano nentim-paharazana fa avy hatrany dia varavarambe roa ihany hita eo amin'ny kibon'ny trano antsinanana sy andrefana. Mizara ho efitra roa ny trano ka ny atsimo no misy ny fatana fikarakarana sakafo sady fatorian'ny ankizy amam-behivavy ary ny efitra avaratra kosa no trano fandraisam-bahiny, fisakafoanana ary fatorian'ny olon-dehibe sy ny lehilahy.

NY TAFO RAVINALA: ny tafo ravinala dia isan'ny rary satria toy ny mandrany ny ataon'ireo lehilahy antemoro mpanamboatra azy; atambatambatra tsikelikely dia fatorana amin'ny tady ireo ravina ravinala mba hifanakaiky tsara ireo taho ipetahan'ny ravina amin'izay matevina tsara, ka tsy tanteraky ny rano rehefa avy ny orana satria any an-toerana dia be orana. Ny tafo ravinala koa dia tsy dia mampafana noho ny tafo fanitso ka mety tsara any Vohipeno satria any dia isany tany mafana. Izany hoe ny tafo ravinala, ny trano falafa, ny trano rapaky dia isan'ny azo antsoina hoe **lovantsaina velona** antemoro satria efa fanaon'ireo Razambe no niampita taty amin'ny taranaka, ary ahitan'izy ireo tombon-tsoa na ara-toekarena na ara-pahasalamana satria mangatsiatsiaka mirindra tsara amin'ny hafanana be izay mety hamparary. Any Vohipeno dia ahitana ravinala maro ka tsy mandany harena loatra ny mponina raha manamboatra trano avy amin'izany izy.

SARY9: **BEAFO**: Alan-dravinala matevina any Vohipeno



Loharano : HANITRAMIORA

Valan-javaboary iray izay voalaza fa “harovan'ny ministeran'ny tontolo iainana atsy ho atsy” hoy ilay ramatoa iray mpiasam-panajakana monina manodidina ity toerana ity.

SARY 10: TRANAMBO (SOMPITRA)



Loharano: HANITRAMIORA, martsa 2015


1-6-NY LAMIM-PIARAHAMONINA

Ny lamim-piarahamonina dia miainga any amin'ny ankohonana ka mipaka hatrany amin'ny firenena izany. Ny fiarahamonina Antemoro koa dia ahitana izany: ny rafitra ara-pitondrana nentim-paharazana, ny rafitra ara-panjakana môderina ary ny rafitra ara-pianahana.

1-6-1-Ny rafitra ara-pitondrana nentim-paharazana

Tahaka ny rafi-pitondran'ny fanjakana repoblika Malagasy eo anivon'ny fokontany ihany ny rafi-pitondrana nentim-paharazana Antemoro, saingy ny anarana fiantso ny tompon'andraikitra tsirairay no samihafa. Ny mpanjaka no toy ny sefom-pokontany, ny tovoho no lefiny... Izany hoe ny andraikitra sahanin'ireo dia mitovy ihany tahaka ny hita eny anivon'ny fokontany rehetra misy eto Madagasikara sy araka ny lalàna mifehy amin'izany. Raha mitaha amin'ny rafi-pitondram-panjakana malagasy ankehitriny eo anivon'ny kaominina, ny mpajaka no Ben'ny tanàna, ny Tno mpanolon-tsainy, ny Loholo no Ben'ny tanàna lefitra ka ny Kisatra dia mpanolon-tsaina azy, ny Andriambaventy no Sefom-pokontany, ny Ampanompo no vahoaka, ka ny Bemino no vatan-dehilahy mpiambin-tanàna.


KISARY 2:Firafitry ny fiarahamonina antemoro nentim-paharazana:



1-6-2-Ny rafitra ara-pandraharaham-panjakana môderina

Amin'ny maha Malagasy ny Antemoro, ahitana rafi-panjakana malagasy ao amin'ny distrikan'i Vohipeno. Tsy manan-kery eo anivon'ny fiarahamonina ny taratasy ilaina amin'ny sehatra ara-panjakana raha tsy avy any amin'ny fanjakana ihany (ny taratasy fanamarinam-ponenana, ny bokim-pianakaviana...). Izany akory tsy midika fa tsy miasa intsony ny rafim-pitondrana nentim-paharazana, misy ihany ireo toe-javatra sarotra amin'ny fanjakana ny mamaha azy noho ny fanajana ny zon'olombelona, ny fomban-dRazana ary ny fady izay mitoetra eo anivon'ny fiarahamonina. Ny tranga tahaka izany dia ny fifampitondrana nentim-paharazana ny mandamina azy. Ny rafitra amin'izany dia mitovy amin'ny rafitra napetraky ny repoblika Malagasy eny anivon'ny distrika rehetra misy eto Madagasikara.


KISARY 3: ny firafitry ny fitondram-panjakana môderina



1-6-3-Ny rafitra ara-pianahana

Tahaka izao ny fifampiantsoana eo anivon'ny fianakaviana Antemoro. Ny fiarahamonina Antemoro dia manome lanja ny lehilahy. Ohatra: ny zanaka rehetra dia manara-dray avokoa raha maty, ny lehilahy no tompon'ny fanapaha-kevitra farany ao amin'ny fianakaviana...Ny taranaka mpirahalany dia fady mifanambady, fa raha avy amin'ny reny kosa dia afaka mifanambady ny taranaka fahadimy, ary tsy maintsy alaina faditra.

KISARY4: Ny fiantso ny sokajin’olona araka ny taonany sy ny mahalaky na mahavavy azy ary ny fifandraisany eo amin’ny lafin-kavana :



Ampiandry -Ampioky «Mpizoky Mpizandry»

Famantarana ny kisary:

AZ1 :aba zoky



: mpivady

AZ2 : abazandry



: mpiray tampo

EZ1: endry zoky

EZ2: endry zandry



: lahy

Z1 :zoky



: vavy

Z2: zandry



: ego vehivavy



: mampirafy

1-6-4-Ny fanangë/ Fati-drà:

Ny atao hoe fanangë dia fihavanana volena eo amin'olona roa izay tsy mpihavana nefa mifanara-tsaina tsara ka vonona hifanampy sy hifamonjy toy ny mpihavana misy rà iraisana.

Misy karazany roa ny endrika isehoan'ny fanangë:

-Voalohany: tanterahina amin'ny alalan'ny resaka sy tangeñy “tsitsika” ifanaovan'ny olon-droa maniry ho mpihavana.

Ohatra: nisy olona avy any amin'ny foko hafa namanga tany amin'ny fiarahamonina antemoro dia nifandray tamin'ny mpiara-miasa aminy na ny namany iray tany an-toerana izy ka nifanao vava fa hifandray toy ny mpihavana , dia atao ny fomban'ny fanangë mba hisian'ny vavolombelona amin'izany: manatona ny lehilahy lehibe ao amin'ny fianakaviana ary afaka manatrika eo avokoa ny fianakaviana rehetra izay mankasitraka izany, samy mitangeñy izy roa fa ho mpihavana ary tsy hisy hamadika izay mikasa hanao ratsy aminy izany.

-Faharoa: **fati-drà** no iantsoana azy, ny fati-drà dia tahaka izany ihany ny antony saingy ahitana fifampisotroana rà mandritra ny tsitsika atao izay ampanaovin'ny lehilahy lehibe indrindra ao amin'ny fianakaviana. Ka mandritra izany dia atrehin'ny olona rehetra izay mankasitraka.

Tahaka izao ny atao: mikabary aloha ny mpampitsitsika, avy eo manao teny fifanekena ny mpitsitsika roa tonta, rehefa vita izany dia andidiana ny ankihikelin'izy roa tonta, samy atao ao anaty lovia misy rano efa napetraka mialoha teo anelanelan'izy roa ny rà teo, ka mifandimby mitangeñy izy roa, izany hoe manozon-tena ho henon'ny mpanatrika rehetra fa ho azon-doza raha mivadika na mikasa hanao ratsy, izay vao misotro an'ilay rano mifangaro ny lion'izy roa teo tsirairay avy ny mpitangeñy. Izany hoe olon-dray izy roa manomboka eo, rà iray mitovy no mikoriana ao amin'ny roa tonta, tahaka ny mpiray tampo ka tsy mifanao ratsy fa mifankatia. Raha misy ratsy ataon'ny iray dia miara-mizaka ny vokany satria tsy hifanary na amin'ny mora na amin'ny sarotra, koa raha misy kosa fahasoavana azon'ny iray dia miara-mifaly avokoa.

1-6-5-Ny ziva

Ny ziva dia fomba fanaon'ny Ntaolo Antemoro tahaka ny amin'ny tangeny ihany saingy tsy eo amin'ny olon-droa ihany no anatanterahana azy fa eo amin'ny foko roa samihafa ka nolovain'ny taranak'ireo foko ireo taty aoriana.

Misy endrika roa isehoany any Vohipeno dia ny **Mifañompa** sy ny **olo-miray**.

❖ Ny mifañompa

Ny foko roa mifañompa dia avy amin'ny tangeñy nifanaovan'ny Razamben'ireo foko roa ireo fa hifandray toy ny mpihavana ka amin'izany dia hanjary soa ho an'ny olona avy ao amin'ny foko iray ny ompa ataon'ny olona avy ao amin'ny foko iray hafa izay zivany.

Oatra: ny olona ao Lanivo dia zivan'ny olona ao Ndrañotsara.

❖ Ny olo-miray

Ny olo-miray kosa dia mpihavana taloha ny Razambe ka nizara tanàna roa samihafa noho ny fitadiavana. Samy nanorina tanàna tany amin'izay nalehany, kanefa tsy tapaka ny fihavanana fa mitohy hatrany amin'ny taranaka mifandimby rehetra. Ireo

dia tsy mahazo mifañompa sy mifanao ratsy fa mifanasoa toy ny ray aman-dreny sy zanaka na ny mpiray tampo.

Ohatra: Manjarivo (Vohipataka) sy Vohibolo (Antenosiala).

Ny hevitra hitovin'ny mifagnompa sy ny olo-miray kosa dia samy fandrafetam-pihavanana hoenti-manohitra foko hafa ankoatra azy roa ireo tamin'ny fotoanan'ny adim-poko no tena antony.

1-6-6-Ny tangeñy

Ny tangeñy dia fomba amam-panao nentim-paharazana hita any anivon'ny fiarahamonina antemoro hatramin'izao. Misy karazany maro ny tangeñy sy ny endrika isehoany saingy azo sokajiana ho telo izany dia ny:

-Voalohany, ny tangeñy = tsitsika: tangeny no iantsoana ny ataon'ny olona rehefa manao vava ho mpihavana amin'ny fanangē sy amin'ny ziva.

- Faharoa, ny tangeñin-jaza: ny ankizy mifanendrikendrika ka manadio tena amin'ny alalan'ny ozona ataony amin'ny tenany ihany izy, ohatra: raha endrikendrehin'ny namany hoe nangalatra ny ankizy amin'ny zavatra tsy nataony dia mamaly izy hoe “maty aho anio alina raha nangalatra”

Izany dia inoan'ny Antemoro fa tsy arahin'Andriamanitra satria an-jaza “tsy mana-tsiny”

-Fahatelo, ny papango fotsy helatra: resaka henony tamin'olona, izany hoe misy olona fantany fa manendrikendrika azy ho nanao zavatra ratsy (mamosavy, mangalatra...) izany hoe manaparitaka resaka eo amin'ny tanàna amin'ny zavatra izay tsy nataony akory. Amin'izay fotoana izay dia izy no miteny amin'ny olona nanendrikendrika sady nilaza zavatra tsy marina iny hoe “andao hifampitangeñy”. Izy ihany no mamafy ny tenany raha nahatody (nahavita ny tangeñy natao) izy, izy no miantoka ny omby vonoina fa tsy ilay olona nifapitangeñy taminy.

-Fahefatra, ny tangeñy misy olo mitaña: ny olona manendrikendrika no mitaona ilay voaendrikendrika hitangeñy ka raha mahatody izy dia ny mpanendrikendrika no mamafy azy.

Ny atao aorian'ny tangeñy moa:

Raha nahatody (nahavita): manao fafy, izany hoe toy ny ala-fady no atao eto satria masina ny tenan'olombelona ka tsy tokony holotoina, ka amin'izany dia mifety ny rehetra: mamono omby hiaran-komana sy mifaly

Raha tsy nahatody (nahavita): noho ilay olona tsy nahatody dia atao toy ny isan'ny olon-dratsy eo amin'ny tanana iny olona iny ka roahina tsy hipetraka eo intsony , izany hoe atao sesitany satria masina ny tanàna ka tsy tokony hipetrahan'ny loto , na koa mamono omby toy ny hoe sorona fanadiovan-tena (mandoa dina ho fanonerana ny fahadisoana natao)

Ny tangeñy dia noforonin'ny olona mba hisian'ny fandriam-pahalemana eo anivon'ny fiarahamonina. Rehefa misy moa fifanarahana na lâlana tahaka izany dia misy hatrany ny ampahan'olona sasany maningana ka miezaka manakorontana izany no mahatonga ny ntaolo niteny hoe: “saonjo iray lohasaha ka tsy ilaozan'izay mamarara”.

Ireto avy ny mety ho sakana amin'ny fanaovana tangegny:

-Ny“borobosy”: fambara miseho amin'ny fotoana hanatanterahana ny tangeñy, toy ny vorona, olona mitondra famaky, olona miady, zaza mitomany... satria ny tangeñy dia amin'ny fotoana tsy ampoizina no hanatanterahana azy fa tsy asiana fandaharam-potoana, eo noho eo amin'ny fotoana hisian'ny fifanendrikendrehana.

-Ny *odin-tangeñy*: ody ataon'ny andaniny mpanendrikendrika mba tsy hahatody ny olona mitangegny, na ataon'ny ankilany endrikendrehina mba hahatody izy.

Tahaka izay ny fampahalalàna fohifohy ny distrikan'ny Vohipeno izay be mponina, ny naseho teo voalohany dia ny lafiny jeografika izay nanoritsoritana ny toerana nanaovana ny fanadihadiana, ny fanabeazana sy ny finoana ary ny fahasalamana, fa teo koa ny toe-karena dia ny fambolena sy ny fiompiana ary ny asa tanana no tena foto-piveloman'ny mponina. Avy eo kosa dia ny lafiny tantara: ny tantaran'ny mponina, ny foko sy ny tanàna. Ary ny nambara farany dia ny lamim-piarahamonina nentim-paharazana izay fototry ny filaminan'ny fiarahamonina hatramin'ny ankehitriny.

Fizarana faharoa:

NY LOVANTSAINA VELONA NA
“Patrimoine Culturel Immatériel” (PCI)
ARAKA NY FIHEVERAN’NY
UNESCO

Satria ny momba ny rary no hohalalinina etsy amin'ny fizarana fahatelo, izany hoe ny maha **lovantsaina velona** azy any amin'ny fiarahamonina Antemoro. Mialoha izany dia hatolotra eto amin'ity fizarana manaraka ity ny fampahafantarana ny UNESCO amin'ny ankapobeny, noho izy sehatra fototra hiasana amin'ity asa ity ka tsara soritsoritana mba hahazoanana ny fomba fiheverany sy ny fomba fiasany eo anivon'ny fikambanana. Ny atao hoe PCI araka ny fiheveran'ny UNESCO kosa no tena hovahavahana sy ho fantarina tsara manaraka izany. Ny UNESCO dia niezaka nanaparitaka sy nampahafantatra ny atao hoe **lovantsaina velona** tamin'ireo firenena mpikambana rehetra ao aminy ka isan'ny nahazo tombony amin'izany i Madagasikara, noho izany tsara soritsoritana eto ny amin'ny UNESCO eto Madagasikara

2-1-NY UNESCO ETO MADAGASIKARA

Ny UNESCO dia fikambanana mifamatotra amin'ny ONU izay niforona tamin'ny 16 novambra 1945, ao Paris(France) no misy ny foibeny, 195 ny isan'ny firenena mpikambana ao ankehitriny. Misahana ny kolontsaina, ny fampianarana, ny siansa sy ny fanabeazana ny UNESCO. Amin'ny maha mpikambana ny firenentsika hatramin'ny 10 novambra 1960, ny UNESCO dia nandahatra hetsika ho an'i Madagasikara ka mihodikodina amin'ireto tebo-kevitra efatra lehibe ireto izany:

- Ny fanaraha-maso ny vakoka natoraly eto Madagasikara, indrindra fa ny fanatanterahana ny fanisana ny zavatra voajanahary ary ny antontanisan'ireo zavatra mety hanimba ny valanjavaboary natoraly. Manana harena voajanahary maro i Madagasikara . Tokony hofaritana tsara ny fisian'ireny, ary raiketina an-tsoratra avokoa. Jerena ihany koa izay rehetra mety ho fahavalony mba hitadiavam-bahaolana. Ohatra, ny valanjavaboary ao Andasibe izay arovana eto Madagasikara ary sakanana ny doro-tanety, ny fanapahana ny ala... izay fahavalon'ny biby sy ny zava-mniry ao amin'io faritra io.
- Ny fampandrosoana eo amin'ny lafiny toe-karem-pirenena: fampianarana mamaky teny sy manoratra ny olon-dehibe miankina amin'ny fitaovam-pampianarana araka ny tontolo iainana. Ny antony dia mba hitsinjovana manokana ny fiarahamonina mba hikorakorany ny tenany sy ny filàny rehetra amin'ny fanajana ny tontolo iainana. Sarotra kokoa ny fampitana hafatra amin'ny olona tsy mahay mamaky teny sy manoratra. Ilain'ireny olona ireny anefa izany mba hahafahany mizaka ny zony aradalanà, fa tsy ho fitapitahin'ny hafa. Ohatra, ny fomba fampianarana “andragogie” izay nanofanan'ny UNESO ny mpampianatra maro taty amin'ny faritr'i Afrika.

- Fanomanana ny fampidirana ny valanjavaboary natoraly eto Madagasikara ho ao amin'ny lisitry ny vakoka eran-tany, sy mba hanamafisana ireo valanjavaboary efa voasoratra ao anaty lisitra. Ezahina ny hampidirana anaty lisitry ny UNESCO ireo valanjavaboary voaisa sy voasoritra hita eto Madagasikara. Izany dia natao mba hahalalan'ny firenena rehetra ny fisiany. Hanamafisana ihany koa ireo vakoka izay efa tafiditra ao anatin'io lisitra io.
- Fiarovana ireo PCI Malagasy sy fampahafantarana izany hipaka eran'izao tontolo izao. Satria antoky ny fanabeazana ny taranaka mifandimby hifototra amin'ny tena maha izy azy ireny PCI ireny, ary antoky ny fivelarany sy ny fahazoana antoka ny hananany sanda iraisam-pirenena. Ohatra amin'izany ny rovan'Ambohimanga izay efa tafiditra ao anaty lisitry ny UNESCO.

Maro ireo andraikitra efa notontosain'ny UNESCO teto Madagasikara tahaka ny:

- Ny fankatoavana ny fifanarahana mahakasika ny vakoka eran-tany (1981) ary nampiditra ho ao anaty lisitra ny valanjavaboary telo izay hita ao ankehitriny ireto: Ny tsingin'i Bemaraha sy ny ala maitso atsinanana "Forêts hummide d'Antsiranana" ary ny valanjavaboary ara-kolontsaina "colline royale d'Ambohimanga". Ireo dia vakoka natoraly ho an'ny Malagasy, ny fanavaozana ny sy fitaovana sasany ampiasaina amin'ireo toerana no namboarin'olombelona.
- Fametrahana tsangambato roa voasokajy ho vakoka am-bava "i Dada Gaby-Voninavoko" sy an-tsaina "ny fahaiza-manao amin'ny alalan'ny hazo zafimaniry". Izany hoe ireo dia ahitana teny sy hafatra ary seho-kanto mirakitra kolontsaina nifampita tamin'ny taranaka ary iainana ankehitriny.
- Fampianarana mahakasika ny tontolo iainana ho an'ny mpianatra, ny fandaharam-pianarana azo havaozina sy azo ampifandimbiasina na ihany koa ny hoe: fametrahana ny politikan'ny fampandrosoana maharitra. Ohatra, ny fampidirana anaty lesona ireo karazana tendrombohitra avo indrindra eto Madagasikara, fampahafantarana ny mpianatra fa manana harena an-kibon'ny tany maro ny Malagasy...

2-2-IREO FIFANARAHAN'NY UNESCO MOMBA NY VAKOKA SY NY KOLONTSAINA

Misy fito ny fifanarahana "convention" mikirakira ny sehatra ara-kolontsaina sy vakoka nataon'ny Unesco:

- 1) Ny fiarovana sy ny fahasamihafan'ny fisehoan'ny kolontsaina maro (2005). Maro samihafa ny kolontsaina manerana izao tontolo izao. Ireny no maneho ny maha izy azy ny firenena iray. Mila arovana ireny mba tsy hisy haka na ho takon'ny kolontsaina hafa, kanefa tena ilaina. Mifampiditra ny kolontsaina ankehitriny noho ny serasera efa mahazo vahana, ka tsara ny fandraisana ity fepetra ity mba hiarovana ny vakoka. Ohatra, ny "Papiers Antemoro" izay ny Nosy Maurice no mahazo tombotsoa aminy noho izy nikaroka hevitra mba hahafahany mitrandraka ity haren-tsaina Malagasy ity, ary koa vokatry ny serasera sy ny fifampikasohany tamin'ny firenena Malagasy no nahitany izany.
- 2) Ny fitehirizana ny PCI na lovantsaina velona (2003). Misy fomba nofaritan'ny UNESCO ho fitehirizana ny PCI mba ho hitan'ny taranaka mifandimby, satria ireny dia mirakitra kolontsaina sy soatoavina ary manabe ny tsirairay. Ohatra, ny fananganana ny lisitry ny PCI ho an'ireo firenena mpikambana ao amin'ny UNESCO, ny fananganana mozea ataon'ny ICOM mpiara-miasa amin'ny UNESCO.
- 3) Ny fiarovana ny vakoka ara-kolontsaina ambony tany (2001). Ny zava-misy an-tanety no nimasoan'ny UNESCO tamin'io taona io. Ny fiarovana ireo rehetra vakoka hita ety an-tanety, na voajanahary na tsia. Ohatra, ny tranombakoka, ny taozavatra kanto...
- 4) Ny fiarovana ny vakoka eran'izao tontolo izao, ara-kolontsaina sy voajanahary (1972). Izany hoe fiarovana ireo vakoka voaangona, tsara ho fantatry ny olon-drehetra, indrindra ny taranaka ho avy. Na ny zava-bitan'ny olombelona, na ny zava-boaary miavaka voaangona, na niangona, ireny no vakoka nosokajian'ny UNESCO ho tsy maintsy arovana.
- 5) Ny fanakanana ny fanondranana tsy ara-dalàna ireo kolontsaina rehetra iombonana (1970). Izany hoe fametrahana lalàna iraisam-pirenena mifehy ny fanondranana ny zavatra mirakitra kolontsaina iombonana. Ny tanjona amin'izany dia mba tsy ho lasa tombotsoan'olo-tokana ilay kolontsaina. Ohatra, ny andramena izay hazo sarobidy eto Madagasikara dia raràna ny fanondranana antsokosoko azy ireny satria harem-pirenena ka tsy tokony hanjakan'olo-tokana, toy izany koa ny fanondranana sokatra...
- 6) Ny fiarovana ny kolontsaina iombonana raha sendra ady mitam-piadiana (1954). Izany hoe raha misy korontana sy ady ampiasana fitaovam-piadiana mahery vaika na inona na inona antony, rehefa hita fa mety hanimba ny

vakoka dia arovana. Soritan'ny UNESCO fa tsy maintsy asiana mpitandro filaminana miaro azy ireny. Ohatra: ny rova Manajakamiadana eny Andohalo-Antananarivo dia tokony ahitana mpitandro filaminana miaro raha sendra misy ady lehibe hifanandrinana, toy izany koa ny rovan' Ambidratriho ...

- 7) Ny fiarahamidinika ny momba ny zon'ny mpanoratra (1952). Ny mpanoratra dia isan'ny mpitahiry ny lovantsaina velona ary mpamelona lovantsaina iray. Amin'ny maha olombelona azy dia arovan'ny UNESCO ny zony, fa arovany ihany koa ny maha mpanoratra azy noho izay andraikitra sahaniny izay. Izany hoe ny asa soratra vokarin'ny dia vokatry ny fahaiza-mamorona sy lenta velona ao anatiny hatrany. Ohatra, ny "hiragasy" fanaon'ny tarika Ramilison Besigara, ny Vako-dRazana fanaon'ny tarika Randrianasolo Rémon... Ireny dia vokatry famoronan'ny mpanoratra-mpanakanto izay tokony hovelomina sy harovana.

2-3-IREO FIFANARAHANA TELO MIFANTOKA AMIN'NY VAKOKA SY NY LOVANTSAINA VELONA

Ny fikaonan-doha tamin'ny taona 1972, 2003, 2005, ireo fifanarahana telo ireo no tena mifandrohy amin'ny vakoka sy amin'ity lohahevitra PCI ity satria ireo no mifandray amin'ny kolontsaina sy vakoka ary miteraka fahasamihafana kolontsaina maro, horaisina tsirairay ireo telo ireo ka hampidirina amin'izany fanazavana izany ny "rary antemoro" izay nosokajianay ho isan'ny **lovantsaina velona**:

Voalohany, ny fiarovana ny vakoka eran'izao tontolo izao , kolontsaina sy voajanahary (1972), ny tanjona eto dia fitàna ny lapa sy ny toerana manana ny sanda miavaka eo amin'izao tontolo izao, raha raisina amin'ny rary antemoro; ny akora fandrariana tena maha antemoro dia ny "rambo" satria ny toe-tany any amin'ny faritra antemoro dia mety amin'ity zava-maniry ity ka tokony harovana sy hazonina mandrakariva ny fanàna izany eto Madagasikara. Izy ihany koa dia tsy mijanona amin'ny maha zava-maniry voajanahary azy fotsiny fa mitàna anjara toerana lehibe amin'ny kolontsaina antemoro. Tsara harovana ity akora fandrariana ity mba hahalalan'ny taranaka ny fisiany sy ny tsy hampiova ny vokatry rary Antemoro ary hahafahan'izy ireo mikaroka hevi-baovao entina manatsara ny rary ary hahitan'ny tsirairay tombon-tsoa hatrany.

Faharoa, ny ny fitehirizana ny PCI na lovantsaina velona (2003), ny tena tanjon'ity kosa dia ny hamonjy ireo **lovantsaina velona** rehetra efa mitady ho very na ahina

ho faty ny fototra niorenany sy ny maha izy azy. Raha izany, ny rary antemoro dia mila vonjena satria efa mihavery ny tena maha izy azy sasantsasany, izany hoe tokony hampidirina ao anaty lisitry ny lovantaina velona hovanjena eo anivon'ny UNESCO mba tsy hampanjavona azy na koa ho lasa fananan'ny hafa toy ny "papier antemoro" izay misoratra amin'i Maurice ankehitriny raha araka ny vaovao re tamin'ny haino aman-jery. Izany hoe azo heverina ny hahavery ny rary antemoro afaka fotoana vitsivitsy raha tsy mandray fepetra haingana ny firenena sy ny UNESCO .

Fahatelo, ny fiarovana sy ny fahasamihafan'ny fisehoan'ny kolontsaina maro (2005), manana tanjona hivoy ny fahasamihafana ara-kolontsaina mba hanamafy orina ny fitohizan'ny drafitra famoronana, famokarana lavareny ary hatrany amin'ny firosoana sy fiainana ny fampahafantarana imason'ny hafa ny kolontsaina maro (mozika, asa tanana, loko, sehokanto, sns), toy ny rary antemoro izay asa tanana dia tafiditra ao anatin'izany. Ohatra, ny rary dia **lovantaina velona** itovian'ny fiarahamonina antemoro amin'ny fiarahamonina hafa, saingy tsy maintsy misy hatrany ny fahasamihafana ao anatin'ireny. Tsara ny mampahafantatra ireo fahasamihafana ireo amin'ny fiarahamonina tompony mba hazotoan'izy ireo hamokatra sy hampivoatra ny maha izy azy hatrany.

2-4- NY LOVANTSAINA VELONA "PATRIMOINE CULTUREL IMMATERIEL" ARAKA NY FIHEVERAN'NY UNESCO

Misy teny maromaro mifamatotra tsy afa-misaraka amin'ny teny hoe **lovantaina velona**:

2-4-1-Ireo teny mifamatotra amin'ny teny hoe "lovantaina velona"

Ny atao hoe **Vakoka** raha miainga amin'ny ³⁵*Rakibolana Malagasy* ihany dia "vola na harena tehirizina ; raki-tsoa sarobidy navelan'ny ray aman-dreny na ny razana".**Vakomanitra** kosa no ilazana ireo zava-kanto nenti-paharazana (dihy , hira ,asa-tanana ...) . Ny "rary" izany dia isan'ny vakomanitra raha ny fiarahamonina Antemoro no jerena satria dia zava-kanto netim-paharazana izy ireny ary voatahiry ao an-toerana hatramin'ny ankehitriny. Ny **vakoka** dia misy karazany efatra raha araka ny voalazan'ny UNESCO, tany amin'ny internet: ³⁶"Ny vakoka ara-kolontsaina hita maso sy azo tsapain-

³⁵ *RAJEMISA RAOLISON, Rakibolana Malagasy* ,tak 1008 ,Ambozontany, Analamahitsy Antananarivo 2003.

³⁶ *W.W.W.Unesco .Org/new/fr/Culture/Thème, patrimoine culturel- IS@DD Information sur le développement-patrimoine culturel dans son ensemble recouvre plusieurs grandes catégories du patrimoine :*

- *Le patrimoine culturel matériel qui comprend le patrimoine culturel mobilier (peinture, sculptures, monnaies, instruments de musiques, armes, manuscrits...), le patrimoine culturel immobilier(monuments, sites archéologiques...), le patrimoine culturel subaquatique(épaves de navire, ruines et cités enfouies sous les mers...)*

tanana, ny vakoka ara-kolontsaina tsy azo tsapain-tanana, ny vakoka voajanahary, ny vakoka ara-kolontsaina amin'ny sehatry ny ady mitam-piadiana"

Ny zava-kanto navelan'ny razana tahaka ireo voalaza ireo dia tsy maintsy mifono anatra, toetra tsara, soatoavina, kolontsaina. Izany no nahatonga ireo Razana hitovy fomba fijery na "koltora" ary ireny karazana koltora maro ireny kosa indray no miteraka ny atao hoe sivilizasiona.

Inona marina araka izany ny atao hoe **koltora, sivilizasiona** izay tsy afa-misaraka amin'ny **lova** navelan'ny Razana sy ny **vakoka** nefa koa toa afaka mandeha irery ankehitriny?

Raha ny seha-pandinihana sôsîôlôjika sy anthrôpôlôjika dia haverin'ny mpandinika fa azo ampifanoloana tsara ny voambolana koltora sy sivilazasiona satria mitovy ny hevitra raketiny. I **Guy Rocher** ohatra dia milaza fa : ³⁷« Ny koltora dia fitambarana fomba fisainana, fahatsapana ary fihetsika mety manara – penitra na tsia izay iainana ary iombonan'ny karazan'olona maromaro ka ampiasaina na iainana, manana endrika mivaingana azo tsapain-tanana na ara-tandindona ka mahatonga ireo olona ireo hanana fiarahamonina miavaka, voasoritra mazava tsara".

Misy koa ireo sôsîôlôgy sy anthrôpôlôgy sasany maneho fa misy fiavahany ihany ireo. Ka amin'izany dia ampiasain'nizy ireo ny teny hoe sivilizasiona enti-mianondro fitambarana koltora voasoritra, voavaka an-tsaina tsara izay manana fepetra iraisana na loharano iombonana. Araka izany, ny hevitra raketin'ny koltora dia mifototra amina fiarahamonina iray voasoritra mazava tsara, fa ny hoe sivilizasiona kosa dia enti-manondro fitambaram-piarahamonina midadasika, mivelatra eo anivon'ny fotoana sy ny habaka. I **Emile DURKHEIM** sy **Marcel MAUSS** dia milaza fa: ³⁸« Ny antsoina hoe sivilizasiona dia seho ara-piarahamonina izay tsy voatery miaraka na voafehy na fiainam-

-
- *Le patrimoine culturel immatériel (traditions orales, arts du spectacle, rituel...)*
 - *Le patrimoine naturel (site naturels ayant des aspects culturels tels que les paysages culturels, les formations physique, biologiques ou géologiques...)*
 - *Le patrimoine culturel en situation de conflit armé.*

³⁷ ROCHER Guy, *Introduction à la sociologie générale*, tome I, l'action sociale, Paris éd HMH, 1968, P111. : « la culture est un ensemble lié de manière de penser, de sentir et d'agir plus ou moins formalisées qui, étant d'apprise et partagée par une pluralité de personnes, servent, d'une manière à la fois objective et symbolique, à constituer ces personnes en une collectivité particulière et distincte ».

DURKHEIM, notes sur la notion de civilisation, l'année sociologique, n°12, 1909-1912 p47 : « ph

³⁸ DURKHEIM et MAUSS, notes sur la notion de civilisation, l'année sociologique, n°12, 1909-1912, p49 : « phénomènes sociaux qui ne sont pas strictement attachés à un organisme social déterminé ; ils s'éteignent sur des aires (surfaces) qui dépassent un territoire national, ou bien ils se développent sur des périodes des temps qui dépassent l'histoire d'une seule société. Ils vivent d'une vie en quelque sorte supranationale ».

fiarahamonina iray voafaritra , mivelatra amin'ny sehatra , mihoatra amin'ny faritry ny firenena iray, miaina mandritra ny vanim-potoana ary mamaritra ny tantaran'ny fiarahamonina iray, izany hoe manana aina mihoatra , ivelan'ny firenena iray izy". Izany hoe manao valala mifanjohy ny sivilizasiona.

Ny UNESCO kosa dia mamaritra ny koltora hoe: ³⁹*"ny koltora dia fitambaran'ireo endrika ahafantarana ny fanahy, ny fitaovana, ny fahaizana, ny fihetseham-po izay manome endrika ny fiarahamonina na ny antokon'olona. Izy dia maneho ireo asatanana kanto, ny asa soratra kanto, ny fomba fiainana rehetra, ny zo fototra maha olombelona, ny fomba fanomezana sanda, ny fomba amam-panao nenti-dRazana,ny finoana"*

2-4-2-Ny famaritan'ny rafitra ankapoben'ny fifanarahana "dispositions générales" ny PCI

Ny **lovantsaina velona** na PCI dia ny tsangambato sy fanangonan-javatra manana sanda ara-kolontsaina ary ahitana ihany koa ny fomba amam-panao na fombam-pitenenana velona izay nolovaina tamin'ireo Razambe ka miampita amin'ny taranaka sisa rehetra: ny lovantsofina, ny seho kanto , ny fanao andavanandro, ny androm-pomba (donia, famorana...) , ny fahaiza-manao mikirakira ny zava-boaary na ny fahalalana sy ny fahaiza-manao asa tanana nentim-paharazana. Izany hoe ny **lovantsaina velona** dia fitaovana iray manan-danja eo amin'ny fanamafisana ny kolontsain'ny fiarahaonina manoloana ny fanatontoloana ary mahatonga fifampidiran'ny kolontsain'ny fiarahamonina samihafa izay mitarika amin'ny fifanajana eo amin'ny fomba fiainana samihafa. Izany hoe tsy ireo voatrolombelona hita maso ihany no lovantsaina velona fa tena izy ihany koa ireo tandindona sy asan'ny saina raketiny, satria dia miovaova ary mivoatra ny fiarahamonina ka mivoatra ihany koa ny fiampitany sy ny vokany isan-taranaka. Ao anatin'ny fiarahamonina hatrany ilay nentim-paharazana fa tsy nanjavona ary nahazoan'ny olona ankehitriny tombon-tsoa.

³⁹ Internet, www. bak. Admin.ch, *définition de la culture par l'UNESCO*, conférence mondiale sur les politiques culturelles , Mexico City, 26 Juillet- 6 août 1982: « *la culture peut aujourd'hui d'être considérée comme l'ensemble des traits distinctifs, spirituels, matériels, intellectuels et affectifs, qui caractérisent une société ou un groupe social. Elle englobe, outre les arts, les lettres et les sciences, les modes de vie, les droits fondamentaux de l'être humain, les systèmes de valeurs, les traditions et les croyances* »

2-4-2-1-Ny famaritana ofisialy ny PCI

Misy famaritana ankapobeny ny atao hoe PCI navoakan'ny UNESCO ofisialy ho fantatry ny firenena mpikambana rehetra sy hampitovy ny fomba fijery teo amin'ny fiafaran'ny fiaraha-midinika voalohany notontosain'izy ireo tamin'ny taona 2003:

⁴⁰ “Ny atao hoe PCI dia fomba iainana, endrika anehoana, fiheverana, fahaizana sy fahaiza-manao ary ireo fitaovana, zavatra sy zavatra foronina ary toerana misy ny kolontsaina ka raisin'ireo vondrona olona na ny olona tsirairay ho anisan'ny lovan-dRazana ara-kolontsaina . Ny PCI dia nifamindra tamin'ny taranaka nifandimby , velomina sy havaozin'ireo vondrona olona ireo hatrany hatrany , arakaraka ny toerana misy azy , ny fifandraisany amin'ny zava-boaary sy ny tantaran'ny vondrona olona , ka mahatonga azy ireo hanana fahatsapan-tena ho iray sy fitohizam-piainana hahatonga azy ireo handray anjara amin'ny fampivoarana ny fanajana ny fahasamihafan'ny lovantsaina sy ny famoronan'ny olombelona . Ho an'ity fifanarahana iraisam-pirenena ity anefa, ny lovantsaina velona ekeny dia izay mifanaraka amin'ny lalàna mifehy ny zon'olombelona, ny fitakiana ny fifanajana eo amin'ny vondron'olona sy ny olona tsirairay ary fampandrosoana maharitra.”

Raha lazaina amin'ny fomba hafa izany dia:

Izay hita maso sy ren'ny sofina, azo tsapain-tanana na tsia, ka zary fahazaram-piainan'ny olombelona tsirairay na ny fiarahamonina; ohatra: ny fampiasana tsihy eo amin'ny fiainana andavanandro any amin'ny fiarahamonina antemoro. Ireny no atao hoe PCI, izany hoe ny teny no maha velona sy maha PCI ny PCI iray satria ny teny no fitaovana enti-mifandray sy mampita amin'ny hafa ilay zava-misy, ka na ny hevitra, na ny endrika dia samy azo ampitaina amin'ny alalan'ny teny avokoa. Izany lovantsofina izany

⁴⁰UNESCO, Internet : « On entend par “patrimoine culturel immatériel” les pratiques, représentations, expressions, connaissances et savoir-faire - ainsi que les instruments, objets, artefacts et espaces culturels qui leur sont associés - que les communautés, les groupes et, le cas échéant, les individus reconnaissent comme faisant partie de leur patrimoine culturel. Ce patrimoine culturel immatériel, transmis de génération en génération, est recréé en permanence par les communautés et groupes en fonction de leur milieu, de leur interaction avec la nature et de leur histoire, et leur procure un sentiment d'identité et de continuité, contribuant ainsi à promouvoir le respect de la diversité culturelle et la créativité humaine. Aux fins de la présente Convention, seul sera pris en considération le patrimoine culturel immatériel conforme aux instruments internationaux existants relatifs aux droits de l'homme, ainsi qu'à l'exigence du respect mutuel entre communautés, groupes et individus, et d'un développement durable. »

ankehitriny dia hamafisin'ny olona ankehitriny amin'ny alalan'ny soratra, izany hoe ny teny ihany saingy tsy am-bava fa an-tsoratra, ka samy hahazo ny anjarany amin'ilay lovantsaina ny tsirairay, na ny mahay mamaky teny na ny tsia. Ohatra ny nampianarana anay nandrary tamin'ny fotoana nanaovana fanadihadiana dia am-bava miaro fampiharana avy hatrany avokoa fa tsy nisy fandraisana an-tsoratra. Ny nampianarina anay voalohany tamin'izay dia ny fikirakirana ny rambo efa maina efa tonga aty an-tanàna, totoina amin'ny fanoto ny fatorana rambo vitsivitsy mba halemy tsara, amin'izay tsy manahirana ny mamoritra azy rehefa mandrary. Rehefa vita izany izay vao saratsarahina ka lokoana amin'ny “katso” araka izay itiavana azy. Avy eo maka toerana amin'izay fa handrary, ka toy izao no natao: mandray vitsivitsy amin'ireo rambo ireo alahatra mitsangana, tsy maintsy isa ankasa (nombre paire) ary mihoatra ny roa izay mety amin'ny tena arakaraka ny halehiben'ny zavatra hamboarina. Tahaka izao no atao amin'izany: nandray rambo niisa valo nalahatra nitsangana nidaboka teo amin'ny tany , avy eo nandray rambo iray harindra amin'ireo rambo miisa valo ireo, ny fandrindrana azy dia raisina tsiroaroa satria rary **voa roa** no nampianarina anay , izany hoe raisina ny roa dia ampidirina ao ambanin'iny ilay rambo iray, avela kosa ny roa manaraka tsindriana amin'ilay rambo iray teo ihany , raisina indray ny roa dia atao ao ambanin' ilay rambo iray iny ary mandray roa indray ka tsindriana amin'ilay rambo iray, tahaka izay hatrany hatrany no atao mandrapaha vita ireo rambo miisa ankasa maro nalahatra nitsangana teo aloha. Rehefa avy eo dia mandray rambo iray vaovao indray hampidirina amin'ireo rambo miisa enina noraisina ireo, tahaka ny teo aloha ihany ny atao saingy ny fomba fandraisana azy tsiroaroa no hafa satria iray amin'ilay voatsindry teo sy ny iray amin'ilay tsy votsindry indray no ampiarahana raisina; amin'izay fotoana izay rehefa mandrindra ny rambo iray vaovao fahatelo dia miverina tafaraka ireo roa niaraka noraisina tamin'ny voalohany rehefa mandray azy tsiroaroa tahaka ny mahazatra teo aloha. Ny fototra tsy maintsy hay izany natoro anay izany fa mbola maro ny fahaizana tsy maintsy ananana ankoatra izany mba hampivoara ny rary kendrena sy ny sary maro tiana haseho aminy

Ny fomba fiaina no fototra maha lovantsaina velona ny zavatra na toe-javatra iray ary fototry ny fiainana izay mirakitra kolontsaina lalandava ; ny teny hoe “fomba” dia mitarika ny saintsika hisaina ny fiainana manaraka ny toetr'andro, manaraka ny zava-misy, manaraka ny toerana, manaraka ny antony sy ny zava-miseho amin'ny fotoana iainantsika. Miovaova ny fomba fiainana nefa tsy foana ny fototra niorenany. Izany no mahatonga antsika tsy hisaina akory ny kolontsaina, sorena isika nony injay tsy manaraka ny andro intsony ny fomba fiainana ka mikaroka fiseho vaovao ho an'ilay fomba, ary ny kolontsaina

kosa toa tsy tadidintsika amin'izany fotoana izany, saingy, tsy voakitika velively izy fa milafika ao ihany satria miaraka amin'ny fototry ny fomba fiainana hatrany na dia miova endrika aza ilay fomba fiainana, izany hoe “tsy leon'ny riakan'ny fomba enti-miaina azy” ny kolontsaina araka ny fiheveran'i ⁴¹ **RAMASINDRAIBE Paul**, izany no mahatonga azy hampiasa ny teny hoe **tsileondriaka** hoenti-milaza ny teny hoe kolontsaina ao amin'ny bokiny, *Fokonolona fototry ny Firenena*. Mandeha ho azy ao amin'ny ataotsika ny fiainana ny kolontsaina, hita izany eo amin'ny firenena rehetra fa tsy ho antsika Malagasy irery ihany.

Ny zavatra rehetra atao eo amin'ny fiainana dia misy heviny avokoa, misy antony mazava ao an-tsain'ny tsirairay izay manana ilay PCI ny PCI; ka avy amin'izany hevitra ao an-tsainy izany no mahatonga azy hanatontosa ny ho fomba fiainana mahazatra azy. Izany hoe na inona na inona fahaizana ananantsika ka mahatonga antsika hahay hamorona zavatra tsy mbola nisy dia asan'ny saina avokoa. Ny saina no entina manatanteraka ny fiheverana ka ny vokatry ny saina no tavela eto an-tany sy mirakitra ny fandalovan'ny olona teto. Izany no mahatonga azy hihevitra hanangana tsangambato hahatsiarovan'ny taranany azy, tsy ny harena ihany no avelan'ny olombelona amin'ny taranany fa ny toetra sy ny ohatra nasehony tamin'ny fiaraha-miaina taminy fony fahavelona.

Ohatra: ny fomba fitaizana zaza dia isan'ny PCI eo amin'ny ray aman-dreny tsirairay, ampilalaovina ny zaza mba hahafantarany ny fandehan'ny sainy sy mba hahazoany manitsy azy. Eo amin'ny fomba filalao indrindra no hahitana ny toetry ny zaza; ampianarina asa tanana izy mba hahalalana ny asa antonona azy...izany dia fahazaram-piainan'ny ray amam-dreny, tsy eto Madagasikara ihany fa maneran-tany.

⁴¹ RAMASINDRAIBE Paul, *Fokonolona fototry ny Firenena*, 1973, tak149: “Mbola manana endrika mampisaraka ho fariparitry indray koa aza ny “fomba”. Fa atao izy araka ny toetra, ny toerana, ny andro sy ny zava-misy amin'ny anaovana azy eo amin'ny fotoana anaovana azy. Mbola averina ihany anefa fa ao lalandava ny tsileondriaka. Ary « tsy leon'ny riakan'ny » fomba enti-miaina azy velively izy.”

SARY11: LOVANTSAINA VELONA « HIRA » ANY CHINE “Le grand chant du groupe ethnique dong”



Loharano:unesco, *liste representative du patrimoine culturel immatériel de l'humanité*, 2009, n°15

Ny fiheverana ao an-tsain'ny olona tompon'ilay PCI dia tsy ho tsapan'ny hafa raha tsy asehony arakaraka ilay fiheverana, izany hoe aseho ho hitan'ny hafa ka ho azony tsapain-tanana na tsia na ho ren'ny sofiny. Ny endrika isehoana dia mety miovaova arakaraka ny taranaka mandova azy, arakaraka ny zava-misy sy ny toetr'andro ary ny toerana, araka izany, tsy afa-misaraka amin'ny fomba amam-panao ny kolontsaina, ny tany, ny tantara , ny fiteny , ny toetra , ny zava-maniry, ny biby, ny rano, ny zavatra hafa rehetra mampiavaka an'ilay olona na vondrona olona. Ny fandinihana izany rehetra izany no hahafahan'ny taranaka maneho endrika sy manavao hatrany hatrany ny endrika.

Mitaky fahaizana ny fanehoana ny fiheverana mba hampivoaka izany hevitra izany mazava tsara manoloana ny hafa. Izany hoe rehefa avy mandinika sy mihevitra lalina ny olona dia miezaka mamoka ny fahaizany amin'ny alalan'ny taozavatra. Ny fahaizana dia sarotra ny fanatontosana azy noho izy mifampiankina amin'ny olona hafa manodidina matetika, ka amin'izany hanjary hisy ny sarangan'olona sy ny ankolafin'olona samy hafa rehefa tena hotontosaina izy, ka azo sokajiana ho efatra lehibe izany sarangan'olona izany: ny voalohany dia ny mpanambola satria ireny no afaka hanana ny

fitaovana hary fomba sy ampy hampiasana amin'io fahaiza-manao io. Ny faharoa kosa, ny mpanantsaina satria tsy hahavita tena ny mpanambola ka tsy maintsy mila olona afaka hanorina sy hitarika ary hitandrina ny asa hatao amin'ny fikirakirana ireo fitaovana hary fomba sy ampy ireo. Ny fahatelo, ny mpiasa izay hotarihin'ny mpanan-tsaina. Ny fahefatra farany, ny olona hifantoka amin'ny vokatra satria natao hahaliana ny hafa ny vokatra (hojifainy, hotsidihany).

SARY12: LOVANTSAINA VELONA TEKNIKA NENTIM-PAHARAZANA
AMIN'NY “RARY” ANY CHINE



Loharano:unesco, *liste du patrimoine culturel immatériel une sauvegarde urgente*, 2009, n°4 : “les techniques textiles traditionnelles des li: filage , teinture , tissage et broderie”

Ireo vokatry ny fahaizana sy ny fahaiza-manao ary ny fitaovana nilaina tamin'izany dia antsoina hoe PCI. Izany hoe ireo fitaovana sy zavatra noforonina ireo dia natao havela ho an'ny mponina manodidina sy ny taranaka, ary tsy maintsy ilain'ireto farany ireny fa tsy ho azony dinganina na hodian-tsy hita satria mbola azony ampiasaina hanorenana zavatra hafa hahasoa azy. Ohatra: ny vokatry ny asa tanana, ny hira...

SARY13:NY FANAMBOARANA “PAPIER XUAN” LOVANTSAINA VELONA ANY CHINE




Loharano:unesco, *liste representative du patrimoine culturel immatériel de l'humanité*, 2009, n°24 : “les techniques artisanales traditionnelles de fabrication du papier XUAN”

Ny toerana misy ny kolontsaina dia PCI ihany koa no namaritan'ny UNESCO azy, ny toerana nanangonana sy nitehirizana ireo vokatry ny fahaiza-manao satria ireny dia

vokatry ny fiheverana tao amin'ny olona tompony, ka izany fiheverana izany no zary lovantsaina sy fanao , misy koa ireo toerana fanatontosana hetsika ara-kolontsaina , ohatra: ny toeran-tsampy, ny zoro firarazana, ny mozea...

SARY14 : FOMBAN-DRAZANA SY FOMBA FIAINANA FANAO AO AMIN'NY ALA MASINA MIJIKENDA (toerana fanatanterahana vavaka), LOVANTSAINA VELONA ANY KENYA



Loharano:unesco, *liste du patrimoine culturel immatériel une sauvegarde urgente*, 2009, n°6 : “les traditions et pratique associées au Kayas dans les forêt sacrées des Mijikenda”

Ireo no nifamindra tamin’ny taranaka nifandimby ka nampiasainy sy nohatsarainy hatrany hatrany, arakaraka ny zava-misy amin’ny vanim-potoana iainany sy ny fahaizany mampifandray ny zava-boaary manodidina azy amin’ny tantarany. Izany dia mahatonga ireo izay mitovy PCI hihavana satria mahatsapa ny maha izy azy manokana izy ireo ary mahatsiaro ny mampiavaka azy amin’ny hafa izay miteraka ny fifanajana, izany hoe fanajana ny zo maha olona. Izany indrindra no tena tanjon’ny UNESCO mba hisian’ny fampandrosoana maharitra eo amin’ny firenena tsirairay, satria inoana fa samy manana ny PCI mampiavaka azy amin’ny firenena hafa ny firenena tsirairay maneran-tany.

2-4-2-2-Ny famaritana araka ny endrika isehoany

Famaritana araka ny endrika isehoany, foto-kevitra efatra no nanehoan’ny UNECO izany:

a)-NY NENTIM-PAHARAZANA VELONA ARY IAINANA ANKEHITRINY

⁴²Tsy ny fomba amam-panao nentim-paharazana nolvaina tamin’ny teo aloha ihany no atao hoe **lovantsaina velona** fa tafiditra ao amin’izany ihany koa ny fomba amam-panao hita eny an-drenivohitra sy eny ambanivohitra ary any anatin’ny vondrona ara-kolontsaina ankehitriny. Izany hoe matetika ny olona raha vao maheno ny teny hoe **lova**, ny tonga ao antsainy avy hatrany miaraka amin’izay dia ireo Razambe, ny harena sy ny zava-drehetra navelany. Tsy ampy anefa izany fiheverana izany fa eo ihany koa ireo nolvaina avy tamin’ny olon-kafa (nandalo na nitoetra teo an-toerana); tsy voatery ho ray aman-dreny misy rohim-pihavanana na rà iraisana fa ireo olon-kafa voalaza ireo dia tsy azo atao ambanin-javatra na atao tsinontsinona manoloana ny zava-misy sy ny kolontsaina niainan’ny mponina efa ela ary iainanany ankehitriny sady heverina fa tsy maintsy hiainan’ireo taranaka any aoriana rehetra. Izany fomba amam-panao mahazatra izany dia mety ho avy amin’ny olona tandrenivohitra, ary mety ho avy amin’ny tambanivohitra ihany koa. Ny olon-kafa ambara eto dia tsy voatery ho olon-tokana fa mety ho vondron’olona na fikambanana iray izay mikirakira ny kolontsaina. Koa rehefa tafiditra ao amin’ny toerana iray izany kolontsaina hafa izany ary niainan’ny mponina tao aman-taonany maro sady nolvain’ireo taranaka

⁴²Internet,http://fr.wikipedia.org/wiki/Patrimoine_culturel_immat%C3%A9riel_de_l%27humanit%C3%A9_unesco « **Traditionnel, contemporain et vivant à la fois** : le patrimoine culturel immatériel ne comprend pas seulement les traditions héritées du passé, mais aussi les pratiques rurales et urbaines contemporaines, propres à divers groupes culturels. »

rehetra ary azo hampadovaina ireo taranaka ho avy . Izany no mahatonga ny hiantsoana ilay fomba na trangan-javatra iray hoe **lovantsaina velona**.

b)-MIFAMPIDITRA NY LOVANTSAINA VELONA

⁴³Ny **lovantsaina velona** ananantsika dia mety hitovy amin'ny an'ny hafa. Izany hoe mety ho avy amin'ny fiarahamonina mifanakaiky amin'ny tena ilay fomba, avy amin'ny renivohim-pirenena iray ka mety hipaka hatrany amin'ny tendron'izao tontolo izao. Ny fomba ao anaty fiarahamonina iray koa dia avy amin'ireo mpifindra monina avy any amin'ny faritra hafa ka manjary fahazaran'ny mponina tompon-toerana. Izany rehetra izany dia isan'ny **lovantsaina velona** satria miampitapita amin'ny taranaky ny fiarahamonina misy azy hatrany hatrany, izay manetsika azy ireo hampivoatra ny tontolo iainany sy misarika ny fony hahatsapa ny maha izy azy ary ny fitohizany: manorina fifandraisana amin'ny lasa hanavasavana ny ankehitriny sy ny ho avy. Ny **lovantsaina velona** izany dia tsy manangana ny fiavahana na ny tsy fiavahana amin'ny fomba amam-panao maro raha mitaha amin'ny kolontsain'ny olona na fiarahamonina hafa iray fa manorina firaisankinam-piarahamonina, izay manampy ny olona rehetra hahatsapa tena fa singa iray ao anatin'ny fiarahamonina izy ka hahatsiaro ny andraikiny.

Azo ambara araka izany fa ny lovantsaina velona dia mety mifampiditra ao amin'ny fiarahamonina maro samihafa ary izany dia miteraka fitoviam-pomba sy fijery eo amin'ireo fiarahamonina ireo. Izany fitoviam-pijery izany dia miampitapita hatrany hatrany ka mety hanenika ny firenena iray mihitsy ary hahatonga ny mponina ao amin'ilay firenena hahatsapa ny maha izy azy manokana manoloana ny hafa nefa koa mahita fitohizana amin'ny hafa ka mitady sy manetsika ny sain'izy ireo hampivoatra ny fiainany amin'ilay fomba fanao. Noho izany, maneho firaisan-kina ny lovantsaina velona eo anivon'ny firenena

⁴³Internet

http://fr.wikipedia.org/wiki/Patrimoine_culturel_immat%C3%A9riel_de_l%27humanit%C3%A9_unesco
unesco unesco « **Inclusif** : des expressions de notre patrimoine culturel immatériel peuvent être similaires à celles pratiquées par d'autres. Qu'elles viennent du village voisin, d'une ville à l'autre bout du monde ou qu'elles aient été adaptées par des peuples qui ont émigré et se sont installés dans une autre région, elles font toutes partie du patrimoine culturel immatériel en ce sens qu'elles ont été transmises de génération en génération, qu'elles ont évolué en réaction à leur environnement et qu'elles contribuent à nous procurer un sentiment d'identité et de continuité, établissant un lien entre notre passé et, à travers le présent, notre futur. Le patrimoine culturel immatériel ne soulève pas la question de la spécificité ou de la non-spécificité de certaines pratiques par rapport à une culture. Il contribue à la cohésion sociale, stimulant un sentiment d'identité et de responsabilité qui aide les individus à se sentir partie d'une ou plusieurs communautés et de la société au sens large. »

iray. Tsy mijanona ao anatin'ny firenena iray ihany anefa ilay lovantsaina fa velona hatrany amin'ny firenena hafa rehetra ary mety hianaka eran'izao tontolo izao mihitsy.

d)-MAHASOLOTENA NY FIARAHAMONINA NY LOVANTSAINA VELONA

⁴⁴Ny lovantsaina velona dia tsy ho vakoka raha tsy fantatra ny olona na vondrona olona na ny fiarahamonina namorona sy nikolokolo ary nampita azy. Raha tsy nisy ny hevitr'ireo olona ireo dia tsy nisy nanapaka hevitra hametraka izay fiteny sy fanao ao amin'ilay fiarahamonina ho isan'ny vakoka. Ny olona dia miezaka manazava sy manaparitaka ny fomba fiheverany amam-pisainany amin'ny hafa raha vatany vao tsapany fa mety sy mahomby ny kolontsainy, izany hoe mahomby amin'ny fampihavanana sy fampiraisan-kina ny olona ary miteraka fivoarana ho an'ny tsirairay sy ny manodidina azy rehetra, rehefa ireo rehetra ireo no tsapan'ny besinimaro dia tafajoro ho isan'ny kolontsaina izany iny zava-baovao iny ary iainan'ny olon-drehetra ka ampitainy amin'ny taranaka na koa amin'ny olon-kafa. Raha izany no miseho ka voaporofa ny fisiany sy ny fahombiazany dia velona hatrany ilay kolontsaina na aiza na aiza ary na oviana na oviana. Ka amin'izany, vao manonona azy dia fantatra ao an-tsaina avy hatrany ny fiarahamonina namorona azy satria milafika ao ambadik'ilay kolontsaina hatrany izy.

⁴⁴Internet,http://fr.wikipedia.org/wiki/Patrimoine_culturel_immat%C3%A9riel_de_l%27humanit%C3%A9_unesco, unesco, unesco « **Représentatif** : le patrimoine culturel immatériel n'est pas seulement apprécié en tant que bien culturel, à titre comparatif, pour son caractère exclusif ou sa valeur exceptionnelle. Il se développe à partir de son enracinement dans les communautés et dépend de ceux dont la connaissance des traditions, des savoir-faire et des coutumes est transmise au reste de la communauté, de génération en génération, ou à d'autres communautés. »

e)-MIFOTOTRA AMIN'NY VONDRON'OLONA

⁴⁵Ny lovantaina velona dia tsy tombanana amin'ny maha kolontsaina azy fotsiny fa manana toetra sy sanda mitoka-miavaka. Izany dia miankina amin'ny fiarahamonina rehetra manana azy (ny fivoarana miainga avy any amin'ny fakany ka hatrany amin'ny fiarahamonina hafa niampitany farany). Izany hoe ao amin'ny fiarahamonina iray misy azy dia manana ny sandany sy ny toetrany manavaka azy ilay fomba amam-panao ary mivoatra izany sandany sy toetrany izany arakaraka ny mponina na taranaka na fiarahamonina hafa na firenena hafa nandova azy. Ao anatin'izany dia tsy very ny fototra niaingan'ilay fomba amam-panao sy ilay fahaiza-manao saingy misy fiovana sy fanavaozana ny endrika anehoana azy. Ary tsaroana hatrany ny niaingan'ilay fomba, milafika ao hatrany hatrany na dia misy ny fiovana.

2-4-3-Ireo sehatra dimy isehoan'ny PCI araka ny UNESCO:

Misy sehatra dimy isehoan'ny PCI, hita fa mifampiankina avokoa ireo sehatra ireo nefa koa samy mahaleotena, toy izany ny rary antemoro izay tafiditra ao anatin'ny PCI raha ny sokajy hitanay fa azo ampidirana azy. Ireto avy ireo sehatra dimy ireo mba hahafahana mampiditra ny fanazavana ny rary antemoro arakaraka ireo sehatra ireo .

2-4-3-1- ⁴⁶“Ny fomba nentim-paharazana sy ny lovantsofina, izany hoe ny teny”

Ny teny no fomba fampitana fahalalana amin'ny hafa tamin'ny andro taloha, eny fa na dia ankehitriny aza dia tsy afa-miala io ⁴⁷teny io satria io no fitaovan-tserasera mahomby indrindra ary hain'ny olon-drehetra, na ny moana sy ny marenina aza dia manana teny enti-mifandray amin'ny hafa. Ny teny araka izany no ampitana amin'ny taranaka ny fomba fandrariana eo amin'ny Antemoro, ny tetika rehetra hahavitana ny rary dia mila fanazavana.

⁴⁵Internet,http://fr.wikipedia.org/wiki/Patrimoine_culturel_immat%C3%A9riel_de_l%27humanit%C3%A9_unesco, unesco, unesco « **Fondé sur les communautés** : le patrimoine culturel immatériel ne peut être patrimoine que lorsqu'il est reconnu comme tel par les communautés, groupes et individus qui le créent, l'entretiennent et le transmettent ; sans leur avis, personne ne peut décider à leur place si une expression ou pratique donnée fait partie de leur patrimoine. »

⁴⁶ UNESCO, internet, *Texte de la convention pour la sauvegarde du patrimoine culturel immatériel* : « Les traditions et expressions orales y compris la langue comme vecteur du patrimoine culturel immatériel »

⁴⁷ Internet, langage-Wikipedia :« Selon Aristote, dans la mesure où nous parlons pour échanger , pour communiquer aux autres soit nos passions , soit un besoin »

Tsy izany ihany fa ny asan'ireo rary ireo eo anivon'ny fiarahamonina antemoro izay tena mampiasa izany amin'ny fiainany rehetra mihitsy dia mila ny teny ho fampitana sy fanazavana amin'ny taranaka sy ny olon-kafa. Izany no nahatonga ireo fomba rehetra ampiasana rary ho voatanan'ny mponina sy ny fahaiza-mandrany ho voatanan'ireo vehivavy hatramin'ny ankehitriny. Ohatra: ny fampiasana ny fandambana, ny satroka tohitry ho an'ny vehivavy ihany fa ny satro-bory na satroka mpangosy no ho an'ny lehilahy....

2-4-3-2- ⁴⁸“ny seho kanto”

Sehatra iray isehoan'ny PCI ny seho kanto satria tsy maintsy miseho miaraka eo ny kolontsain'ny fiarahamonina manatontosa ilay fampisehoana, satria iny no maneho ny maha izy azy manokana ary mampiavaka azy amin'ny hafa. Ohatra ny satroka tohitry antemoro dia isaloran'ny vehivavy antemoro hatrany isaky ny hamonjy lanonana izy , izany dia fahazarana nifandovana tamin'ireo Razambe.

2-4-3-3- ⁴⁹“ny fanao andavanandro, ny riba sy ny hetsika amin'ny androm-pomba”

Tafiditra ho isan'ny sehatra isehoan'ny PCI ny fomba fiainanan'ny olona , satria ny faka ao amin'ny fiarahamonina dia tsy afaka, izany hoe ny fototra niorenan'ilay fomba amam-panao dia tsy maty fa takona ka indraindray vao hita, misy koa ny miova endrika fotsiny ihany. Ohatra ; ny fampiasana fandambanana rehefa misakafo ny antemoro dia fomba fiainan'ny Razambe , ankehitriny dia tsy hita intsony izany eo amin'ny fianakaviana sasany nandray ny fanatontolona saingy raha manatontosa lanonam-pianakaviana izy ireo dia tsy maintsy ahitana fampiasana toratsihy sy fandambanana.

2-4-3-4- ⁵⁰“ ny fahalalana sy ny fikirakirana ny zava-boaary sy izao tontolo izao”

Sehatra tena isehoan'ny PCI ny fananan'ny olona fahalalana amin'ny famolahana sy ny fikirakirana ny zava-boaary ary izao tontolo izao. Misy ny olona tena afaka mamoka hevitra tsar any amin'izany, noho izany dia tafiditra ao sehatra isehoan'ny PCI izy noho ny PCI izzay voafaritra fa nolovaina tamin'ny Razambe, mivoatra ary mety hitondra fampandrosoana maharitra, ohatra: ny rary antemoro dia efa mivoatra manaraka ny zava-misy sy ny filàn'ny olona ankehitriny, noho ireo olona manam-pahalalana ny amin'ny fikirakirana ny natiora no nahatonga izany. Tsy nijanona tamin'ireo akora nentim—paharazana ny rary antemoro fa niitatra amin'ny fampiasana akora hafa. Izany dia hevitra avy amin'ireo olona manam-pahalalana manana hevitra enti-mamolaka nyanatiora ho zary

⁴⁸ UNESCO, internet, *Texte de la convention pour la sauvegarde du patrimoine culturel immatériel* : « Les arts du spectacle »

⁴⁹ UNESCO, internet, *Texte de la convention pour la sauvegarde du patrimoine culturel immatériel* : « Les pratiques sociales, rituels et événements festifs »

⁵⁰ UNESCO, internet, *Texte de la convention pour la sauvegarde du patrimoine culturel immatériel* : « Les connaissances et pratiques concernant la nature et l'univers »

akora. Ohatra amin'izany ; ny bokotra ampiasaina amin'ireo karazana poketra dia ny “forombato”(Rambo nahorongorona hibontsina kely toy ny bokotra avy eo fonosana tady rofia), ankehitriny dia nahita ireo manam-pahalalana ka azo atao bokotra mahasolo ny forombato ny koram-boanio, ny voana rofia, hazo...

2-4-3-5-⁵¹ “Ny fahaiza-manao mifandray amin’ny asa tanana nentim-paharazana”

Ny manam-pahalalana amin’ny famolahana ny natiora dia sy izao tontolo izao dia mety tsy hanana fahaiza-manao amin’ny fampiharana ny fahalalana ananany. Izany hoe tsy maintsy mitady izay olona manana traikefa amin’ny fahaiza-manao eo amin’ny asatanana ilay olona manam-pahalalana fa hahatanteraka ny heviny. Izany no ilazàna fa sehatra iray isehoan’ny PCI ity fahaiza-manao nentim-paharazana ity satria matetika dia faka avy any amin’ny Razambe ka nolovain’ily olona ny fahaiza-manao ananany. Ohatra ilay bokotra noresahina teo aloha , ny olona manam-pahaizana raha vao ilazana io hevitra io dia afaka mampihatra avy hatrany noho ny fahaizana tarazo ao aminy.

Raha haravona izany dia hita fa ny TENY dia sehatra iray lehibe ivelaran’ny PCI na inona na inona karazana PCI satria tsy maintsy misy resaka ifanaovana sy hafatra ampitaina ao anatin’ireo sehatra dimy isehoan’ny PCI ireo. Raha maty ny teny ao anatin’ny toe-javatra iray voasokajy ho PCI dia maty ihany koa ny maha PCI azy satria lovantsaina tsy miaina ary tsy iainan’ny taranaka intsony izy.

2-5-NY TANTARA NIPOIRAN’NY FOTO-KEVITRA“LOVANTSAINA VELONA” (PATRIMOINE CULTUREL IMMATERIEL NA PCI) TEO AMIN’NY UNESCO

Nanomboka tamin’ny fiandohan’ny taona 1990 no teraka ny tontolon-kevitra mahakasika ny vakoka ara-kolontsaina sy ny **lovantsaina velona** .Izany dia vokatry ny fangatahana fiarovana ny kolontsaina nentim-paharazana tamin’ny taona 1989.

Tamin’ny taona 1997 no nanomboka nipoitra tany Marrakech, tamin’ireo manam-pahaizana Marocains sy teo amin’ny UNESCO ny PCI ; ny fivoriana nataon’ireo dia namaritra ny atao hoe “ vakoka am-bava”(patrimoine oral de l’humanité), ary nametraka mazava tsara ihany koa ny fiarovana sy ny fanomezan-danja ny « asa kanto miavaka » (Chefs-d’œuvres). Ny loharanon’ireo vakoka am-bava sy asa kanto miavaka ireo, ny fiampitany any amin’ny taranaka ary ny fiantraikany teo amin’ny fiarahamonina misy an’ireo no mamaritr ny PCI, ka nitarika amin’ny fandinihana lalina, ka ny taona 2001 no nekena io fiavahana mazava tsara mahakasika ny PCI io, izay nantsoina hoe “proclamation des chefs-d’œuvres du patrimoine oral et immatériel de l’humanité”. Izany hoe tsy ny vakoka am-bava sy asa kanto miavaka rehetra akory dia ho PCI avokoa , fa izay

⁵¹ UNESCO, internet, *Texte de la convention pour la sauvegarde du patrimoine culturel immatériel* : « Les savoir –faire lié à l’artisanat traditionnel »

iainanan'ny fiarahamonina hatramin'ny andro taloha ka hatramin'ny ankehitriny , miampy ireo vakoka am-bava sy asa kanto miavaka vaovao noforonina taty aoriana.

Tamin'ny 13 oktobra 2003 no nisy fiaraha-midinika nataon'ny UNESCO mahakasika ny fiarovana ny PCI “convention pour la sauvegarde du patrimoine culturel immatériel ”. Nahazo vahana izany fiarovana izany tamin'ny volana aprily 2006 ka ny volana jona 2006 no nanaovana fivoriambe voalohany.

Ny taona 2008 no nanangana ny lisitry ny “asa kanto miavaka ” rehetra sy ny zava-baovao rehetra, ho fiarovana vonjimaika ireo ny UNESCO.Ny volana novambra 2013 dia niisa 158 ny firenena nankatoa sy nanaiky ary nankasitraka ka nisoratra anarana tamin'io fifanarahana io.

2-5-1-Ny fikaonan-doha ny amin'ireo fitaovana manaraka fenitra tena ilaina

Ny fiaraha-midinika notontosain'ny UNESCO mahakasika ny vakoka tamin'ny 2001-2003 izany dia namoaka mazava ny tanjona rehetra tamin'ireo fitaovana manarapenitra ireo. Izany tanjona izany dia miantoka ny fanajana ny PCI, ny fitsinjavana ny vahoaka amin'izay tombotsoany. Tanjona ihany koa ny hametraka ny fandraisana ireo fepetra rehetra ilaina amin'izany eo anivon'ny firenena , ary koa ireo fiaraha-miasa eo anivon'ny faritra sy ny iraisam-pirenena(regional et international).Izany hoe ahitana rafitra ara-panjakana mazava ny fiaraha-midinika dia ny fivoriambe ankapobeny “Assemblée Générale” sy ny kaomity iraisam-pirenena “comité international”. Ny asa fiarovana ny PCI dia mila famaritana, famantarana, tahirin-kevitra, fikarohana, fitehirizana, fametrahana andiany, famindrana, ary fanomezana fototra indray ilay lovantaina. Fa ankoatra izany, ny firenena tsirairay ihany koa dia tokony handray lisitra an-tsoratra ny vakoka misy ao aminy. Ireo andraikitra rehetra ireo dia tokony hotanterahin'ny Firenena, ny fiarahamonina, ny vondrona olona ary ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana na ONG rehetra izay mikirakira ny PCI.

Ny fikaonandoha “convention” ihany koa dia nahitana fandalinana ny teny “langue” izay famantarana ny olona na ny vondrona olona sy ny maha zava-dehibe fototra azy eo amin'ny fanasoavana ny kolontsaina sy ny lanjany ary ny vokany. Izany hoe, hita tao amin'ireo fiaraha-midinika ireo avokoa ny ezaka amin'ny fiarovana ny mozika , ny hira ,ny dihy nentim-paharazana ary ny taozavatra sy izay fomba fiainan'ny olona mirakitra kolontsaina isaky ny firenena.

2-5-2-Ny ezaka natao ho fanatanterahana ny fiaraha-midiniky ny UNESCO momba ny PCI

Ny taona 1982, ny UNESCO dia namorona kômitry ahitana ireo manam-pahaizana manokana momba ny fiarovana ny kolontsaim-bahoaka nentim-paharazana “folklore” sy ny lovantaina velona izay nisy isam-pirenena. Ny 1989 no nanomboka ny fiarovana ary nampirisihana ireo firenena mpikambana tao amin’ny UNESCO handray ny fepetra sady handrakitra an-tsoratra ireo kolontsaina sy lovantaina velona ao aminy. Ny UNESCO dia nandrisika ihany koa ny hiarovana ny olona mpitana ny PCI sy ny fiarahamonina misy azy. Ny taona 1997 ka hatramin’ny 1998, napetraka ny “Proclamation des chefs-d’oeuvre du patrimoine oral et immatériel de l’humanité”, izay noheverina fa hanoaka ny lisitra ny vakoka eran-tany, tao amin’izany dia nisy ny fifanakalozana ara-toe-karena iraisam-pirenena vokatry ny fanatontoloana, ka ireo kolontsaina ireo dia nisy fifandraisana mafy orina amin’ny fandrosoan’ny toe-karen’ny firenena. Noho izany, ilaina ny fanarahamaso ataon’ireo kaomity manam-pahaizana najoro ireo mba hijery ny hetsika manaraka fenitra mifandray amin’ny PCI, izay namorona paikady vaovao hampivelatra ny sandan’ireo atahorana ho faty hanjary ho iraisam-pirenena ary koa hiarovana ireo fomba iainana azy rehetra sy ny fiarahamonina na vondrona olona mpihazona azy. Izany ihany no nohamafisina tamin’ny fiaraha-midinika maro niasana teo anivon’ny UNESCO nandritra ny telo taona 2001-2003.

2-5-3-Ny rafitry ny fiaraha-midinika “organe de la convention”

Ny UNESCO dia nanatontosa fiaraha-midinika momba ny PCI ny taona 2003, mba hiarovana sy hamonjena ireo PCI ho an’ireo firenena mpikambana. Ny rafitry ny fiaraha-midinika dia ahitana ireto manaraka ireto:

2-5-3-1-Ny fivoriam-be

Izay firenena rehetra nanao sonia ny fifanarahana no ambaran’ny lalàna ho mpikambana mahefa hanatrika ny fivoriam-be, izay rafitra maharitra mamaritra ny fifanarahana. Noho izany, raha tsy misy intsony ny fivoriam-be dia rava ihany koa ny fifanarahana.

Mivory ara-potoana indray mandeha isaka ny roa taona izy io. Afaka mivory tsy ara-potoana kosa izy raha toa ka tapaky ny fivoriam-be fa ilaina izany, na mampiantso ny kômitry iraisan’ny governemanta ho fiarovana ny PCI na ihany koa mangataka ny iray ampahatelon’ny mpikambana farafahakeliny.

Hita , araka izany, fa ny fivoriam-be no rafitra faran-tapony tompom-pahefana amin’ny fanapahana ny raharaha vaventy rehetra ao amin’ny fifanarahana, tokana sy lehibe indrindra amin’ireny ny fitsipika anatin’ny.

2-5-3-2-Ny kômitry iraisan'ny governemanta ho fiarovana ny PCI

Rafitra napetraka eo anivon'ny UNESCO izy ary antsoina fotsiny hoe: “Kômitry”. Ny solotenan'ny firenena valo ambiny folo nanao Sonia ny fifanarahana, ary fidin'ny firenena mpikambana mandrafitra ny fivoriam-be raha vao nihatra ny fifanarahana araka ny andininy faha efatra amby telopolo, no mandrafitra azy.

Tato aoriana, rehefa nahatratra dimampolo ny isan'ny mpikambana na firenena nanao Sonia dia noferana ho efatra amby roampolo ny isan'ny mpikamban'ny kômitry.

Ny fifidianana ireo firenena ho mpikamban'ny kômitry dia manaraka ny fitsinjarana ara-jeôgrafika sy ny fitovian-jo ara-pifandimbiasan-toerana. Ary miasa mandritra ny efatra taona izy ireo araka ny tapaky ny fivoriam-be.

Tany aloha, roa taona ihany io fe-potoana itondran'ny kômitry io, ka isaky ny fivoriam-be ara-potoana dia manavao ny antsasaky ny mpikambana ny fivoriam-be. Tamin'izany, antsapaka ny fifidianana, io no fifidianana voalohany.

Tsy misy firenena afaka mikambana mandritra ny fe-potoana roa misesy intsony anefa ankehitriny.

Amin'ireo sehatra maro ahitana ny PCI, ny kômitry dia misafidy olona mahafehy tsara ny sehatra tsirairay mba hisolo tena azy.

2-3-5-3-Ny rafitra filan-kevitra:

Ny kômitry dia manome lâlana izay ONG manana fahaiza-manao manokana amin'ny sehatry ny PCI mifanaraka aminy handray anjara amin'ny asa ataony, araka ny fifanarahana atao. Ho mpanara-maso ny fizotry ny asa sy ho mpanampy amin'ny toro lalana hahatsara ny vokatra asa no anomezany lalana azy amin'izany.

Ny kômitry ihany anefa no manome ny fepetra rehetra sy ny fomba anaovany io asany io.

2-5-3-4-Ny mpitan-tsoratra

Miara-miasa akaiky amin'ny kômitry izy. Manomana ireo tahirin-kevitra rehetra hokirakirain'ny fivoriam-be sy ny kômitry, sy ny tolo-kevitra mety handrafetana ny fandaharam-potoanan'ny fivorian'ireo, ary miantoka ny fanatanterahana ny hevitra tapaky ny fivorian'ireo io mpitan-tsoratra io.

2-5-4-Ny fampivoarana ny PCI

Misy ny fomba fampivoarana ny PCI eo amin'ny sehatry ny firenena sy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena

2-5-4-1-Eo amin'ny sehatry ny firenena

Andraikitr'ireo firenena ireo ny:

Mandray ny fepetra rehetra hiarovana ny PCI ao amin'ny fireneny. Mamorona lalàna ny firenena hitsinjovana izay PCI rehetra misy ao aminy. Ny ministera miahidy izany no tompoana andraikitra voalohany amin'ny famolavolana ireny lalàna rehetra ireny.

Mamantatra sy mamaritra azy ireny ary ny fandraisana anjaran'ny fiarahamonina na ny fikambanana tena ilaina na tsy azo ialana aminy. Ny lalàna noresahina teo ambony dia mila sehatra hampiharana azy k any fahafantarana izay azo sokajiana ho PCI no hahazoana manao izany. Maro karazana mantsy ny zava-misy ao anaty fiarahamonina. Ireo anefa tsy ary ho voasokajy ho PCI avokoa, misy fepetra ny maha izany azy. Anjaran'ny firenena tsirairay ny mijery, mandinika, ary mampiditra ireny anaty lasitra hahazary PCI azy, izay voalasitra kosa ka fantatra fa izy dia tsy maintsy miara-jerena sy dinihina amin'ny fiarahamonina na fikambanana miaina sy manatontosa azy satria tsy azo sarahina ary tsy afa-misaraka izy ireo.

Manome lanja sy mampandroso ary manasongadina izany amin'ny drafipampandrosoan'ny firenena hiantohana ny fiarovana azy. Rehefa fantatra tokoa ireo dia hanan-danja ho azy amin'ilay nahafantatra ny fisiany. Tsy mijanona amin'ny fanomezandanja fotsiny tokoa anefa ny fiarovana. Ny fananganana drafitra hampandrosoana azy no antoka iray lehibe indrindra hahazoana mino fa tsy ho very na ho simba izy ka hipetrany ho PCI amin'ny taranaka mifandimby. Tsy maintsy miara-mivoatra amin'ny fiarahamonina misy azy mantsy ny toe-javatra iray raha tiana tsy ho lefy laza. Ary ny fampandrosoana maharitra dia tsy maintsy mijery miaraka izay mahasoana ny taranaka ankehitriny sy ny taranaka ho avy. Koa zava-dehibe ny drafipampandrosoana.

Miantoka ny fampahafantarana azy eo anivon'ny vahoakany sy mampiditra azy anaty fandaharam-pampianarana: tsy an-taratasy fotsiny anefa io drafitra io fa ilaina indrindra indrindra ho today eny ifotony dia ny vahoaka miaina azy. Ireo no azo antoka indrindra haharo azy, koa zava-dehibe ny fampahafantarana azy io zavatra iainany io sy ny fampianarana azy ny andinindiny mahakasika azy. Rehefa fantany mantsy ny maha zava-dehibe azy dia nahim-pony ny hiaro azy ary tena saro-piaro izy eo. Ny fiarovana tsara indrindra dia izay ataon'ny VOI (Vondron'Olona Ifotony) amin'ny faharesen-dahatra.

2-5-4-2-Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena

Araka ny tolo-kevitra ny firenena nanao Sonia, mifanaraka amin'ny fepetra napetrany ary eken'ny fivoriam-be, ny kômité dia mifantina tetikasa nasiônaly, na rejônaly na anaty zana-paritra mihitsy aza mifanaraka amin'ny tanjona sy foto-kevitra ny fifanarahana ka miaro io PCI io. Mety ho isam-banim-potoana hentitra sy mazava izany, mety ho tolotra manokana mihitsy koa. Mandray, mikirakira ary manohana ihany koa ny fangatahana fanampiana iraisam-pirenena atolotra ny firenena nanao Sonia ihany koa ny kômité. Ary manohana sy manara-maso ihany koa ny fampiharana ireny tetikasa ireny, tsy hivaona amin'ny foto-kevitra ny fifanarahana ireo kômité ireo.

2-5-5-Ny fomba enti-mampivoatra ny PCI

Misy fomba maro azo entina mampivoatra ny PCI raha araka ny fifanarahan'ny mpikambana ao amin'ny UNESCO :

2-5-5-1-Ny fiaraha-miasa sy ny fanampiana iraisam-pirenena

Ny iraisam-pirenena dia miara-miasa amin'ny firenena nanao Sonia amin'ny fifanakalozam-baovao sy traikefa ary fiaraha-mientana an-tsitra-po ary amin'ny fametrahana ireo rafitra hifanampiana, arak any ezaka hiarovana ny PCI ataony.

Noho ny fahafantaran'ny firenena nanao Sonia fa antoky ny tombotsoa ambonin'ny maha olona ny fiarovana ity PCI ity dia tsy maintsy hahavoatery azy hifandray amin'ny hafa, na dia efa nametraka lalàna sy efa iainan'ny olona amin'ny andavanandrom-piainany aza izy io.

Raha homena fanampiana:

- Mba hahazoan'ny iraisam-pirenena manokana dia manao fangatahana ny firenena voakasika ary marihiny ao ny fangatahana andrasany, ny fomba anaovana izany sy ny tanjona ilàm-panombanana ary ny vola ilaina.

Raha tena hamehana ny fangataham-panohanana dia no manao izany ary ny fanapaha-kevitra dia aorinan'ny fandalinana sy ny fijerena ifotony ataony.

- Raha te hahazo fanampiana kosa dia tsy maintsy manao fangatahana araka ny voalaza teo ambony, tohanan'ny firenena roa na telo farafahakeliny avy amin'ny firenena nanao Sonia ary ampiarahina amin'ny tahirin-kevitra mafonja.
- Ny firenena nahazo tombotsoa kosa amin'izany dia manampy amin'ny fanatanterahana sy ny fitaovana enti-miasa ary manana ampaham-bola azo anatevenana ny fanohanana ny fiarovana.

2-5-5-2-Ny tahirim-bola

Mamorona tahirim-bola ny fifanarahana, ary avy amin'ny petra-bola voafehin'ny lalàna ara-pitatanam-bolan'ny UNESCO izany. Toy izao avy izany:

- Fandraisana anjaran'ny firenena nanao Sonia
- Petra-bola natokan'ny fikaonan-dohan'ny fivoriam-ben'ny UNESCO.
- Fandrotsaham-bola, fanomezana na fahalalahan-tanana
- Firenen-kafa na izay fikambanana na endrika fikambanana vonona ny hanohana ny fanatanterahana ny foto-kevitra

Manao fitadiavam-bola hanaganana petra-bola amin'ny iraisam-pirenena koa ny fifanarahana ka amin'ny alalan'ny fahaizan'ny firenena tsirairay nanao Sonia mindrana no isehoan'izany.

Ny fampiasana ny petra-bola dia araka ny toro lalana fototry ny fivoriam-be. Azo aroso ny fanohanana araka izany, raha mifanohana amin'ny foto-kevitra napetraky ny fifanarahana ny fanohanana angatahina. Tsy azo atao kosa ny nanao fanohanana ivelan'izany.

Ny firenena tsy mahaloa ara-dalàna ny latsakembony dia voasazy tsy ho azo fidina ao anaty komity.

2-5-5-3- Ny tatitra mitondra torolalana amin'ny fanatontosana ny fampivoarana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena

Ny firenena mikambana dia nanao tatitra ara-dalàna sy ara-potoana voafaritra mialoha eo anolohan'ny kômitry, ny amin'ny fanarahan-dalàna sy ny fitsipika na ireo fepetra hafa napetraka, mikasika ny asa ataony.

Ary ny kômitry kosa tsy maintsy manao tatitra eo anoloan'ny firenena mikambana sy nahazo tombotsoa aminy ireny.

Ary ireny tatitra ireny dia tsy maintsy ampahafantarina ny fikaonan-doha itambaramben'ny UNESCO.

2-5-6-Ny tombony hita tamin'ny fiarovana ny PCI

Araka ny fandaharana sy ny fepetra rehetra noraisina nandritra ny fiaraha-midinika , ny UNESCO dia manana tanjona telo lehibe:

- a)-Mitsinjo sy miandraikitra ny olana misy eo amin'ny vahoaka
- b)-Manombana sy manangana ny lisitry ny vakoka ho arovana mba hanamafisana orina ny fahaizan'ny firenena, fiarahamonina sy ONG.
- d)-Manatsara ny fiaraha-miasa sy ny fampandehanana ny asa iraisam-pirenena.

Ny UNESCO dia mametraka karazana fepetra telo fiarovana ny PCI ary fiaraha-miasa maro mba hahatratrarana ny tanjona :

- a)- Ny voalohany dia ny fepetran'ny firenena “nationales”: famoronana taratasy maneho ny lisitry ny PCI an'ny vahoaka na vondrona olona isaky ny firenena. Ny fomba

fanatanterahana izany dia tokony hatao amin'ny alalan'ny fanampian'ny fiarahamonina, ny vondrona olona, ny olona tsirairay mpihazona ny vakoka sy ny ONG voakasikany.

b)- Ny faharoa dia ny fepetra iraisam-pirenena “internationales” : fiaraha-miasa sy fifanampiana eo amin'ny firenena rehetra satria ny fiaraha-midinika tao amin'ny UNESCO dia nihevitra fa ⁵²“*ny firovana ny PCI dia andraikitra iraisana satria loharano maneho ny maha olona ny olona manontolo , ary koa antony iray mahatonga fifankahazoana sy fahazoana*”

Ity fepetra ity indrindra no navadika ho lasa:

Lisitra maneho ny lovantsaina velona an'ny fomban'olombelona “liste représentative du Patrimoine Culturel Immatériel de l’humanité”, izany hoe, mba hahazoana antoka ny faneken'ny besinimaro ny PCI dia tokony hampahafintarina ny olona ny maha zava-dehibe azy, ary entanina ny olona hanao ady hevitra momba izany ao anatin'ny fanajana ireo kolontsaina samihafa. Avy amin'ny firenena voakasika izany no hananganan'ny kômité ny lisitra izay atao ho fantatry ny vahoaka rehetra ary hampanarahana ny toetr'andro. Ny kômité no mandrafitra izany lisitra izany sy ny fanajariana azy hanaraka toetr'andro ary ny fampahalalana azy ny vahoaka rehefa avy nankatoavin'ny fivoriambe.

Ny lisitry ny PCI mila famonjena haingana “liste du Patrimoine Culturel Immatériel nécessitant une sauvegarde urgente”, izany hoe ho an'ireo PCI tena efa hamehana ny fanjavonany, miezaka ny komité mandrafitra fepetra mifanaraka amin'ny fiarovana tokony ho izy sady mampiditra ny PCI ho ao anatin'ity lisitra ity araka ny fangatahan'ny firenena voakasika. Koa amin'izany ny kômité iraisam-pirenena no mamaritra ny fifantenana izany sy ny fanajariana azy hanaraka toetr'andro ary ny fampahalalana azy ny vahoaka ary mametraka azy eo ambany fankatoavan'ny fivoriambe hatrany.

Ary mikasika ny fandraisana mahomby ny PCI « registre des bonnes pratiques du Patrimoine Culturel Immatériel » indray, araka ny andinin-dalàna faha valo ambin'ny folo tamin'ny fiaraha-midiniky ny UNESCO ny taona 2003, ny kômité dia mifantinaa amin'ireo tetikasa sy fandaminana ary hetsika momba ny fiarovana ny PCI heverina ho mamaly kokoa

⁵² Dossier d'information “sauvegarde du Patrimoine Culturel Immatériel”, UNESCO, 9 juillet 2004 (<http://unesdoc.UNESCO.org/images/0014/001412/141247F.pdf>) : « une responsabilité commune et une source de bien-être pour l'humanité toute entière , ainsi qu'un facteur pour favoriser les échanges et la compréhension »

ny tanjon'ny fifanarahana araka ny vanim-potoana. Anjaran'ny kômité kosa ny manao izay fomba tsara indrindra hampahomby ny fiarovana ary manara-maso ny fizotry ny asa mba hananany fivelarana lehibe kokoa. Ireo lisitry ny fandraisana mahomby ireo no ampiasain'ny fikambanam-be ifanakalozana traikefa ary zary fototry ny aingam-panahin'ireo firenena na vondron'olona na ny olon-drehetra liana hiaro io PCI io. Arakaraka ny fahafantarana ny fomba fiarovana nahomby efa nampiharina tamina PCI isan-karazany sy toerana maro samihafa no manampy ny fiarahamonina voakasika handrafitra kosa ny fomba fiarovana mifanaraka amin'ny tokony ho izy ao aminy.

d)- Ny fahatelo kosa dia ny fanampiana iraisam-pirenena “l’assistance internationales”: manome fahalalahana ny firenena rehetra izay manao fangatahana hahazoana manao fanampiana amin'ny fanatratrarana ny tanjona rehetra. Ny latsakemboky ny firenena dia tsy an-tery satria samy manana ny fotoana nisoratany anarana ny tsirairay. Azon'ny firenena atao ny manao latsakemboka an-tsitraro. Ny UNESCO ihany koa dia mivelatra amin'ny fifandraina amin'ny firenena maro hahazoany tombotsoa, ohatra, Italie, Norvège, Japon, ary ny République de Corée dia manome fanampiana “extra-budgetaire” ny UNESCO.

Hita fa ny lovantaina velona arak any fiheveran'ny UNESCO dia izay zava-misy iainan'ny fiarahamonina iray ka nifamindra tamin'ny taranaka sy ny hafa manodidina. Ary velomin'ireo taranaka nandray azy ireo sady ampivoariny hatrany. Ny lovantaina velona dia maneho fahasamihafan'ny fiarahamonina izay miteraka fifanajana indrindra fa eo amin'ny zo maha olona. Ny UNESCO dia manangona ireo karazana lovantaina velona ananan'ny tsirairay mpikambana ao aminy mba hahafahany mampivoatra sy miaro ireo.

Fizarana fahatelo:

NY RARY AO VOHIPENO
AMIN'NY MAHA LOVANTSAINA
VELONA AZY ARAKA NY
FIHEVERAN'NY UNESCO

Araka ny fiheveran'ny UNESCO ny atao hoe PCI izay novahavahana teo, ny rary Antemoro dia hita taratra fa azo sokajiana ho **lovantsaina velona**. Hahafahana manaporofa izany, hazavaina amin'ny antsipirihany ny momba ny rary Antemoro ao amin'ny distrikan'i Vohipeno. Hojerena tsirairay amin'izany ny akora ilaina, ny fomba fandrariana, ny vokatry na eo amin'ny fiainana andavanandro na eo amin'ny androm-pomba, ary ny fomba fiampitan'ireo rehetra ireo tamin'ny taranaka sy ny fivoarany no tena hodinihina. Tsy maintsy hofantarina kosa ny olana setrain'ny rary Antemoro ankehitriny izay mety hahalevona ny maha lovantsaina velona azy. Ary ezahina ny hanolotra andrana vahaolana maharitra.

3-1-NY MAHA LOVANTSAINA VELONA(Patrimoine Culturel Immaterial) NY RARY AO AMIN'NY FIARAHAMONINA ANTEMORO DISTRIKAN'I VOHIPENO

Efa ela no nisy ny nandrany ny vehivavy Malagasy, porofon'izany ny “sandriky” fitondranany nianatra taloha tany amin'ny taona 1995, io no nasiana ny fitaovam-pianarana toy ny penina sy ny solaitra... Isany amin'izany ny vehivavy antemoro izay fiarahamonina hanaovana asa fikarohana manokana mahakasika ny rary etoana. Tsy fantatra marina hatramin'ny ankehitriny izay tena nampianatra ny Malagasy voalohany nandrany fa raha io zava-nisy io no dinihina dia tsapa fa mahay mandrany ny vehivavy Malagasy. Isan'ny misongadina amin'izany ny vehivavy antemoro izay vitsy amin'izy ireo ihany ny tsy mahay mandrany, iray ao anatin'ny zato, ary hita taratra any anivon'ny distrikan'i Vohipeno izany ankehitriny, noho ny fahaizana mampita amin'ny taranaka taty aoriana teo amin'ireo “anakavy amin-dreny” (ny vehivavy rehetra eo anivon'ny fianakaviana).

3-1-1-Ny rary any amin'ny distrikan'i Vohipeno

Ny fanatontosana ny rary na koa ny antsoina hoe “mandrany” dia midika hetsika ataon'ny olona mikirakira zavatra iray manara-pitsipika mba hahazoana vokatry iray toy ny tsihy, satroka, ...

Ny ⁵³*Rakibolana Malagasy* dia maneho fa ny teny hoe: “rary” dia midika hoe “fanaovana ny ahitra na ny rindra mifampidipiditra mba ho tonga tsihy na satroka, fandrindranana ahitra na rindra(hoditry ny zozoro hanaovana tsihy)”.

⁵³Régis RAJEMISA-RAOLISON, *Rakibolana Malagasy*, 2003. Tak820.

3-1-1-1-Ny fahaiza-manao rary

Amin'izany dia tsy mandeha ho azy fa misy tetika maro ampiasaina na dia toa tsotra aza ny fahitana ny fomba fandrarian'ireo vehivavy antemoro. Misy kajy ataon'ny saina rehefa mandrany mba hampilamina sy hampirindra tsara ary koa mba ho kanto ny rary vita. Ny mpandrany dia azo antsoina koa hoe mpanakanto satria mitovy fa tsy sahala amin'ny ataon'ireo mpanoratra literera rehefa hamorona asa soratra iray no ataon'ireo mpandrany rehefa handrany. Izany hoe ny akora ananan'ny mpanoratra dia ny teny ary ny an'ny mpandrany antemoro kosa dia ny Rambo, harefo, vendra. Samy mandefa saina lavitra izy roa ireo; maka sary an-tsaina ny zavatra tiany hotanterahina ary samy manana aingam-panahy ihany koa manosika an'izay zavatra nosaininy izay mba hivoaka ho kanto (ny tononkalo, tononkira... ho an'ny mpanoratra; ny satroka, ny tanty ... kosa ho an'ny mpandrany).

Tsy midika akory izany fa mpanakanto avokoa ny vehivavy antemoro rehetra satria mahay mandrany avokoa ny ankamaroany fa misy ireo mpandrany mpanakanto izay sady ao aminy ny fahaiza-manao no afaka mamorona zava-baovao maro isan-karazany amin'ny alalan'ny rary izy, misy kosa ireo mpandrany tsy mpanakanto izay ao aminy ihany ny fahaiza-manao saingy fahaiza-manao sy fahalalana miainga amin'izay natoron'ny olona hafa azy izay nalainy tahaka ihany no hainy fa tsy mahay mamorona mihitsy izy. Tahaka ny mpanoratra sy ny olon-tsotra ihany izany, samy mahay miteny sy manoratra saingy tsy voatery ho mpanoratra –mpanakanto avokoa akory ny olon-drehetra mahay miteny sy manoratra fa izay manana aingam-panahy sy fahaiza-manao ka afaka mamorona asa soratra kanto ihany no antsoina hoe mpanoratra.

Izany fahaiza-manao miavaka ataon'ny vehivavy antemoro izany raha dinihina ka raisina ny famaritan'ny UNESCO ny atao hoe **lovantsaina velona**, hita fa azo sokajiana ho isan'ny **lovantsaina velona** ao amin'ny fiarahamonin'ny vehivavy antemoro ny fandrariana satria fahaiza-manao sy fiheverana nolovainy tamin'ny hafa noho izy ka ampitainy tamin'ny taranany hatrany ary koa maneho ny maha izy azy manokana ny vehivavy antemoro sy ny fiarahamonina antemoro eo anivon'ny firenena Malagasy sy eran'izao tontolo izao.

FAFANA 8: Fafana maneho ny fampitahana ny rary antemoro sy ny literatoira

	Rary antemoro		Literatoira	
	Mpandrary mpanakanto	Mpandrary tsy mpanakanto	Mpanoratra mpanakanto	Olon-tsotra
Akora	Rambo, harefo, vendra	Rambo, harefo, vendra	Teny , soratra	Teny, soratra
Fahalalana	Mahay mandrary	Mahay mandrary	Mahay miteny sy manoratra	Mahay miteny sy manoratra
Fahaiza- manao sy aingam- panahy	Mahay mamorona rary miainga amin'ny sary ao an-tsainy	Tsy afaka handrary mitovy amin'izay sary ao an-tsainy	Mahay mandrafitra teny sy soratra mirindra sy kanto araka ny zava-misy sy izay saininy	Tsy afaka mamorona sy mandrafitra ho kanto ny zava-misy sy izay ao an'eritreriny fa mitatitra tahaka ny resaka atao andavanandro eny anivon'ny fiarahamonina ihany

SARY 15: VEHIVAVY ANTEMORO MANDRARY FANDAMBANA



Loharano: HANITRAMIORA , Ankarimbary

3-1-1-2-Ny akora sy ny fitaovana rehetra ilaina amin’ny rary antemoro ankehitriny

Ny fitaovana ampiasain’ny mpandrany antemoro ankehitriny dia efa maro raha araka ny hitanay teo amin’ireo vehivavy mpandrany mpikambana ao amin’ny PROSPERER raha ampitahaina amin’ny taloha nentim-paharazana izay hitanay nandritry ny fanadihadiana teny anivon’ny fiarahamonina.

Taloha, ny akora nampiasain’ny mpandrany dia ny Rambo na mahapy “géons”, harefo, vendra na herana “*cyperus latifolius*” ary ny fitaovana kosa dia ny alo, tsingovohovo, platô, filo a fanjaitra, taretry na kofehy, antsy ary ny tànana. Ankehitriny kosa ireo akora ireo dia efa miampy ny forom-bato, rofia, rabàny, ny kakazo, ny karakam-boanio, ny voana rofia, ny hoditra ary ny fitaovana kosa dia ny hety, ny metatra, ny fitsipika, ny vy crochet, ny fanjaibe.

Ireo karazana akora maro notanisaina ireo dia vokatry fiheverana sy ny fahaizana mikirakira ny zava-boaary, satria ireo dia saika avy amin’ny zava-maniry hita any an-toerana avokoa no nofolahina mba hahazoana ny fitaovana ilaina, ohatra, ny karakam-boanio izay tapatapahina ho efa-joro na telo zoro ary asiana loaka kely roa mba

hampiasaina toy ny bokotra... izany hoe isany **lovantsaina velona** teo amin'ny antemoro ny fahaizana misafidy ny zava-boaary ary ny fahaizana mamolaka ireny ho fiataovana ilaina amin'ny asa fandrariana satria na taloha na ankehitriny dia samy nahitana izany avokoa ary mivoatra aza izany fahaiza-manao izany ankehitriny. Izany indrindra no tokony hampidirana ny rary antemoro ho ao anatin'ny lisitry ny PCI ho arovana an'ny UNESCO mba tsy ho very momoka satria tsapa fa ahitan'ny fiarahamonina tombotsoa ny rary Antemoro ary nitondra fampandrosoana izy ankehitriny, efa maro ny vehivavy Antemoro ny mihary amin'ny alalan'ny rary amin'izao fotoana izao , tsy tahaka ny fahiny.

3-1-1-3-Ny dingana arahina rehefa mandrany

Ny akora tena fahita any amin'ny faritra Antemoro fahizay dia ny rambo, ny harefo, ny vendra, ka ny Rambo no tena tian'izy ireo satria io no tsara sady mateza. Noho izany, iretsy roa ambiny dia ampiasaina amin'ireo karazana rary sokajian'ny fiarahamonina ho isan'ny ambany dia ny lafiky sy ny atin-drany.

Ny fitaovana tena manavanana azy ireo kosa dia ny alo sy ny tsingovohovo ary ny platô sy ny antsy, fa ny vokatry ny serasera sy ny fisian'ireo karazana fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana miditra any an-toerana no nampisy ny akora hafa sy ny fitaovana hafa ankoatra ireo, izay fantatra fa manavia ireo mpandrany ny mampiasa an' ireo fitaovana sasany taty aoriana ireo araka ny voalazan'ny mpandrany sendra anay tao amin'io sehatra tsy miankina CSA io. Araka izany raha miresaka rary antemoro dia tokony ho ao an-tsaina avy hatrany ny RAMBO.

Misy karazany roa ny mason-drany dia ny voa roa sy ny voa tokana fa ny voa roa no ampiasain'ireo mpandrany satria io no mihaja sady matevina ka mateza kokoa. Raha handrany ny vehivavy antemoro dia ireto avokoa ny dingana tsy maintsy arahina:

-Tsy maintsy manana akora sy ny fitaovana ilaina ary ny fahalalana mahakasika ny mason-drany, mila mahay mikirakira ny akora ho tonga azo handrariana raha vatany vao avy nilaina tany an-tsaha.

-Tsy maintsy manana aingam-panahy na sary an-tsaina ny rary hatao: satrobory, tsihy, ...

-Mandrany araka ny sary an-tsaina nananany

-Mampihaingo ny rary vita araka izay aingam-panahiny (lokoina, asiana petakofehy...)

Izany no antony ilazàna ny mpandrary hoe mpanakanto toy ny mpanoratra izay mamolavola an-tsaina ny hevitra sy ny zava-misy ary mamoka izany an-tsoratra na ambava amin'ny fomba kanto sy mirindra. Manaporofo izany mazava tsara ireo mpandrary “ambaladify” na “rary miteny”, izay tsy mahay mamaky teny sy manoratra ny ankamaroany kanefa afaka mandrary ireo soratra atolotra azy.

3-1-1-4-Ny vokatra rary Antemoro

Ny “rary” vitan'ny vehivavy Antemoro ankehitriny dia mivoatra tsy tahaka ny taloha eny fa na ireo karazan-drary niforona taty aoriana, na ireo nentim-paharazana dia samy nahatsapanay izany avokoa, ka ny tena hita nisongadina tamin'ireo vokatra nentim-paharazana dia ny fampiasana “katso” na lokon-drary maro isan-karazany ary ny karazana rary hita fa niforona taty aoriana kosa dia saika ireo aingitraingitra ampiasaina ao antokatrano avokoa.

SARY 16: NY RARY NENTIM-PAHARAZANA MIRAKITRA KOLONTSAINA



Satrobory



satrokatohitry



ondambody



akanjobe langara
na akanjobe harefo



Harotay
(fitondrana lamban-jaza)



harona paikila



kitapon-kafe



Tataho



harosira



Fandambana



toratsihy



volizy



rary miteny na ambaladify



tsihy

Loharano: HANITRAMIORA

SARY 17: IREO RARY ANTEMORO ANKEHITRINY



Satroka Vietnam

“cadre photo”

“sous-plat”

“bandeau”



Poketry

“sous-plat”

“sous-plat”

“sous-verre”



“porte dossier”

sahafa

harona na tanty

tsihy

Loharano: HANITRAMIORA, desambra 2014

Marihina fa ireo rary antemoro ankehitriny ireo dia tsy mahaliana ny ankamaroan’ny mponina antemoro, ka saika mbola hita ankehitriny avokoa ireo rary mirakitra kolontsaina naseho teo ambony ireo.

3-1-2-Ny maha lovantsaina velona ny fomba iainan’ny mponina antemoro ny rary

Ny foko antemoro dia fiarahamonina mitana sy mitahiry fatratra ny fomba amam-panao nentim-paharazana na amin’ny fiainana andavanandro na amin’ny andro hafa ahitana fomban-drazana. Ny rary any amin’ny faritra Antemoro dia ny vehivavy no tena

mpikirakira azy na eo amin'ny fandrariana, na eo amin'ny fomba fiainana azy rehetra. Izany rehetra izany dia mirakitra kolontsaina nifandovana hatrany ary hita mandraka ankehitriny:

3-1-2-1-Eo amin'ny fiainana andavanandro:

Raha teo amin'ny fiarahamonina Ntaolo, ny rary ataon'ireo vehivavy sy ny tovovavy dia natao hiantoka ny fitaovan-tokan-trano satria ireny no fitaovana tena mibahan-toerana any anatin'ny ankohonana tsirairay isan-tanana raha araka ny hitanay nandritra ny firotsahana an-tsehatra, tena ilaina any an-toerana ny rary. Isaky ny tokan-trano nidiranay dia nahitana ireto avy: tsihy fandriana, tsihy fihinanana, toratsihy hanapazana vary na hipetrapetrahana eny an-tokontany, ny lafiky atao gorodona, satroka tohitry hotafian'ny vehivavy rehefa hamonjy lanonana na hivoaka (hiantena na hitsidika Havana), fandambana fikarakarana sakafo , fandambana fihinana sakafo, haro-sira asiana sira, tany entina miantena na mitango anana any an-tsaha, tataho hitondrana vary fotsy na hitahirizana azy ao an-trano, ondam-body natao hitehenan'ny lehilahy rehefa reraky ny asa sy ny dia lavitra.

Araka izany ny tovovavy antemoro iray, alohan'ny hidirany ao amin'ny sehatry ny fanambadiana dia mila mahay mandrany ary tsy maintsy mitondra rary isankarazany rehefa hiakatra any amin'ny tokan-tranovao satria ilaina ireo rary ireo. Ary izany indrindra ny fomba any an-toerana rehefa misy “fiboahana” na fampakaram-bady hatramin'izao fotoana izao, saingy noho ny fivoarana dia efa maro ny rary amidy eny antena ka mividy ny olona rehefa mila izany. Izany hoe, azo heverina fa taloha dia tsy misy lehilahy Antemoro haka vady ny tovovavy Antemoro tsy mahay mandrany satria io no fototry ny filàna andavanandro ao an-tokan-trano sy eo anivon'ny fiarahamonina kanefa tsy nisy nivarotra teny an-tsena raha ny fiarahamonina Ntaolo no dinihina.

Noho izany rehetra izany, ny renim-pianakaviana dia miezaka hatrany mampianatra ny zanany vavy handrany. Izany hoe, mampita amin'ireo zanany naterany na tsia na ireo vehivavy hafa mila izany koa aza. Izay fampitana fahalalana sy fahaiza-manao mahakasika ny rary izay dia noraisina ho isan'ny **lovantsaina velona** eo amin'ny fiarahamonina antemoro satria dia hita any an-toerana izany ankehitriny, ary mivoatra hatrany ny fahitana azy. Andavanandro, rehefa mandrany ny vehivavy antemoro iray dia mifanatona amin'ny namany hafa eo an-tanana ihany ka milanona ho roa na telo na mihoatra. Rehefa mitoby maromaro eo amin'ny toerana iray izy ireo dia mifampizara traikefa maro ary tsy mahakasika ny rary ihany fa miresaka ny fiainan-behivavy sy ny ankizy ary ny fiainan-tokan-trano ihany koa. Mandritra izany, raha misy tovovavy iray sendra mandalo ka mahita izany dia mivily eo mba hianatra handrany sy izay fanabeazana azo rantovina ao anatin'ny tafa rehetra ifanaovana amin'ireo namana, zoky na reny vory eo.

Ny fotoana fandrariana izany no fotoana hananaran'ireo reny ny zanany vavy sy ny tovovavy hafa namany ny amin'ny fiainana maha vehivavy, indrindra eo amin'ny sehatry ny fitiavana sy ny fanambadiana, io rahateo no fotoana ifanatrehan'izy ireo amin'ny reniny tsy miaraka amin'ny ray na anadahy; mety hisy resaka mamofady ilaina ho fanabeazana manko eo. Ny fanabeazana ny zaza ho olom-banona rahateo dia adidin'ny renim-pianakaviana ka izay no alàny amin'izany fotoana fandrariana izany, ny “reny” no fototry ny “firenena” hoy i ⁵⁴ **RAMASINDRAIBE Paul** ao amin'ny bokiny *Fokonolona fototry ny firenena*.

Ny ataon'ny lehilahy kosa mandritra izany dia miasa any an-tsaha: vao maraina izy ireo raha vao vantany avy nihinana ny sakafo maraina dia mandray ny fitaovam-piasana any an-tsaha ary isany tsy maintsy miaraka aminy hatrany ny satro-bory, ny akanjobe harefo na akanjobelangara kosa dia isaky ny hanosy tanimbary ihany vao entin'izy ireo.

Ankehitriny, hita taratra ny fomba tahaka izany, saingy ny tovovavy mandray anjara amin'ny fandrariana no vitsy noho ny rivotra nitsoka tany an-toerana “miralenta”: efa miditra an-tsekoly avokoa ny tovovavy rehetra, tsy tahaka ny taloha izay ny tovolahy ihany no tena arisiky ny ray aman-dreniny hianatra any amin'ny dingana lavitra, fa ny ankizivavy rehefa mahay mamaky teny sy manoratra dia alana fianarana mba hiasa hanampy ny reniny amin'ny fikarakarana tokan-trano. Ankehitriny koa dia tsy milanona fotsiny tahaka ny mahazatra ireo vehivavy mpandray fa nanangana fikambanana mihitsy ka niara-nitady izay azo hampivoarana ny rary, ireny fikambanana ireny no nohavaozin'ny PROSPERER sy najorony tsara mba hitondra fampandrosoana any Vohipeno. Tsy levona akory ny fifampizarana traikefa hafa ankoatra ny rary fa nihen-danja ihany raha mitaha amin'ny taloha noho ny fotoana hahafahana mandray anjara vitsy ka vitsy ny mpandray anjara. Mizara ihany koa ireo mpandray mijanona eo amin'ilay toerana fandrarian'ny mpikambana ao anivon'ny GUMS ao Vohipeno, mandeha toro isan-tsokajy satria tsy izany ihany ny andraikitra sahanin'ny tsirairay fa maro noho ny fitadiavana.

⁵⁴RAMASINDRAIBE Paul, *fokonolona fototry ny firenena*, 1973 tak 64 : « Fa matoa « tsara zaza mpandova » ny firenena dia ny vehivavy indrindra no fototra ianeheran'izany. Izy no « reny », ary ny fitaizàny no fototry ny “firenena”.

3-1-2-2-Eo amin'ny androm-pomba

Ilaina ao anatin'ny fomban-dRazana antemoro rehetra ny rary na an-kafaliana izany na an-karatsiana:

a)-Amin'ny ⁵⁵savatry na an-kafaliana

Ny tsikaritra mibaribary avy ety ivelany dia ny satroka tohitry fitafian'ny vehivavy antemoro rehetra tsy misy an-kanavaka rehefa misy savatry na fety. Izany dia efa fanao andavanandro ho an'izay vehivavy efa manambady rehetra, saingy rehefa misy lanonana dia tsikaritra ho vao avokoa ny satroka any an-dohan'ny vehivavy antemoro rehetra ary ny vehivavy tsy mampiasa izany andavanandro aza dia mitafy avokoa. Izany hoe, ny satroka tohitry entina mamonjy lanonana dia **lovantsaina velona** tandindona ⁵⁶«symbole» na mariky ny hafaliana sy ny firaisan-kina satria mahatsapa fitoviana ny rehetra rehefa samy mitafy ny satroka fa tsy misy hafa, eny fa na olona mpanan-karena na ny mahantra, na ny olona ambony mpitondra nt tãnana na ny valalabemandry... mifanaja avokoa. Izany no maha **lovantsaina velona** azy satria mampiray ny olon-drehetra, miteraka fihavanana noho ilay fitoviana ka mifanantona ho azy, «ny mitovy ro milambana» hoy ny oha-pitenenana Betsileo, izany hoe mampitovy zo ny rehetra ka mahatonga fifanajana. Maneho ny fisian'ny vehivavy antemoro sy ny maha izy azy ihany koa ny satroka satria toa takona izy eo amin'ny fanomezan-kasina eo anivon'ny fiarahamonina amin'ny sehatra maro matetika (tsy mahazo mikabary raha misy fivoriana, tsy mitantana fokontany, ...)

⁵⁵ Savatry: fiantso ny lanonam-pianakaviana nenti-paharazana amin'ny ankapobeny (fitambaran'ny famorana, ala-volon-jaza, fafy...)

⁵⁶ Anabel MOUSSET, *La sauvgarde du Patrimoine Culturel Immatériel : un enjeu aux multiples facettes*, mémoire de recherche, IEP de Lyon, 2006.P17: « Il est important de s'arrêter sur cette notion dans la mesure où elle est un des fondements du Patrimoine Culturel Immatériel . Marc Augé l'envisage comme « un dispositifs dont l'absence fait plus encore ressentir la nécessité » et le définit comme « la mise en œuvre d'un dispositif à finalité symbolique qui construit les identités relatives à travers des altérités médiatrices ». »

SARY 18: VEHIVAVY ANTEMORO MANKALAZANA NY FETIN'NY VEHIVAVY
VALO MARTSA 2015



Loharano: HANITRAMIORA, Vohipeno ,08-03-2015

Haseho manaraka eto ireo karazana fomba an-kafaliana any Vohipeno ka tsy ny fomba no hohazavaina amin'ny antsipirihany fa ny rary hita mandritra ny fomba rehetra no hasian-dresaka betsaka.

Amin'ny fiboahana: ny tovoavavy ampakarina dia tsy maintsy manao satroka tohitra, misakelika harona paikila misy hao-sira sy ondriky (sotrobe) ao anatin'ny ary ny mpanatitra azy any amin'ny fianakaviam-badiny dia manaraka avy ao aoriana sady miloloha tataho fotsimbary, mitondra tsihy, fandambana, toratsihy sy ireo fitaovana hafa ankoatra ny rary izay tsy voatery hoentiny. Mandritra ny herinandro dia tsy azo alàna eny an-doha in'ny satroka in'ny mba ho fantatry ny olona hoe vady vao, mirary soa azy avy ny olona eny amin'ny Tanam-badiny rehefa mahita azy hoe: “tsara eky ny nahazo akama”. Ny satroka izany no mampiavaka ny tovoavavy vao nampakarina amin'ny tovoavavy tsy manam-bady. Izany hoe maneho ny maha vady vao ny satroka tohitry ka mahatonga ny mpiarabelona hanaja azy manomboka amin'io vanim-potoana io , hametraka ny toerany ho isan'ny olon-dehibe eo anivon'ny fiainam-piarahamonina. Izany dia fahazaram-piainana eo amin'ny antemoro ary nifamindra tamin'ny taranaka ka velona eo amin'izy ireo hatramin'ny ankehitriny.

SARY19: VADY VAO



Loharano: HANITRAMIORA

Amin’ny famorana: mitafy satroka tohitra avokoa ny vehivavy rehetra, indrindra fa ny renin’ny zazalahy hoforaina ary mandritra ny herinandro ihany koa no tsy maintsy mitafy iny satroka iny izy mba hahafantaran’ny mpiara-monina hoe avy namora zaza, ary izay mahita azy dia miarahaba azy avokoa hoe: “tsara ny nahatody tsara”. Mandritra ny sakafo

amin'izany dia tsy maintsy mampiasa fandambana sy tsihy ny fianakaviana handraisany ireo vahiny mpanotrona ny hasoavana. Izany no maha antemoro ny antemoro, fatra-panaja vahiny sady tia fihavanana satria ireo fitaovana ireo no fanajana aminy, korana sy hafaliana no hita mandritra ny sakafo, hatramin'izao fotoana iainantsika izao dia hita ampiasain'ny antemoro ireo fitaovana ireo rehefa misy famorana, noho izy nampitain'ireo ray aman-dreny tamin'ny zanany isan-taranaka hatrany hatrany.

Amin'ny fafy (fafy trano, fafy zaza, fafy na tso-drano ho an'ny olona nahazo fahasoavana toy ny hoe nahita asa, nahavita fianarana...): amin'ireny fotoana ireny dia manasa olona maro hiara-mifaly amin'ny ny fianakaviana ka amin'izany ny vehivavy rehetra dia manao satroka tohitry avokoa na ny avy ao anatin'ny fianakaviana na ny nasaina, ny fiarahan-komana amin'ny sakafom-pifaliana dia tahaka ny efa voalaza hatrany hoe amin'ny fandambana sy tsihy.

Amin'ny soa am-barangara: ny olona avy narary mafy efa teo am-bavahaonan'ny fahafatesana kanefa salama soa aman-tsara ihany , raha nanao vava ny fianakaviany na ny tenany mihitsy mandritra ny fotoana naharariany hoe “raha afaka min'ny aretiko aho dia hanao soa am-barangara” dia tsy maintsy ataony izany. Ny atao amin'ny “soa am-barangara” izany dia mahandro vary “sabotraky”(soso) ny fianakaviana rehefa sitrana soa aman-tsara ilay marary , avy eo velarina eo am-baravarana ny fandambana ka manatona eo avokoa ny olona rehetra eo an-tanana na hatramin'ny ankizy madinika aza samy mitondra ny lovia, apetraka eo ambony fandambana ny lovia mba hasian'ilay olona avy narary amin'ilay vary soso ary izay nahazo ny anjarany dia mitondra ny azy mody.

b)-Amin'ny fahoriana na fahafatesana

Amin'ny fahafatesana dia tsy fanaon'ny vehivavy ny misatroka ny satroka tohitry mandritra ny fomba rehetra, raha mbola eny am-bohitra ny Razana ka mandra-pahavita ny fandevenana. Ny Razana kosa dia fonosana amin'ny “tsatsogny” (tsihy vita amin'ny Rambo famonosana ny Razana) raha vao maty ilay olona. Izany hoe ny “tsatsogny” no solon'ny vata-paty fitondrana ny Razana mandrapahatongavany any an-dragnobe misy ny tanindrazan'drainy , tsy maintsy andrasana ao ilay faty ary mandritra izany dia velarina ny “tsatsogny” mba hahitan'ny Havana aman-tsakaiza rehetra ny Razana. Alohan'ny hahatongavan'ny mpiandry faty rehetra dia mamelatra lafiky (tsihy vita amin'ny Rambo) ao an-trano hasiana ilay Razana ny havany mba hametrahana ny Razana (eo afovoan-trano ary miantsinanan-doha) sy mba hipetrahan'ireo vahiny (Havana na mpiara-monina) hiandry faty. Mandritra ny fiandrasa-paty dia maro ny mpitsidika tonga mampionona ny

fianakavian'ny maty, izy ireo dia mitondra “tsatsogny” na “tsihy” (tsihy fandriana vita amin'ny harefo). Ireny dia alevina miaraka amin'ny maty avokoa, fa raha maro loatra dia alain'ny havany eo an-tanàna ny sasany. Rehefa mamahana amin'ny sakafo nandofana ny maty kosa ny fianakaviany dia tsy maintsy mampiasa fandambana. Izany fomba izany dia hita hatramin'ny ankehitriny satria izahay dia nanatrika izany teo anivon'ny fianakaviana nandritra ny fotoam-panadihadiana raha nodimandry ny raibenay ny 26 aprily 2015 lasa teo: tsy nisy latsaka ireo fomba ireo na iray aza. Izany ny manaporofa fa ny ampiasana ny rary antemro eo amin'ny fomba amam-panao dia velona eo anivon'ny fiarahamonina ka azo sokajiana ho isan'ny **lovantsaina velona** ny rary.

d)-Ny sanda ara-lolontsaina raketin'ny rary

Raha sintonina avy amin'izany ny sanda ara-kolontsaina raketin'ny rary araka ny nandovan'ireo taranaka antemoro ankehitriny azy dia hita fa ny:

-**Satroka tohitry**: mariky ny hafaliana hatrany

-Ny **tsihy** dia azo ampiasaina amin'ny sehatra rehetra:

- **Ny tsihy**: solon'ny fandriana hatoriana sy irakofana ary. Ny tsihy firakotra no antsoina hoe “**Tsindry safotry**”: atao fanampin'ny lamba firakotra rehefa matory mba hahazoana hafanana, amin'ny vaninandro ririnina no tena ampiasana azy. Izany no nitarika ny fomban'ny antemoro manatitra rary rehefa mitsidika ny havany na namany amin'ny “fahafatesana” satria ny tsihy dia mahasolo ny lamba afono ny maty araka izay asany eo amin'ny velona izay. Marihina fa tsy maintsy rambo ny akora nanamboarana ireo tsihy ireo amin'ny maha rary avo sanda azy ireo, noho ireo asany ireo.
- “**Tsatsogny**”: famonosana ny maty rehefa halevina, mba tsy hangatsiaka, araka ny finoana nentim-paharazana.

Mitovy ihany ny karazana tsihy entina amin'ny “boa-bady” sy amin'ny fahoriana saingy ny fomba fitondra azy no samihafa mba hahafantaran'ny olona mifanena eny an-dalana hoe misy hafaliana na fahoriana: lolohavina na sakelehina rehefa amin'ny “fiboahana”, trotroina kosa rehefa amin'ny fahoriana. Ka arakaraka izay hitany no hanatsafany ilay olona mifanena aminy hoe “iza no maty?” na hoe “iza no niakatry. Fomban'ny antemoro manko ny “mifagnotsafa” rehefa mifankahita na eny an-dalana na aiza na aiza rehefa avy tsy nifankahita eny fa na dia adiniray ary no tsy nifankahitana dia tsy

maintsy “mifagnotsafa”, ny tena antony dia mba hahafantarana ny vaovao rehetra mahakasika ny tena na ny hafa tany amin’ny toerana nalehan’ny tena rehetra tany, na dia tsy mitondra rary aza.

- **Toratsihy** : tsihy fanahazana vokatra hamainina(vary, kafe, mangahazo...) , fipetrapetrahana eny an-tokontany ihany koa
- **Lafiky** : tsihy natao hipetrahana ao an-trano

-Ny **satro-bory**: fitafian’ny lehilahy, indrindra rehefa hanosy, matevina izy ary tsy mora malemy satria vita amin’ny Rambo ka azo handraofana rano rehefa mampandro ny omby naloton’ny fotaka.

-Ny **fandambana**: fanajana olona ny fampiasana azy rehefa misakafo, fitandremana ny lafiky tsy haloto ihany koa.

-Ny **famelaran-tsihy**: misy hasiny ny tsihy hatoriana ka tsy avy hatrany dia velarina eo amin’ny lafiky rehefa hatory fa amelarana tsihy iray izay antsoina hoe “famelaratsihy” aloha vao velarina.

Misy hasiny amin’ny antemoro izany ny rary satria miantoka azy amin’ny lafim-piainany rehatra ary tsy afa-misaraka aminy na dia nisy aza ireo fitaovana hafa na rary hafa dia tsy mahasolo ny rary antemoro indrindra fa ny rary ilain’izy ireo amin’ny androm-pomba.

Mety hiova sy hivoatra ho amin’ny tsaratsara kokoa arakaraka ny zava-misy iainany sy iainan’ny manodidina azy ny fiainan’ny olona. Ny rary –**lovantsaina velona** antemoro dia isany amin’izany zava-misy izany eo anivon’ny fiarahamonina ao amin’ny distrikan’i Vohipeno. Tsy maintsy misy hatrany anefa ny vato misakana, rehefa misy fampandrosoana na hetsika fandrosoana iray , kanefa ny tena zava-dehibe dia ny fahaizana miala amin’izany. Hovahavahana manaraka eto ary ireo vato misakana ireo ka mahatonga ny tsy fandrosoan’ny rary antemoro sy ny mponina miaina amin’ny rary. Manaraka izany, hohalalinina ny vahaolana maharitra tsy maintsy hatao mba hisian’ny fampandrosoana maharitra.

3-2-NY OLANA SETRAIN’NY RARY-LOVANTSAINA VELONA ANTEMORO AO VOHIPENO SY NY VAHAOLANA

Tsy misy fomba amam-panao tsy ianjadian’ny olana, nefa koa tsy azo atao ny miaina fotsiny amin’izany fa tsy maintsy mitady vahaolana. Hojerena tsirairay ny olana

setrain'ny rary Antemoro eo amin'ny akora, eo amin'ny mpandrany, na eo amin'ny vokatra rary.

3-2-1-Ny olana setrain'ny rary-lovantsaina velona antemoro

Ny antemoro dia manan-karena kolontsaina sy fomba amam-panao, fatra-pitandro izany izy ary tena saro-piara, saingy tsy hita loatra ny vokatr'izany raha eo amin'ny lafiny fandrosoan'ny fiainan'ny mponina no jerena. Izany hoe tsy misy ny fampivorana entin'ireo fomba ireo. Manoloana izany, tsy maintsy fantarina avokoa ny olana rehetra mahatonga izany.

3-2-1-1-Ny olana eo amin'ny akora

Raha araka ny fanadihadiana nataonay, ny akora fandrarian'ny antemoro dia ny rambo, harefo, vandra izay akora ratsy indrindra amin'ireo, tsy fampiasan'ny olona fa noho ny rambo syny harefo efa sarotra hita no nahatonga ny antemoro nampiasa azy io taty aoriana, manaporofa izany ny tsy fisian'ny anarana hoe mpilavendra any Vohipeno fa ny mpilarambo sy ny hoe mpilaharefo no tena re raha vao miresaka rary. Ny tena tsara indrindra kosa sady tian'ny antemoro dia ny rambo, manaporofa izany ny hasin'ny rary vita avy aminy. Ny olana anefa dia mihavitsy izy ireny noho ny antony maro, toy ny tavy. Ny tavy dia antony iray lehibe nanafaingana ny faharitran'ny harefo sy ny rambo. Fomba iray fanaon'ny tantsaha (mponina maro an'isa any Vohipeno) amin'ny fambolem-bary ny tavy. Ny tany horaka na honahona no tena ampiharan'ny tantsaha azy rehefa main-tany. Ny zava-maniry betsaka indrindra amin'ireny tany ireny anefa dia ny rambo sy ny harefo. Noho izany, manimba ny filàn'ny mpandrany ny filàn'ny mpamboly vary satria rehefa manao tavy ny mpamboly dia kantsanany avokoa ny zava-maniry eo amin'ilay tany, ka voaray amin'izany ny rambo sy ny harefo ary avelany ho maina tsara izay vao dorany. Ny “vary tomboka” na vary an-tanety no atao amin'izany, izany hoe ny lavenona azo tamin'ireo zava-maniry rehetra nodorana teo no manjary zezika mampaniry tsara ny vary, satria matetika dia tsara ny vokatra amin'izany. Tsy ny mpanao tavy ihany akory no fahavalo naha ritra ny rambo sy ny harefo fa ireo mpandrany ihany koa.

Tsy misy mamboly rambo na mamboly harefo ny mpamboly any Vohipeno, etsy andaniny ny mpandrany maka hatrany no ataony fa tsy misy mamboly mihitsy, noho izany miha-lany taranaka ireo akora ireo, indrindra fa ny rambo satri io no tena maro mpitia. Vokany, ny akora ilain'ny mpandrany ankehitriny dia tsy maintsy tadiavina amin'ny toerana lavitra sady vidiana lafo amin'ireo izay milaza ho tompony satria efa betsaka ny mamaritra

tany ho azy manokana ankehitriny, eny fa na dia ny tany horaka heverina fa ratsy ka tsy misy mpitia aza.

3-2-1-2-Ny olana eo amin'ny mpandrary

Araka ny efa voalaza teo dia olan'ny mpandrary ny tsy fisian'ny akora, ka mihavitsy ny vehivavy mandrary. Mitarika amin'ny hakamoan'ireo vehivavy mahay mandrary tsy handrary izany satria sarotra ny mitady ny akora ary lafo vidy. Etsy andaniny, ny adim-piainana izay nahatonga ny vehivavy handray adidy aman'andraikitra hafa ankoatra ny fikarakarana ny token-trano dia isan'ny mampihena ny isan'ny mpandrary. Ny miralenta ihany koa no nahatonga ny tovovavy antemoro hianatra avokoa fa tsy nijanona tany amin'ny ambaratonga fototra tahaka ny taloha. Izany hoe ny tovovavy ankehitriny dia tsy mahay mandrary ny ankamaroany ka tsy afaka hanatevin-daharana amin'ny fandrariana, na ho fihariana izany na ho fialam-boly na ho fanampiana ny ao an-tokan-trano. Ny mahay mandrary kosa tsy marisika satria tsy ampy hahavelona azy ny rary ka aleony mikaroka asa hafa ivelomana ary hajanony ny rary na hataony vadin'asa fotsiny ihany. Rehefa tsy maintsy mila rary ampiasainy amin'ny fomba fiainana ny rary antemoro indray izy vao mandrary na mividy amin'ny hafa raha tsy manam-potoana. Olana izany satria mampihena ny fampianarana rary ny taranaka na ny hafa, mety ho arafesina ihany koa ny saina ka hadino ny fahaiza-manao izay tokony hanehoany ny maha izy azy tsara.

FAFANA 9: Ny fafana maneho ny isan'ny mpandrary

kaomimina	Lahy	Vavy	faripahaizana			
			Tsy nandalo sekoly	EPP	CEG	Lycée
Andemaka	3	28	5	19	7	0
Anoloka	1	242	69	148	21	5
Ifatsy	4	18	3	13	3	3
Ivato	0	62	30	22	9	1
Lanivo	3	1	0	1	3	0
Mahabo	0	9	0	6	3	0
Mahasoabe	1	17	6	11	1	0
Nato	1	32	9	18	5	1
Onjatsy	0	8	1	3	4	0
Savana	6	72	2	49	26	1
Vohilany	0	72	3	45	23	1
Vohindava	1	74	9	53	12	1
Vohipeno	3	10	2	5	4	2
Vohitrindry	3	153	23	78	46	6
Antananabo	0	1	0	0	0	1
Ankarimbary	0	4	2	1	1	0
Totaly	26	823	164	472	168	22

Loharano: PROSPERER Vohipeno

Manaraka izany, tsy mahay mamorona na manitatra ny fahaizany mandrary ny mpandrary antemoro, noho izy ireo tsy misy fifandraisana amin'ny mpandrary hafa avy any amin'ny faritra nefa koa tsy misy mpanentana azy ireo hitarika ny sainy hamorona. Efa manatontosa izany ihany ny prosperer raha araka ny resaka nifanaovanay tamin'ireo mpandrary mpikambana tao saingy tsy ampy izany satria tsy matetika ny fisian'izany. Raha

araka ny resaka nifanaovanay tamin'ny tomponandraikitra kosa dia olana amin'izy ireo ny fitarihana ireo vehivavy antemoro, izany hoe sarotra amin'ny olona manan-talenta hafa entin'izy ireo avy any amin'ny faritra ny mampita ilay fahaizany. Izany olana izany dia tsy misy hafa amin'ilay olan'ny mpampianatra manoloana ny fampianarana eto Madagasikara hoe: tsy izay rehetra manam-pahaizana no afaka mampianatra fa izay sady mahay no mahay mampita fahalalana. Izany indrindra no votoatin'ny fanofanana teo anivon'ny sekoly ambony fanofanana ho mpampianatra misy anay izao.

3-2-1-3-Ny olan'ny vokatra rary

Raha araka ny olan'ny akora sy ny mpandrany izay tsy afa-misaraka teo dia tsy afa-misaraka amin'ireo ihany koa ny olan'ny vokatra rary antemoro. Tsy mamaly ny filàn'ireo karazana mpanjifa (tompon-tany, vahiny) ny vokatra hita satria tsy mivoatra manaraka ny toe-trandro sy ny zava-misy fa saika nionona teo amin'ny rary nentim-paharazana avokoa ny karazana rary vokarin'ny mpandrany, hany ka vitsy ny mpanjifa. Ireo izay tsy mahavita mandrany ihany no manjifa azy eny an-tsena ankoatra ireo vahiny vitsivitsy izay tsy mahafantatra akory ny tena ilàna ny rary antemoro ka tsy liana. Vokany, tsy afaka mifaninana eo amin'ny sehatry ny varotra sy fitadiavam-bola ny rary antemoro fa takon'ireo vokatra rary avy any amin'ny faritra hafa izay mamaly ny filàn'ny mpanjifa kokoa, toy ny avy any Toamasina, Fandriana ary Vangaindragno. Izany hoe ny vokatra rary antemoro dia hita ho mirona amin'ireo karazan-drany ilainy amin'ny fomba amam-panaony maha izy azy manokana avokoa, noho izany, izy ao an-toerana ihany no tena iantefan'ny entam-barotra noho ny vahiny izay tsy mahalala ny ilàna ireo rary sy ny fomba fampiasana azy, ny tompontany koa mihavitsy ny mpanjifa satria sondriana ny zava-baovao nentin'ny fanatontoloana ka nanadino na tsy mahalala mihitsy ilay fomba. Tsy misy rahateo sehatra hahalalan'ireo vahiny sy ny taranaka aty aoriana izany kolontsaina izany mba hampahafantarana azy ireo sy hahatadidivan'ny sasany izay nanadinodino. Izany no maha **lovantsaina velona** azy saingy atahorana ho levona izy io afaka taona vitsivitsy raha tsy havaozina sy hitadiavam-bahaolna haingana satria velona ihany izy ankehitriny fa mitsipozipozy. Maro ny vahaolana azo aroso amin'izany, saingy matetika dia tsy misy ny fanatanterahana ireny sosokevitra ireny, noho ny tsy firaharahiana na koa tsy fahampian'ny enti-manana amin'izany. Na izany na tsy izany, ezahanay haroso eto ihany ireo andrana vahaolana tokony hampiharina.

3-2-2-Ny andrana vahaolana

Hoezahina hanolorana vahaolana etoana avokoa ny amin'ny akora sy ny mpandrany ary ny vokatra rary. Ireto vahaolana haroso ireto dia isan'ny hetehetan'ny fiarahamonina antemoro.

3-2-2-1-Eo amin'ny akora

Ny tsy tsy maintsy atao voalohany dia fanentanana sy fitarihana ny mponina hamboly ny akora ilaina amin'ny rary any an-toerana, isan-taona isan-taona. Ny tanjona amin'izany dia mba hampitombo is any mpandrany sy ny vokatra rary ary hampazoto ny olona handrany. Satria n any vehivavy mandrany ho toy ny fialamboly izay mitazona sy mampitombo ary mampita ny haren-taina ao anatiny dia isany voasakan'ny tsy fisian'ny akora, fa tsy ny mandrany hikarakarana ny fitaovanan-tokan-tranony sy ny mpihary amin'ny alalan'ny rary ihany. Noho izany, mahakasika ny tsirairay ity fanentanana ity ka tsy tokony hanahirana ny fitarihana azy ireo hamboly. Ankoatra izany, ny fitaomana ny olona hamboly dia tsy ampy fa tsy maintsy mitondra manam-pahaizana manokana momba ny fambolena sy ny asa fampandrosoana ny mpanentana mba hampahomby ny fanentanana. Amin'izany dia maneho teknika mahomby maro mivantana ireo teknisiana amin'ny fambolena sy fampandrosoana ary mitondra karazana akora hafa ho an'ny faritra mba tsy hahamena-mitaha ny vokatra rary antemoro. Tanjona amin'izany ihany koa ny tsy hitadiavana lavitra sy hividianana lafo ny akora enti-mandrany. Inoana sy azo antoka fa tsy hanahirana ny fanatanterahana izany rah any toe-tany any Vohipeno no jerena, satria efa voalaza tany aloha fa lonaka sy mahavokatra ny tany any Vohipeno ka mety amin'ny karazam-pambolena rehetra.

Raha tontosa izany rehetra izany dia tsy maintsy mandray fepetra ny mponina any an-toerana mba hiarovana ny akora: asiana vanim-potoana ny filàna ny akora ary hametrahana dina na lalàna ifampifehezana mba hisian'ny fifanajana ka tsy hisy ny hangalatra na hanimba ny voly.

3-2-2-2-Eo amin'ny mpandrany

Ny mpandrany antemoro dia saika nionona teo amin'ny rary antemoro nentim-paharazana avokoa. Noho izany, mba hisian'ny fivoarana sy ny fampandrosoana azy ireo dia:

-Entanina ny sain'izy ireo hikaoka tetika fandrariana hafa ankoatra ny mahazatra sady hamorona ihany koa karazan-javatra maro azo vokarina.

-Zarina ny mpandrany hifanakalo traikefa amin'ireo mpandrany hafa monina any an-toerana mba hahalalan'ny olona maro ny rary antemoro sy hahazoan'izy ireo traikefa vaovao hanatsarany ny azy.

Efa manao izany ihany ny Prosperer, ivo fanoitra ao Vohipeno saingy tsy ampy satria raha ny nambaran'ireo mpikambana sendra anay satria ny fitaovana ilaina toy ny hety, metatra...no hanampiany azy ireo, ary ny akora hafa toy ny rofia, rabäny...fa ny teknika fandriana avy any amin'izy ireo mba hanatsarana ny rary tena antemoro dia tsy misy, fa mampiditra rary hafa avy any amin'ny faritra hafa (betsileo no matetika) no ataon'izy ireo, izany dia tsy tafita amin'ireo mpandrany noho ilay kolontsaina antemoro tia mitazona mafy ny maha izy azy ary koa tsy mahaliana azy satria tsy mhakasika ny antemoro. Izany hoe tena mila fanabeazana sy mpanabe matianina ny mpandrany.

3-2-2-3-Eo amin'ny vokatra rary

Ny vokatra rary antemoro dia tena mila vahaolana matanjaka satria miankina amin'ny fanomezan-danja ny vokatra no hampiezaka sy hamporisika ny mpamokatra azy. Maro ny azo atao mba hitanana ny maha izy azy hatramin'izay ny rary antemoro sy hampisondro-danja azy hatrany:

- Ny fitadiavana mpanjifa hatrany ivelany ho an'ireo mpandraharaha sy ireo mpandrany indrindra ihany koa
- Hetsika ara-kolontsaina toy ny foara ... hampahafantarana ny olon-drehetra fisiany sy ny antom-pisiany, indrindra ho an'ireo zanaka antemoro izay efa manomboka tsy mahatsiaro na tsy mahalala mihitsy izany.
- Fanentanana ireo ray aman-dreny hitarika ny zanany hitia sy hanaja ary hanome hasina ny rary antemoro
- Fanentanana ireo tanora hahay hitrandraka ny rary antemoro ho tombotsoa ho azy sy ny faritra misy azy mba hampivoatra ny kolontsaina antemoro ka hirehereha amin'izany;
- Fanoratana ho ara-panjakana amin'ny fomba ofisialy ny fanana ny rary antemoro, mba ho hitan'izao tontolo izao ka tsy hisy ho sahy hisandoka toy ny “papier antemoro” izay voalaza ankehitriny fa an'i nosy Maurice.

Fanamarihana: Izahay dia manana ezaka manokana amin'ny maha mpiofana ho mpampianatra sy amin'ny maha taranaka antemoro ny tenanay. Izany dia ezaka ho amin'ny fampidirana ny rary antemoro ho isan'ny lisitry ny vakoka **lovantsaina velona** harovana eo anivon'ny UNESCO. Ary nandritra ny asa fikarohana nataonay dia nahatsapa izahay fa

tokony hasiana tranom-bakoka na **mozea** any amin'ny distrikan'i Vohipeno mba hitehirizana, hanangonana, hiarovana ary hianarana sy hampahafantarana ny Malagasy sy ny taranaka rehetra ny harentsaina antemoro sy ny lovantsaina velona antemoro. Satria ny foko antemoro dia manankarena kolontsaina ary tsy azo dinganina mihitsy amin'ny tantaram-pirenena Malagasy hatramin'ny fahagola ka mandraka ankehitriny.⁵⁷ Ny mozea rahateo dia hita fa manampy ny UNESCO amin'ny tanjony ny amin'ny PCI maneran-tany izay efa nambara tany aloha.

Inona no atao hoe mozea ary mozea tahaka ny ahoana no tokony hajoro ao Vohipeno mba hampandroso ny distrikan'i Vohipeno ka ho reharenan'ny firenena eo anivon'izao toontolo izao raha ity rary antemoro-**lovantsaina velona** ity no tena hifotorany?

3-2-3-Ny ezaka fananganana mozea

Ny fananganana mozea dia misy fepetra maro. Rehefa azo lazaina fa mahafeno izany fepetra izany ny toerana sy ny zava-misy kendrena hanaovana mozea dia azo atao tsara ny mampijoro izany. Inona moa ny atao hoe mozea? Ary inona avy ny fepetra mifehy ny zavatra tokony ho hita amin'ny mozea?

3-2-3-1-Ny atao hoe mozea

Ny teny hoe “musée” izay nadika amin'ny teny Malagasy hoe “mozea” dia avy amin'ny teny ⁵⁸grika hoe “museion” izay midika hoe tempoly na toerana nohamasinina, fiandrianan'ny fahaizana maro. Tany Alexandrie, ny taona 280 talohan'i Jesosy Kristy no nampiova io teny io hoe “musée”, i Ptolémée I^{er} Sôter mpamorona ny fitondrana andriana tany Egipte no namorona io teny io, izay midika hoe fitambarana toerana masina ao amin'ny tempoly sy ny toerana fitadiavana Fanahy.

Raha ara-kevitra kosa, ny atao hoe mozea arakany famaritan'ny ICOM dia:⁵⁹ *“toeram-pampianarana raikitra , tsy manana tanjona hahazo vola amin'ny asany eo amin'ny fiarahamonina ary ny fandrosoany dia misokatra amin'ny vahoaka izay mandray , mitahiry,*

⁵⁷Anabel MOUSSET, *La sauvgarde du Patrimoine Culturel Immatériel : un enjeu aux multiples facettes*, mémoire de recherche, IEP de Lyon , 2006.P14: «Les musée ont leur rôle à jouer dans la sauvegarde du Patrimoine immatériel au moyen d'enregistrement et de transcriptions tous en s'efforçant de ne pas fossiliser . »

⁵⁸ ICOM, Internet « *Etymologiquement, le terme musée vient du grec museion, temple et lieu consacré aux Muses, divinités des arts. Ce terme designe le premier « musée » construit à Alexandrie vers 280 av.J.C par Ptolémée I^{er} Sôter, fondateur de la Dynastie grecque des lagides en Egypte. C'est un ensemble faisant office à la fois de sanctuaire et de recherches intellectuels* »

⁵⁹ ICOM, Internet : « *Un musée est une institution permanente sans but lucratif au service de la société et de son développement ouverte au public, qui acquiert, conserve, étudie, expose et transmet le patrimoine matériel et immatériel de l'humanité et de son environnement à des fins d'étude, d'éducation et de délectation* »

mandinika, maneho sy mampita ireo vakoka ara-pitaovana sy lovantsain'ny olona "le patrimoine materiel et immaterial de l'humanité" ary ny tontolo iainany ny hiafaran'ny fandinihana, ka ho tonga fampianarana sy fahafinaretana eo amin'ireo vahoaka ireo"

Izany hoe isan'ny andrim-panjakana ny mozea, saingy natao ho fampianarana sy fanomezana fahafinaretana maimaimpoana ho an'ny olona ny vakoka rehetra ao anatiny fa tsy natao hitadiavam-bola akory, manampy ny olona amin'ny fandrosoana ny tanjona amin'ny mozea.

3-2-3-2-Ireo fepetra mifehy ny zavatra tokony ho hita ao amin'ny mozea

Misy fepetra vitsivitsy tsy maintsy feno takiana amin'ireo zavatra hapetraka ao anaty mozea: tokony hisy fifandraisana amin'ny toerana sy ny mponina hasianana azy, izany hoe mifandray amin'ny fotoana nisian'ily zavatra, ny tompony sy ny toerana nampiasana azy. Amin'izany dia takiana ny porofo maneho ny tontolon'ily zavatra hatao anaty mozea sy ny tantarany.

Ny zavatra rehetra anefa dia manana io porofo io avokoa , izany hoe manana ny tompony , ny toerana nisy azy , ny fotoana nisiany. Saingy ny mampiavaka ny zavatra atao anaty mozea dia noho izy zavatra miavaka amin'ny hafa, tsy fahita raha tsy ao amin'ily toerana, ny olona ao no mahay mikirakira azy tsara voalohany fa mpianatra ny hafa satria izy no tompony, ary misy tantara mamatotra azy amin'ily toerana sy ny tompony ary ny fotoana nisiany. Azo lazaina amin'ny hevitra fohy izany hoe: tsy ny fiainana andavanandro rehetra itovian'ny olon-drehetra maneran-tany no atao anaty mozea fa izay zavatra tsy hitovian'ny rehetra; ohatra: ny vato sarobidy, ny zava-maniry sy ny biby, ny asa tàmàna, ny tantara, ny fomba fiainana sy ny fiarahamonina....Ireny rehetra ireny rehefa miavaka ka tsy hitovian'ny rehetra maneran-tany dia azo atao anaty mozea raha misy porofo mazava sy tantara mampitombona ny fisiany. Azo ambara araka izany fa zava-nisy ihany saingy voaporofa ny fiavahany amin'ny hafa, ireny no atao anaty mozea. Araka izany dia misy karazany maro ny mozea ary samy manana ny mampiavaka azy ny tsirairay.

⁶⁰Ny mozea dia misy karazany enina lehibe izay samy manana ny maha izy azy avy izy tsirairay satria samy mitondra fandrosoana sy fivoarana mankany amin'ny maoderina avokoa

⁶⁰ Internet, musée : « *le musée montre l'art , mais aussi la science, la technique , l'histoire , toutes les nouvelles disciplines porteuses de progrès et de modernité* »

- 1) Mozea arkeôlôjia: fahaizana ny momba ny nataon'ny ntaolo “musée d’archéologie”, izany hoe ireo taozavatra ntaolo manana ny tantarany sy ny mampiavaka azy manokana no hita ao, ohatra ny “trano falafa” anaon'ny ntaolo antemoro
- 2) Mozean'ny zavakanto, ny asatanana kanto sy ny fahaizana haingo “musée d’art, musée des beaux-arts, musées des arts décoratifs” : ny karazana zava-kanto rehetra toy ny hira , mozika, rary, ny sary ...
- 3) Mozean'ny tantara “musée d’histoire”, ny tantara no tena mandrkitra ilay mozea fa ny fitaovana hita ao dia toa porofo sy fampahatsiahivana ny mpitsidika; ohatra ny mozean'ny zandarimaria ao Moramanga, toerana nanatontosanay dia fibeazana nandritra ny fiofanana tao amin'ny ENS; raha ny hita tao amin'izany dia ny tantaran'ny fitondram-panajakana Malagasy hatramin'ny fanjanahantany ka hatramin'ny andron'ny filoham-pirenena ankehitriny miampy ny tantaran'ny asa ratsy fanaon'ny dahalo sy ny tsy mpanara-dalàna rehetra , nisy sary ny zavatra maro nanaporofa izany tao, ohatra : ny sarin'ny filoham-pirenena nifandimby, ny moaran'ny dahalo lavon'ny zandary, ny rongony sy ny toaka gasy tsy ara-dalàna saron'ny zandary, ny karazana basy... Marihina fa tsy azo nalaina sary ireo zavatra rehetra tao amin'ity mozea ity ka izany no tsy nananay.
- 4) Mozean'ny siansa , ny tantaran'ny natiora “musée de sciences , musée d’histoire naturelles » , azo ambara ho isan'ny mozea maneho ny siansa ssa ny natiora ny mozea Ankiba any Mahajanga satria ny karazana tany , biby, vato, ary ireo karazana voan-javatra fanamboarana vakana no hita ao, azo sokajiana ho mozea ihany koa ny trano fandraisana ny olona ao amin'ny valanjavaboary voaaro ao Andasibe notsidihanay tamin'ny fotoana fiofanana teto anivon'ny sekoly.
- 5) Mozean'ny tetika amin'ny fahaizana iray manokana “musée des techniques” : tsy hita ity karazana mozea ity noho izy saro-pady ,ka mety hahatonga ny olona mpitsidika azy hanaotao foana ary mety hitera-doza ; fa horaisitsika ohatra ny toerana fanaovana bala any amin'ny miarammila ao Moramanga , ny miaramila ihany no manan-jo hitsidika ao noho izy manana tsiambaratelo tsy azo avoaka amin'ny olon-drehetra. Io toerana io dia tsy mozea saingy ny zava-misy ao dia tena tokony atao anaty mozea noho ny toetoetrany sy ny fepetra mandrafitra azy izay manana ny tontolony ifandraisan'ny tantarany sy ny fotoana ary ny toerana misy azy.
- 6) Mozean'ny etnôlôjia “musée d’ethnologie”: ny fomba fiainan'ny fiarahamonina no atao ao anatin'ny mozea, ny fomba fiainana izay manana ny maha izy azy ka mampiavaka amin'ny fiarahamonina hafa. Ohatra ny azo anaty mozea amin'izany di

any fomban'ny sakalava “fitampoha”, “fandroana andriaka” an’ny Anakara-Antemoro, ny “sambatra” Antambahoaka...

